



ONIVERSITEN'ANTANANARIVO

FAKIOLITEN'NY TENY AMAN-TSORATRA
SY NY SIANTSAN'NY MAHA OLONA

SAMPANA TENY SY LAHABOLANA ARY RIBA
MALAGASY

RANTSAM - PIOFANANA : LITERATIONA

NY POROFO IORENAN'NY FANOHANAN-
KEVITRY RAHAJARIZAFY AO AMIN'NY
BOKY
HANITRA NENTIN-DRAZANA

Asa fikarohana natao hahazoana ny mari-pahaizana Maîtrise ès-Lettres

Mpikaroka : RAKOTONDRAZAKA Fenotoky Elisa

Mpitarika : RABENALISOA RAVALITERA Jean

11 Desambra 2013

ONIVERSITEN'ANTANANARIVO

**FAKIOLITEN'NY TENY AMAN-TSORATRA
SY NY SIANTSAN'NY MAHA OLONA**

**SAMPANA TENY SY LAHABOLANA ARY RIBA
MALAGASY**

RANTSAM - PIOFANANA : LITERATIONA

**NY POROFO IORENAN'NY FANOHANAN-
KEVITRY RAHAJARIZAFY AO AMIN'NY
BOKY
HANITRA NENTIN-DRAZANA**

Asa fikarohana natao hahazoana ny mari-pahaizana Maîtrise ès-Lettres

Mpikaroka : RAKOTONDRAZAKA Fenotoky Elisa

Mpitarika : RABENALISOA RAVALITERA Jean

11 Desambra 2013

TENY FISAORANA

Fifaliana lehibe ho anay tokoa ny fahavitan'izao asa izao, koa tsy hainay ny tsy hisaotra ireo rehetra niara-nisalahy tarninay ka nahatontosa izao asa fikarohana izao.

Isaorana voalohany, Andriamanitra fa izy no nipoiran'izao tontolo izao. Ny fitiavany no nitantana ny dianay ka tratra soa izao tanjona izao. Ho azy, anie, ny voninahitra hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Manaraka izay, isaorana koa ianao Andriamatoa filoha, Profesora RANDRIAMAROLAZA Louis Paul, izay nanaiky hitarika izao fanohanana ampahibemaso ny vokatry ny asa fikarohana nataonay izao. Fantatray fa maro ireo adidy aman'andraikitra sahaninao nefa dia nanaiky an-tsitra-po ny fiangavianay ianao.

Toloranay fisaorana ihany koa ianao Andriamatoa mpitsara, Dokotera RABARIJAONA Bernardin, nanaiky hitsara anay amin'izao asa izao na maro aza ny andraikitra sahaninao koa mankasitraka eram-po eran-tsaina tompoko.

Singanina manokana ianao Andriamatoa mpampiaka-teny, Dokotera RABENALISOA RAVALITERA Jean, mpampianatra mpitarika anay. Ianao no fanilo nitsilo hatrany ny dianay. Tsy nitandro hasasarana tamin'ny fanitsiana ny asa, ary nanaiky hohelingelenina tamin'ny fotoana rehetra. Nikely aina fatratra ianao mba hahatafitra anay koa omenay fankatelemana. Homba anao Andriamanitra ary hahita rariny amin'izay asa efa niantsoany anao, ianao.

Tsy azo odian-tsy hita ianareo mpampianatra sy mpanabe rehetra. Nanao izay tandrify anareo mba hahatomombana antsakany sy andavany ny fampitam-pahalalana taminay.

Isaorana ianareo vady aman-janaka, feno dia feno ny fo noho ireo fanohanana sy torohevitra ary famporisihana nataonareo tamin'izao asa fikarohana izao. Farany, misaotra eram-po eran-tsaina ireo ray aman-dreny, zoky sy zandry ary ireo havana aman-tsakaiza nanohana anay ara-kevitra sy ny nenti-nanana tamin'ity asa fikarohana ity.

Fisaorana, fankatelemana indrindra tompokolahy sy tompokovavy no atolotray anareo “Sitraka hoenti-matory izao ka hovaliana raha mahatsiaro”.

RAKOTONDRAZAKA Fenotoky Elisa

II

FIZAHAN-TAKILA

0- TENY FAMPIDIRANA

0.1 NY SEHATRA IROTSAHANA.....	01
0.2 FANOLORANA NY BOKY.....	01
0.3 FANOLORANA NY LOHAHEVITRA SY ANTON'NY SAFIDY.....	02
0.4 TANJON'NY ASA FIKAROHANA.....	03
0.5 PETRAKOLANA.....	04
0.6 PETRAKEVITRA	04
0.7 HAITSIKERA AMPIASAINA.....	05
0.8 NY FOMBA FIASA.....	07
0.9 NY DRAFITRY NY ASA.....	07

1. FIZARANA VOALOHANY: NY MOMBA NY MPANORATRA AMIN'NY ANKAPOBENY SY NY POROFO MANEHO IZANY

1.1.NY MPANORATRA AMIN'NY ANKAPOBENY..... 08

1.1.1. NY TONTOLO NIPOIRANY..... 09

1.1.1.1 Avy amin'ny Rainy..... 09

1.1.1.2 Avy amin'ny Reniny..... 09

1.1.2. NY LÂLANA NODIAVINY..... 10

1.1.2.1 Ny fianarana nataony..... 10

1.1.2.2 Ny andraikitra nosahaniny..... 10

1.1.2.3 Ny boky nosoratany..... 10

1.1.2.4 Ny toerany eo amin'ny firenena..... 11

1.2. NY MPANORATRA ARAKA NY AHITANA AZY AO ANATY ASA SORATRA..... 13

1.2.1. IREO POROFO MANEHO NY FIAINANY AMIN'NY ANKAPOBENY..... 14

III

1.2.1.1 Olona nianatra izy.....	14
1.2.1.2 Mpitory vaovao mahafaly.....	14
1.2.1.3 Nifanerasera tamin'ny Vazaha.....	15
1.2.2. NY TOETRANY SY NY FOTO-PISAINANY	16
1.2.2.1 Tia mandinika ny manodidina azy.....	16
1.2.2.2 Tia tanindrazana.....	18
1.2.2.3 Mpandala ny nentin-drazana.....	18
1.2.2.4 Mpananatra sy mpanome toro-hevitra ho an'ny iray tanindrazana aminy.....	18
1.2.2.5 Tia filaminana.....	22
FEHIN'NY FIZARANA VOALOHANY.....	24
2. FIZARANA FAHAROA: NY ZAVA-NISY TAMIN'NY FOTOANA NANORATANA NY BOKY SY NY POROFO NAHITANA IZANY	
2.1 NY ZAVA-NISY TETO AMIN'NY FIRENENA.....	25
2.1.1. NY NANORATANA NY BOKY.....	25
2.1.1.1 Ny fotoana.....	26
2.1.1.2 Ny toerana.....	26
2.1.2. FOTOANAN'NY FANJANAHAN-TANY.....	26
2.1.2.1 Nofehezina ny Frantsay ny Malagasy.....	26
2.1.2.2 Naneho ny maha izy azy teto ny Frantsay.....	28
2.1.2.2.1 Ny toetrany sy fomba fanaony.....	28
2.1.2.2.2 Ny fahaizany.....	30
2.1.3. NY VANIM-POTOANA NISY NY LITERATIORA MALAGASY.....	31
2.1.3.1 Ny tantaran'ny literatiora.....	31
2.1.3.2 Ny porofo maneho ny vanim-potoana ao anaty asa soratra.....	33

2.1.4. NIROBOROBO NY FIVAVAHANA KRISTIANA.....	34
2.2 NY ZAVA-NISY TENY ANIVON'NY FIARAHAMONINA.....	35
2.2.1. TSY HITTA TARATRA LOATRA INTSONY NY MAHA-MALAGASY.	35
2.2.1.1 Niharava ny fihavanana.....	36
2.2.1.2 Niolonolona ny sasany.....	36
2.2.1.3 Nalazo ny firaisan-kina.....	36
2.2.1.4 Niova ny fomba fisainana sy fanao.....	37
2.2.2. EFA NANOMBOKA NIROSO TAMIN'NY FIVOARANA SY	
FAHALALANA.....	39
2.2.2.1 Ny fivoarana nahasoa.....	40
2.2.2.2 Ny fivoarana nanimba.....	40
2.2.2.3 Misy ihany ireo Malagasy tsy manadino ny maha izy azy.....	41
FEHIN'NY FIZARANA FAHAROA.....	42
3. FIZARANA FAHATELO: NY POROFO MANEHO NY TANJON'NY	
MPANORATRA SY FOMBA NANATANTERAHANY IZANY	
3.1 NY TANJON'NY MPANORATRA.....	43
3.1.1. FANANDRATANA NY HANITRA NENTIN-DRAZANA MALAGASY	43
3.1.1.1 Mikasika ireo hery mahalasa lavitra azy amin'ny fihavanana.....	43
3.1.1.2 Eo amin'ny fanilo ahatakarany amin'ny fahalalana.....	44
3.1.1.2.1 Ny fahaizana mandaha-teny.....	44
3.1.1.2.2 Ny fahaizana mamantatra	46
3.1.2. FAMPAHATSIAHIVANA HO AN'IREO IZAY NINIA NANADINO...	49
3.1.2.1 Mahay mifanaja ny Malagasy.....	49
3.1.2.2 Toetra mampiavaka antsika ny angolangolam-pitiavana.....	51
3.1.2.3 Fototra iorenan'ny fihavanana ny fitia mifamaly.....	52

3.1.3. FANEHOANA IREO FOMBA SY TOETRA NAMPIAVAKA NY MALAGASY.....	54
3.1.3.1. Ny fombany.....	54
3.1.3.2. Ny toetrany	57
3.1.3.2.1 Tia fihavanana.....	57
3.1.3.2.2 Miankina amin'ny lahatra.....	59
3.1.3.2.3 Tia rariny.....	59
3.1.3.2.4 Aingan'ny fo.....	60
3.2 NY FOMBA NANATANTERAHANA NY TANJONA.....	60
3.2.1. FAMPIASANA VOAMBOLANA VOAFANTINA	61
3.2.1.1 Ny voambolana manindrahindra.....	61
3.2.1.2 Ny voambolana milaza hatsarana.....	61
3.2.2. FAKANA OHATRA AKAIKY SY MARINA MIKASIKA IZAY ZAVATRA LAZAINA.....	62
3.2.3. FAMPIASANA KARAZANA LITERATIORA SAMIHAFANA.....	63
3.2.3.1 Ireo Ohabolana sy fomba fiteny.....	63
3.2.3.2 Ny tononkalo.....	65
3.2.3.3 Ny hainteny.....	65
3.2.4. FAMPIASANA KARAZANA SARIN-TENY.....	66
3.2.4.1 Fanontaniana tsy miandry valiny.....	66
3.2.4.2 Fanovana endri-javatra.....	67
3.2.4.3 Fanovana anarana.....	69
3.2.4.4 Fomba filazan-javatra mihoatra ny tena izy.....	69
3.2.4.5 Filaza manao an-tanan-tohatra.....	70
3.2.4.6 Ny fehezanteny na fehezankevitra mitovy firafitra.....	70
3.2.4.7 Tamberina andianteny sady fehezanteny mitovy firafitra isaky ny	

VI

fiandohana fizarana	71
FEHIN'NY FIZARANA FAHATELO.....	72
TENY FAMARANANA.....	73
FAMINTINANA	
BOKY NOVAKIANA	
TOVANA	

VII

LISITRY NY FAFANA

- **Fafana 01:** mampiseho ny taona sy ny toerana nianaran'ny mpanoratra.....10
- **Fafana 02:** maneho ny fomba nandaharany ny fizarana ao amin'ny boky.....22
- **Fafana 03:** ny tantaran'ny literatiora.....32
- **Fafana 04:** ohabolana sy fomba fiteny.....64
- **Fafana 05:** maneho ny fanovana endri-javatra.....68

LISITRY NY KISARY

- **Kisary 01:** I Antoine de Padoue RAHAJARIZAFY.....8

FANAFOHEZAN-TENY

- **Lah:** Laharana
- **Tak:** Takila
- **And:** Andininy
- **Andl:** Andalany
- **Ed:** Edition
- **Col:** Collection
- **CEDS:** Centre d'Etudes Diplomatiques et Stratégiques
- **SMOTIG:** Service de la Main d'Œuvre pour les Travaux d'Intérêt General
- **VVS:** Vy Vato Sakelika
- **ECAR:** Eglise CAtholique Romaine

DIKAN-TENY

- **Normativité naturelle:** endrim-penitra voajanahary
- **Ethos:** ny maha izy ny mpanoratra
- **Contexte:** zava-nisy na hodidina
- **Objectif:** tanjona
- **Interrogation rhétorique:** fanontaniana tsy miandry valiny
- **Metaphore:** fanovana endri-javatra
- **Métonymie:** fanovana anarana
- **Hyperbole:** fomba filazan-javatra mihoatra ny tena izy
- **Gradation:** filaza manao an-tanan-tohatra
- **Preuve:** porofo
- **Approche biographique:** haitsikera ara-tantaran'ny mpanoratra

0- TENY FAMPIDIRANA

Manao asa fikarohana ny mpianatra tsirairay eto amin'ny Fakioliten'ny Teny aman-tsoratra sy ny Siansa maha Olona mba hahazoana ny maripahaizana MAITRISE es Lettres. Koa ankehitriny, tonga amin'izany dingana izany izahay, ka izao manohana am-pahibemaso izao ny vokatra ny asa nataonay. Tsy ho fanenjehana maripahaizana fotsiny anefa izany, fa mba hanehoana ny maha-mpianatra mahay mikaroka sy mandamina ihany koa.

0.1- NY SEHATRA IROTSAHANA

Fitaovana ilaina eo amin'ny fanabeazana, eo amin'ny fanolokoloana ny maha olona, eo amin'ny fifaneraserana ny literatiora. Ao anatin'izy ireny no andraketan'ny mpanoratra ny hafatra tiany hampita amin'ny fiarahamonina. Samy manana ny fomba fampitany hafatra anefa ny mpanoratra tsirairay fa ny tanjona dia iray ihany : ny *hahazoan'ny mpamaky ny hafatra*, ny *hahatonga azy hiraharaha izay lazaina*, ny *hinoany izany* ; *izany hoe ny haharesy lahatra ny mpamaky amin'izay zavatra lazaina*¹ io araka ny filazan'i Olivier Reboul azy. Araka izany dia io sehatry ny fandresen-dahatra io no nanompananay ny fikarohana natao.

Maro ny zana-tsehatra azo idirana raha ny asa fikarohana mikasika izany no asiana resaka. Afaka misafidy izay tiany hidirana noho izany ny mpikaroka ary afaka misafidy izay fomba fijery hitondrany ny asa. Miankina amin'ny fahalalana ananany anefa izany.

Ny mikasika ny fanaporofoana ary no hojerena ato amin'ity asa fikarohana ity ka ny lahatsoratra noforonim-pieritreretana² no hanaovana ny fanadihadiana. Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fandresen-dahatra mantsy ny porofo entina manohana ireo hevitra tiana hampita.

0.2- FANOLORANA NY BOKY

Nosafidiana hanaovana ny fikarohana ny boky Hanitra nentin-drazana. Nosoratan'i Antoine de Padoue RAHAJARIZAFY tamin'ny taona 1939. Maneho ireo toetra sy fahalalana ary fahaizana ananan'ny Malagasy, araka ny nahitana azy teto Imerina, izay iavahany amin'ny vahiny izy ity amin'ny ankapobeny. Ezahan'ny mpanoratra asongadina ao ireo toetra ireo satria lazainy fa *nokobokobonina sy nasitrisitrika ka nataon'ny mpitazana ho efa nanjavona*³.

¹ REBOUL (O), 1984, La rhétorique, presse universitaire de France, 1^{er} ed, pp121

« pour faire comprendre, pour faire agir, pour faire croire, en un mot pour persuader »

² RAJAONA(S), 1972, Takelaka notsongaina II, Ambozontany Fianarantsoa, pp 478, tak 281 (araka ny namaritany azy)

³ RAHAJARIZAFY (A), 1970, Hanitra nentin-drazana, Ambozontany Fianarantsoa, 4^{eme} Ed, tak 9

Misy fizarana lehibe roa ny boky:

- ny voalohany: “Hery mahalasa lavitra azy amin’ny fihavanana”. Ny mpisolo tena “azy” eto dia misolo ny anarana hoe “Malagasy”. Hazavainy ao ny mikasika ireo hery telo ireo dia ny hantahanta, ny fifanomezana ary ny fifanajana.
- ny faharoa: “Fanilo ahatakarany lalina amin’ny fahalalana”. Ny mpisolo tena “ny” kosa eto no misolo ny “Malagasy”. Mizara telo ity fizarana faharoa ity: ny fahaizany mamantatra asehon’ny fihetsiny, ny fahaizana mamanta-javatra ary ny fahaizana mamantatra olona.

Hita eo alohan’ny fizarana voalohany ny lahatsoratra nosoratan’ny mpanoratra manokana ho an’ny tanora. Nampitondrainy ny lohateny hoe “Ho anao tanora solofo dimbin’ny ala” izy ity. Amin’ny ankapobeny, ahitana ireo antony nanosika azy hanoratra ny boky io lahatsoratra io. Ao aorian’io kosa ny sorotsori-dresaka natao hampidirana ny lohahevitra.

Any amin’ny faran’ny boky kosa ny “Tantsoroka apetraky ny zoky”. Mirakitra ireo hafatra sy anatra omen’ny mpanoratra ny tanora mikasika io hanitra nentin-drazana io ity teny famaranana ity.

Maharitra sady voatahiry, mantsy, ny soratra ka misy holovain’ny taranaka mandimby. Afaka mahita izany hafatra izany avokoa ny aty aoriana na efa tsy eny intsony aza ny mpanoratra. Araka ny voalazan’i Francois RAKOTONAIVO hoe: “*Ny soratra izay mivela mantsy dia lovan-tsaina sarobidy ho an’ny taranaka, ka hipetraka maharitra ho vavolombelona*”⁴.

0.3- FANOLORANA NY LOHAHEVITRA SY ANTON’NY SAFIDY

0.3.1 Lohahevitra

Ny lohahevitra nosafidiana dia ny hoe: « Ny porofo iorenan’ny fanohanan-kevitra RAHAJARIZAFY ao amin’ny boky Hanitra nentin-drazana »

0.3.2 Anton’ny safidy

Ny mpanoratra Antoine de Padoue RAHAJARIZAFY no niantefan’ny safidy mba hanaovana izao asa fikarohana izao. Antony maromaro no nahatonga izany safidy izany:

⁴RAKOTONAIVO (F), 1993, Ny diampenin’i Avana RAMANANTOANINA (1891-1940), Ambozontany, Fianarantsoa, tak 4

- Iaraha-mahalala fa mpanoratra manana ny lanjany eo amin'ny fandinihana sy fankafizana ny maha malagasy izy ary nanome lanja izany hatrany tao amin'ireo boky nosoratany.
- Iorenan'ny safidy ihany koa ny maha mpanoratra nanana ny maha izy azy teo amin'ny sehatry ny literatiora malagasy.
- Zava-dehibe ihany koa ny maha relijiozy azy ary tsy azo atao ambanin-javatra izany satria ahitana akony any amin'ny fomba fijeriny sy fiheviny izany.
- Ary farany, raha ny sehatry ny fikarohana no jerena dia mbola vitsy ireo nanao fikarohana momba ny asa sorany ka izany indrindra no nanosika anay hisafidy azy.

Eo amin'ny asa soratra kosa, araka ny voalaza teo aloha, dia ny boky Hanitra nentin-drazana no hanompanana ny fanadihadiana. Isan'ny nahatonga io safidy io ireto antony ireto :

- ny fahitana ireo fanohanan-kevitra samihafa ampiasain'ny mpanoratra ao amin'ny lahatsoratra mba hahatafita tsara izay tiany hambara any amin'ny mpamaky, dia ny fananan'ny Malagasy ireo toetra izay mampiavaka azy izany.
- Ny fahatsapana fa mahaliana sy mampieritreritra ny zavatra izay voalazany ao amin'ity asa sorany ity.
- Ny maha lahatsoratra noforonim-pieritreretana azy. Izany hoe, raha ny voalazan'I Simeon Rajaona, dia:

“Ny fieritreretana, ny saina manapatapaka, mandinika sy mandanjalanja mikaroka sy mikatsaka ny marina, ny tsara sy ny mety no entin'ny mpanoratra mandrafitra sy mandrany ny lahatsorany”⁵. Misy akony eo amin'ny zavatra soratana mantsy io fomba nanoratana io ary miankina amin'izay voasoratra no mety handraisan'ny mpamaky azy na tsia.

0.4 TANJON'NY ASA FIKAROHANA

Kendrena amin'ity asa fikarohana ity ny fampahafantarana amin'ny mpamaky fa manana olomanga tokoa ny firenena Malagasy. Isan'ireny ny mpanoratra izay mamelo-maso ny tenim-pireneny sy ny maha-malagasy.

Zava-dehibe amin'ny firenena mantsy ny fananana olomanga mba hahazoana manabe ireo solofo dimbin'ny ala. Araka ny filazan'i Charles RAJOELISOLO hoe:

“Misy banga lehibe eo amin'ny fiainam-pirenena Malagasy, dia ny tsy fahalalan'ny vahoakany ny olomangan'ny fireneny. Koa ny firenena izay tsy manana na tsy mahalala ny

⁵ RAJAONA (S), 1972, op cit ,tak 281

maherifony. Ataony fa zero izy. Tonga tsy matoky tena ny vahoaka ao aminy fa miandry olona hafa hamonjy azy lalandava. Ny hany mba ataony dia mindrana ny an'ny hafa hoenti-mitaiza ny zatovo ao aminy. Ary satria tsy azy ireo “héros” ambara aminy ireo dia tsy afaka hika-roka izay maha-izy azy izy. Maizina aminy ny sori-dalana tokony halehan'ny firenena”.⁶

Etsy andaniny koa dia isan'ny tanjona kendrena ny mba hampahafantatra ireo izay tsy mahalala ary hampahatsiahy ireo izay mahafantatra saingy manadino ny hanitra nentin-drazantsika.

Araka ny voalazan-dRahajarizafy dia « *toe-panahy soa mampiavaka ny isam-pirenena no hanitra nentin-drazana: io no marika tsy mahavery tandindona ny ray aman-dreny teo aloha, io no lova tsy mifindra ireharehan'ny solofo amam-para aty aoriana* »⁷ ny hanitra nentin-drazana. Regis RAJEMISA RAOLISON kosa dia mamaratra azy hoe: “*ny hatsaran-toetran'ny razana izay mbola tokony ho tanan'ny taranany*”⁸. Heverinay fa zava-dehibe tokoa izany ary tokony hofohazina sy hovelomina ary hampahatsiahivina ny Malagasy rehetra.

Ary farany, izay tena lehibe tokoa, dia kendrena ny hanasongadina ireo porofon-kevitra ampiasain'ny mpanoratra amin'ny fanohanana-keviny. Irinay ny hahafantaran'ny fiarahamonina ny maha zava-dehibe ny fampiasana porofo rehefa misy ny hafatra na hevitra tiana hampita amin'ny olona hafa. Mety tsy hahaliana sy hahataitra mantsy izany raha filazana tsotra tsy misy porofo fotsiny no atao.

0.5 PETRAKOLANA

Ny ifotorana ato amin'ity asa ity dia ny fanehoana ireo porofo ampiasain'ny mpanoratra amin'ny fanohanana ny hevitra lazainy ao amin'ny lahatsoratra izay soratany. Teraka noho izany fanontaniana hoe:

“Inona avy ireo porofo ampiasain'ny mpanoratra hanohanany ny hevitra lazainy ao amin'ny Hanitra nentin-drazana ary ahoana ny fomba anatanterahany an'izany?”

0.6 PETRAKEVITRA

Ny tsirairay dia manana ny fomba entiny mandresy lahatra ny olona tiany hanaraka ny heviny. Araka izany dia azo heverina fa mety hisy vokany lehibe eo amin'ny fandresena lahatra ny fahaizana mametraka ireo porofo satria raha mandeha an-jambany fotsiny dia

⁶ RAJOELISOLO (CH), 1974, “*Lahateny momba an'Andriamatoa Rabary sy ny Maritiora*” in Fary Mamy, kilasy famaranana, Trano printy Loterana, Antananarivo, tak 325

⁷ RAHAJARIZAFY (A), op cit tak 9

⁸ RAJEMISA RAOLISON (R), 2003, Rakibolana Malagasy, Ed Ambozontany Analamahitsy Antananarivo

hiteraka fikorotanana eo amin'ny mpamaky izany ary mety tsy ho azony mihitsy ny tiana hambara. Mazava amin'izay fa tsy ho resy lahatra izy ary tsy ho tafita ny hafatra.

0.7 HAITSIKERA AMPIASAINA

Ny haitsikera ara-tantaram-piainan'ny mpanoratra no nampiharina hanatanterahana ny asa fikarohana. Haitsikera izay narahin-dry Sainte Beuve sy ry Hyppolite Taine, ary Weber.

Ireo mpahaitsikera ireo dia samy nahatsapa fa misy ifamatorana ny tantaram-piainan'ny mpanoratra sy ny asa soratra. Toy izao ny filazan-dry Weber izany: “*Misy fifandraisana tokoa ny asa soratra sy ny mpanoratra*”⁹

Noho izany, heverinay fa tsara ny hahafantarana ny tantaran'ny mpanoratra: ny tontolo niainany, ny asany, ny karazany sy ny sisa. Nilaza toy izao, mantsy, i Sainte BEUVE: “[/ sarotra amiko ny mitsara azy raha tsy fantatra ny olona, ary ambarako tsy ampisalasalana fa arakaraka ny hazo ny voany ”.¹⁰

Ny haitsikera tokana anefa tsy ampy fa mila haitsikera hafa hameno azy. Voalazan'I B.D Solohery RANARISON fa: “*tsy misy haitsikera tokana ahazoana mandinika ny asa amin'ny lafiny rehetra, petra-kevitra samy hafa no hiaingan'ny mpanao tsikera arakaraka izay lafy kendrena hivoahitra*”¹¹

Noraisina hanampiana azy ary ilay fomba fandinik'I Michael Gilbert mikasika ny loharano nipoiran'ny porofo hoe “normativité naturelle » na endri-penitra voajanahary.

Raha somary hazavaina kely izy ity dia toy izao: ny hoe “normativité” dia avy amin'ny hoe “ norme” izay midika hoe fenitra; ary ny “naturelle” kosa dia midika hoe vita nanahary na voajanahary¹² ka izay no nahatonga anay hiantso azy hoe “endri-penitra voajanahary”. Noho izany ny endri-penitra voajanahary lazaina eto dia ny endri-penitra voajanahary ipoiran'ny fanaporofaana na koa hoe miteraka ny porofo. Nohafuhezin'I Michael

⁹ WEBER(JP), *Genèse de l'œuvre poétique*, Edition Gallimard. Paris, 1960, p 507,

“Il semble qu'il existe un rapport essentiel entre le thème du poète et sa vie, son destin »

¹⁰ Notaterin'i (A) CHASSANG et (Ch) DENNINGER ; *Les textes littéraires généraux*, collection « HU » classique hachette, 1958, p 459 (dika malalaka)

« Il est difficile de juger indépendamment de la connaissance de l'homme, et je disais volontiers, tel arbre, tel fruit »

¹¹ B.D.S RANARISON, « *Ny haitsikera fampiasa amin'ny fandinihana haisoratra* », *Aingam-pivoarana*, lah. Manokana, FIMPATEMA, Antananarivo, 1979, tak 71

¹² J. SIMS sy J.C.KINGZETT, *Dictionnaire Francais-Malgache*, 5^{ème} ed, Trano printy Loterana Tananarive, 1969

amin'ny hoe “ normativité naturelle” fotsiny mantsy ny fiantsoana ity lalantsaina ity ka izany no tianay ho marihana .

I Michael Gilbert dia mpampianatra mpikaroka ao amin'ny departemantan'ny filozofia ao amin'ny Oniversiten'i York any Canada. Marihina fa fomba fandinika isan'ny mbola vaovao ihany izy satria tamin'ny taona 2007 no navoakany tao amin'ny revio *Informal Logic* ka tamin'ny teny anglisy ranoray izany. Avy eo vao nadikan'I Sivan Cohen-Wiesenfeld tamin'ny teny frantsay ka ny lohateniny dia hoe « La normativité naturelle : une théorie de l'argumentation comme discipline engagée ».

Tanjona tamin'ity fomba fandinika vaovao ity ny mba hanolotra fomba fiasa sy fandinika vaovao eo amin'ny fandinihana mikasika ny fanaporofoana ¹³. Tsy maintsy asiana porofo mantsy ny hevitra iray lazaina raha tiana ny hahamari-pototra azy ka hahatafitra azy any amin'izay olona tokony hampitana azy. Tsy tongatonga ho azy anefa ireo porofo ireo fa nisy loharano nipoirany.

Ny mikasika izany indrindra no ambaran'i Michael Gilbert ao amin'ity fandinihana vaovao nataony ity. Ny endri-penitra voajanahary dia mamaritra ireo zava-misy ara-piarahamonina sy ara-kolontsaina¹⁴ izay mibaiko ny fomba fanaporofoana ampiasain'ny olona iray mampita hafatra.

Singa telo lehibe no mibaiko fanaporofoana araka izany hoy izy. Eo ny tanjona tian'ny mpanoratra hahatongavana. Manaraka izany dia ny zava-nisy na ny hodidina amin'ny vanimpotoana anoratana. Ary farany ny maha izy ny mpampita hafatra na ny mpanoratra¹⁵. Mifampiankina anefa izy telo ireo. Ny tanjona dia izay hetaheta sy faniriana ao anatin'ny mpanoratra, ary ny zava-nisy kosa dia mazava ho azy fa izay niainany sy hitany no tena hibahan-toerana.

Ity fomba fandinik'i Michael Gilbert izay hampiasainay ity dia manome lanja ireo singa mibaiko ny fanaporofoana ka ny fijerena izany no hifantohana ato amin'ny asa.

¹³ <http://aad.revues.org/556> (visité le 21 septembre 2012):

« Mon but est d'examiner l'état du champ, et de suggérer des pistes permettant l'intégration des divers éléments et approches qui constituent actuellement la Théorie de l'argumentation »

¹⁴Idem: « La normativité naturelle décrit les moyens sociaux et culturels qui régulent le comportement argumentatif du locuteur »

¹⁵ Idem: Les trois composantes essentielles sont les objectifs, le contexte et l'ethos

Mba hahafahana mijery izany anefa dia ilaina aloha ny mahafantatra be be kokoa ny mikasika ny mpanoratra.

0.8 NY FOMBA FIASA

Mba hahatontosa tsara ny asa fikarohana anefa dia nisy dingana maromaro narahina:

- Dingana voalohany ny fanangonana ny akora hiasana ka amin'ny alalan'ireto no nanaovana izany : fisafidiana ny akora fototra iaingana ; fampiasana ny saina tamin'ny famolavolana ny fomba fiasa ; fijerena ireo tahirin-kevitra maro samihafa ; famakiana boky.
- Manaraka izay dia naravona ireo rehetra hita rehefa voangona avokoa ireo akora ilaina. Natao avy eo ny fandinihana sy fanadihadiana ka esorina izay tsy mifanaraka amin'ny asa hatao ary asokajy kosa izay mifandraika. Irosoana amin'izay ny fitrandrahana ny akora mba hamoahana ny tanjona tiana haseho amin'ny asa fikarohana ary narahana fanaporofa mitombina izay voalaza.
- Ny dingana farany natao dia ny fandrafetana ho boky ny asa vita rehefa voatsara sy voajerin'ny mpampianatra izany.

0.9 NY DRAFITRY NY ASA

Toy izao ary ny drafitra nananganana ny asa. Nozarainay telo ny fikarohana :

- Ao amin'ny fizarana voalohany no hamahavahanay ny momba ny mpanoratra ka ny mpanoratra amin'ny ankapobeny sy ny mpanoratra araka ny ahitana azy ao amin'ireo porofo ampiasainy ao anaty asa soratra
- Ao amin'ny fizarana faharoa kosa no hanehoana ny zava-nisy na ny hodidina tamin'ny vanim-potoana nanoratana ny boky ka ampiasainy amin'ny fanohanankavitra.
- Ao amin'ny fizarana fahatelo no hijerena ny tanjon'ny mpanoratra tao amin'ny asa soratra sy ny fomba nanatanterahany an'izany.

**1- FIZARANA VOALOHANY:
NY MOMBA NY MPANORATRA
AMIN'NY ANKAPOBENY SY NY
POROFO MANEHO IZANY AO
AMIN'NY ASA SORATRA**

Araka ny voalaza teo amin'ny teny fampidirana dia mifaningotra ny asa soratra sy ny mpanoratra mpamokatra ka tokony hosantarina amin'ny filazalazana ny momba azy sy ny fiainany ny asa fikarohana .

Tsy eo amin'ny lafiny literatiora ihany, fa na amin'ny fiainana andavanandro aza dia fanao ny manomboka amin'ny tantaram-piainana.

Manaraka izany, aseho sy ampidirin'ny mpanoratra ao amin'ny asa sorany izany momba azy izany. Misy akony lehibe eo amin'ny fandraisan'ny mpamaky ny zavatra voalaza ao amin'ny asa soratra iray mantsy ny fahitany ny mombamomba ny olona nanoratra azy ao amin'io asa soratra io. Ampiasain'ny mpanoratra ho porofo handresena lahatra mihitsy izany momba azy izany ka mety hivantana na tsia ny fomba anaovany azy.

Manampy betsaka amin'ny fijerena ireo porofo ampiasainy amin'ny fandreseny lahatra ny mpamaky ao amin'ny asa soratra araka izany ny fahalalana ny mpanoratra dieny ety am-piandohana.

1.1 NY MPANORATRA AMIN'NY ANKAPOBENY

Fianakaviana maromaro no mandrafitra ny fiarahamonina, izay azo lazaina ho tompon'antoka amin'ny fanolokoloana sy fanabeazana ny taranaka mba hahavanona azy ireo. “Ny hazo, hono, no vanon-ko lakana, ny tany naniriny no tsara”. Araka izany, dia tsy tokony “hodinganina amin'ny tohatoha-miakatra” ireo loharano nipoirana .Tsy nitsotsorika avy any an-danitra, na nitrebona avy amin'ny tany ary I Antoine de Padoue RAHAJARIZAFY fa manana ny masoandro amam-bolany. Andeha ary hojerena ny mikasika izany.



Kisary 1: Antoine de Padoue RAHAJARIZAFY

1.1.1 NY TONTOLO NIPOIRANY

Manan-danja amin'ny Malagasy ny fahafantarana ny loharano nipoiran'ny olona iray. Azo lazaina ho antoka no sady maneho ny maha izy azy ny tsirairay eo anivon'ny fiarahamonina mantsy izany. Amin'ny fotoana fangataham-bady, ohatra, dia tsy maintsy tononina ny fianakavian'ny mpangataka sy ny an'ny mpamoaka, noho ny fanahina “handady hazo tsy fantatra” dia aleony manontany “fototr'olona”. Manaporofa izany i Charles RAVOAJANAHARY raha manambara fa:

“(...) zava-dehibe teo amin'ny Ntaolo ny mahafantatra ny Razana niavina (...) izany hoe ny Razana no mahatonga antsika hitokian'ny olona mifanerasera amintsika na ifanaovantsika raharaha (...) ny olona tsy fantatra ny Razana nipoirany dia mahakaodikaody ny olona ka nataony hoe mba zana-jovy”¹⁶

Noho izany, dia ilaina ny ahalalana ireo lafin-dRay sy lafin-dReny mba hahafahan'ny mpiara-belona mametraka ny olona iray amin'ny toerana tokony hisy azy.

1.1.1.1 Avy amin'ny Rainy

I Jean-Baptiste Rahajarizafy, mpanoratra nalaza tamin'ny taona 1915-1930 indrindra fa tao amin'ny *Lakolosy volamena*, fantatra tamin'ny anaram-bositra (pseudonym) hoe “Juvénis” no rainy.

Avy ao Ambohimandrosohasina, vohitra kely iray ao anatin'ny vohitra andrian'Ambohimanga no fiaviny, ary taranak'Andriamasinavalona mpanjaka tao Avaradrano.

Nianatra tao amin'ny Kolejy Masindahy Misely tao Ambohipo ity rainy ity ary efa governora tao Fianarantsoa.

1.1.1.2 Avy amin'ny Reniny

I Veronique Razafimbelo kosa no reniny. Avy ao Ambohidrapeto, iray amin'ireo vohitra masina roa ambin'ny folo eto Imerina, no niaviny.

Ny raibeny Andrianaivomaharo dia mpitory teny protestanta nikoizana tokoa. Avy amin'izany no nandraisan'ny mpanoratra ny finoana kristiana.

Taranak'Andrianampoinimerina sy Ramanantenaso, iray tamin'ireo vadiny 12 izy.

¹⁶ RAVOAJANAHARY (CH) “Ny fokonolona”, in Tselatra, laharana 8

Ny fianakaviana avy amin-dreniny no namolavola azy ho feno fahendrena sahala amin'ireo loharano nipoirany dia Andrianampoinimerina. Marihana fa nahatonga azy hanoratra ilay boky mitondra ny lohateny hoe “Ombalahibemaso” izany.

Araka izany, na avy amin'ny rainy, na avy amin'ny reniny dia hita fa taranaka andriana I Rahajarizafy.

1.1.2 NY LÂLANA NODIAVINY

Teraka tamin'ny 7 aprily 1911 teto Antananarivo I Antoine de Padoue Rahajarizafy.

1.1.2.1 Ny fianarana nataony

Nianatra tao amin-dry Frères des Ecoles Chrésiennes tao Andohalo (1918-1920) sy tao amin'ny Collège Saint-Michel Amparibe(1921-1923) izy talohan'ny nidirany tao amin'ny Petit Séminaire tao Ambohipo (1923-1931). Nanohy ny fianarany sy ny fiomanany ho Pretra hatrany izy tao amin'ny grand séminaire Ambatoroka ary nohamasinina ho Pretra Zezoita tamin'ny 21 jona 1941.

Toy izao izany raha fintinina amin'ny fafana:

SEKOLY	TOERANA	TAONA
Frères des Ecoles Chrésiennes	Andohalo	1918-1920
Collège Saint-Michel	Amparibe	1921-1923
Petit Séminaire	Ambohipo	1923-1931
Grand Séminaire	Ambatoroka	1931-1941

Fafana 1

1.1.2.2 Ny andraikitra noraisiny

Anisan'ny nanetsika azy handalina ny teny sy ny fahendrena malagasy, dia ny fahitany fa tsy mba nampianarina araka ny tokony ho izy ny teny, ny literatiora, ny tantara... malagasy.

Teo am-piomanana ho pretra dia nahatsapa koa izy fa tsy hiorim-paka ny fivavahana kristianina raha tsy aorina amin'ny tena maha-malagasy ny Malagasy ny fampidirana sy ny fampianarana ny fivavahana.

Nisahana raharaha maro: nampianatra, nikarakara ny Tanora, nikarakara ny fampianarana katolika teto Antananarivo, lehiben'ny Petit Séminaire, Curé ao Ambatonilita¹⁷ izy. Mpikambana tao amin'ny akademia Malagasy izy.

¹⁷[http : motmalgache.org/bins/teny2/raharizafy](http://motmalgache.org/bins/teny2/raharizafy)(visité le 30 mai 2.13)

Nanoratra manokana ho fanabeazana an'ireo tanora izy mba hanatanterahany ny tanjony dia ny hamelona ny fahendren'ny razana¹⁸. Tena nandala izany fatratra tokoa izy ary isan'ny nipoiran'izany ny fahitany ny fahendren'Andrianampoinimerina izay loharano nipoirany.

Niezaka tamin'ny fampahafantarana ireo tanora ny tantaran'ny ferenena sy fomba amam-panaon'ny Malagasy izy satria heveriny fa tsy mety ny fanabeazana raha tsy miaraka amin'izany¹⁹.

Nanana ny maha izy azy tokoa izy rehefa tonga teo amin'ny toera naha pretra azy satria izy no Malagasy voalohany:

- lehiben'ny Collège Saint Michel
- voaray hampianatra ny teny malagasy an'ireo misionera vahiny tao Ambositra
- lehiben'ny petit séminaire tao Faliarivo
- Lehiben'ny Zezoita teto Madagasikara ny taona 1969 ka hatramin'ny 1973 (Supérieur provincial des Jésuites à Madagascar)
- Mpitarika ny novisy Zezoita tetsy Analamahitsy ny 1973 mandra-pahafaty azy. (maître des novices Jésuites)²⁰

Ankoatra ireo dia efa

- Recteur teo anivon'ny petit séminaire tao Faliarivo
- ary pretra curé tao amin'ny ECAR Namehana, Ambatonilita, ary Faravohitra ihany koa izy.

Niatrika olana nanoloana ireo lehibeny teo amin'ny eglizy sy ireo mpanjana-tany anefa izy na teo aza ireo fison-drotany ireo. Voaendrikendrika ho nanamaivana ny hafatra masina na ny maha kristianina izy noho ny fandalany ny fahendrena malagasy. Antony nahatonga ny tsy fahafahany namoaka ny boky « Hanitra nentin-drazana » tamin'ny taona 1939 izany²¹.

¹⁸ Idem : » Dans sa mission de raviver les valeurs ancestrales oubliées, le père Rahajarizafy œuvre donc particulièrement à éduquer les jeunes »

¹⁹ (R)Rajemisa, Dictionnaire historique et géographique de Madagascar
« Convaincu de cette idée que toute éducation est vouée à l'échec qui n'est pas porteuse de sa propre culture, il s'est particulièrement efforcé d'inculquer à la jeunesse malgache la culture nationale et l'histoire de son pays dans des ouvrages qui ont fait et font aujourd'hui encore autorité, tant par la forme que par le fond ».

²⁰ <http://fr.wikipedia.org/wiki/Antoine> de Padoue Rahajarizafy (visité le 30 mai 2013)

- il fut le premier Malgache recteur du Collège Saint-Michel sis à Ambohidahy ;
- il fut le premier Malgache à intégrer l'école dispensant l'enseignement du malgache aux Missionnaires étrangers à Ambositra ;
- il fut également le premier Malgache recteur du Petit Séminaire (sis à Faliarivo) au niveau du diocèse d'Antananarivo ;
- Il fut le premier Malgache Supérieur provincial des Jésuites à Madagascar
- Il fut également le premier Malgache maître des novices Jésuites

²¹ Taty aoriana ela vao nahazo alalana ny famoahana azy dia ny taona 1950.

Maty tamin'ny 2 Martsa 1974 teo amin'ny faha 63 taonany izy.

1.1.2.3 Ny boky nosoratany

Anisan'ny mpanoratra tena havanana tokoa I Rahajarizafy. Maro ny olona no nankafy ny asa sorany. Kanto nefa tsy sarotra takarina fa mora azon'ny rehetra izay namaky azy. Saika niorina tamin'ny fitiavana sy fanomezana lanja ny fahendrena sy ny fahaizana nananan'ny Malagasy avokoa ireo asa sorany ireo.

Nisy enina ny boky nosoratan'I Antoine de Padoue Rahajarizafy²²:

- Ny Ombalahibemaso
- Ny Hanitra nentin-drazana
- Filozofia malagasy: ny fanahy no olona
- Ny Kabary malagasy
- Ny Ohabolana malagasy
- Essai sur la grammaire malgache

Nanoratra hira maro mba hampirisihana ny tanora hanamafy ny finoany sy ho tia ny tanindrazany ihany koa izy.

1.1.2.4 Ny toerany eo amin'ny firenena

Manana anjara toerana lehibe eo anivon'ny firenena tokoa ity mpanoratra ity na efa maty aza satria ny soratra napetrany ho an'ny taranaka aty aoriana dia tsy mba maty fa mitoetra eny mandrakariva. Azo vakina sy andraisana anatra maro izy ireny. Mitahiry ny fahendrena malagasy ihany koa izany.

Rariny indrindra araka izany raha manetriketrika ny fankalazana ny tsingerin-taona nahaterahany. Ny 07 aprily 2011 teo no natomboka ny fahatsiarovana ny faha 100 taona nahaterany ka fihetsiketsehana maro no nankalazana izany toy ny:

- Lamesa lehibe nanokafana ny lanonana teny Andohalo
- fampitondrana ny anarany tamin'ny lalana Ivandry-Analamahitsy
- Famelabelaran-kevitra momba azy sy fampiratana ny asa sorany tety amin'ny Anjerimanotolo sy tany amin'ny akademia malagasy
- Nampitondrana ny anarany ny mpianatra andininy faha 8 nivoaka teny amin'ny CEDS
- famoahana ny boky "Tsangambaton'ny faha 100 taona izay nirakitra ny mombamomba azy feno, fijoroana vavolombelona nataon'ireo izay nahafantatra azy sy ny asa sorany, filazalazana ny boky nosoratany, ny zavatra rehetra voalaza tao

²² (S) Rajaona, Takelaka notsongaina II, op cit tak 283

amin'ireo famelabelaran-kevitra rehetra natao momba azy ny taona 2011, ary ireo hira noforoniny.

- Famoahana ny kapila na raki-kira misy ireo hira¹⁰ tsara indrindra noforoniny ka ny amboaram-peo Ny Afaka, antokom-pihira ao amin'ny Katedraly Andohalo, no nikalo azy.
- Fanontana indray mandeha²³ ireo boky nosoratany.²⁴

Natrehan'ny olona maro²⁵ izay nanana ny maha izy azy teto amin'ny tany sy ny firenena izany fankalazana izany. Nofaranana tamin'ny lamesa io fankalazana io tamin'ny 12 Aprily 2012. Izany rehetra izany dia maneho fa olo-mangan'ny firenena I Antoine de Padoue Rahajarizafy.

Ahatarafana ny sasany amin'ireo mombamomba azy ireo, araka ny efa voalaza teo aloha, ao anaty asa sorany satria araka ny voalazan'I Randzavola dia:

*"sehatra iray ahafahana mamantatra ny mpanoratra sy ny tontolo iainany ny soratra"*²⁶. Manantitra izany koa Ramatoa RAHARIMANGA Fidele manao hoe: *"Tsy afa-misaraka ny mpanoratra sy ny asa soratra"*²⁷.

Manampy amin'ny fandraisan'ny olona ny hafatra ampita mantsy ny fahitany mivantana na ny fahatsapany ny toetra sy fomba fiasainan'ny mpanoratra ao amin'ny asa sorany.

Hojerena manaraka ary ireo porofo maneho izany.

1.2 NY MPANORATRA ARAKA NY AHITANA AZY AO ANATY ASA SORATRA

Hita taratra fa miseho ao amin'ny boky Hanitra nentin-drazana ny momba ny mpanoratra na dia tsy mivantana aza ny ankamaroan'izany. Manampy azy amin'ny fanazavana ataony sy ny fanamafisana ny hevitra ny fanehoany izany ary koa mba hahazony

²³ Naverina natonta avokoa ireo boky nosoratan'i A.P Rahajarizafy ary nasiana fanavaozana sy fanatsarana izany.

²⁴ "Ma-Laza" du 11 avril 2011, « Midi Madagasikara » du 12 avril 2011, " L'Express de Madagascar " du 11 avril 2011

²⁵ Araka ny voalazan'ireo nanatrika

²⁶ Randzavola, Gazety Mpanolo-tsaina, Aprily-Jona 1946, Lah 176, taona N° 46/

²⁷ (F) RAHARIMANGA : Ny Avana RAMANANTOANINA et l'identité nationale, these de doctorat de 3e cycle, Institut national des langues et civilisation orientale, Paris, 1987, p 09 : « la vie d'un écrivain est inseparable de son œuvre »

ny fon'ny mpamaky²⁸. Mety ho fanahy iniana no nahatongavan'izany tao nefa mety ho tsy nahy ihany koa.

Nosokajiana ao amin'ireto zana-pizarana manaraka ireto izany.

1.2.1 IREO POROFO NANEHOANY NY FIAINANY AMIN'NY ANKAPOBENY

1.2.1.1 Olona nianatra izy

Tsapa avy hatrany rehefa mamaky ny boky Hanitra nentin-drazana ianao fa olona nianatra ny mpanoratra. Maneho izany mivantana ny voalazany ao hoe: “...fony izahay tany an-tsekoly...”²⁹.

Nentiny nitantarana ny zavatra niainany tamin'izy tany an-tsekoly no nahatonga azy nilaza izany. Tsy namaritra anefa izy hoe kilasy faha firy fa ny filazany izay dia ampy hahatsapana fa nahita fianarana izy.

Misy akony lehibe any amin'ny fandraisan'ny mpamaky ny voalazany ny fahalalana izany. Samy hafa mantsy ny olona nianatra sy ny tsy nianatra. Manandanja kokoa eo anatrehan'ny fiarahamonina ny zavatra lazain'ny olona nianatra noho ny an'ny tsy nianatra ary na ny fomba fandinika sy fisainana aza dia samy hafa mihitsy.

1.2.1.2 Mpitory vaovao mahafaly

Efa hita teo aloha fa pretra zezoita I Antoine de Padoue Rahajarizafy. Olona natao hitory ny filazan-tsara amin'ny vahoaka izy araka izany. Tsy hitory fotsiny anefa fa hitarika ny olona hanao ny sitrapon'Ilay namorona azy sy hanantona azy amin'ny alalan'ny vavaka.

Ahitana ampahany amin'izany fitoriana ataony izany ity boky nosoratany ity. Ireto misy ohatra vitsivitsy:

- “*tonga ny Evanjely hanolotra Hazavana sy manome Hery an'izay mahitsy fo -na iza na iza- mino ka te hanara-dia an'ilay zanak'Andriamanitra tonga olombelona niantso hoe: izay manaraka ahy tsy mandeha amin'ny maizina, Izaho no làlana sy ny fahamarinana ary fiainana!*”³⁰

Mitaona ny Malagasy hanara-dia an'I Jeso-Kristy izy eto satria izy no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Milaza ihany koa izy fa ny evanjely dia manome hazavana sy manoro làlana.

- “*Ary tsarovy, faharoan'izany, fa efa voasoratra hoe: raha tsy lave no manorina ny trano, sasa-poana izay manorina azy*”³¹

²⁸ REBOUL (O), 1984, op cit , p 24 :

« L'ethos est la caractère que doit presenter L'orateur pour gagner son publique »

²⁹ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 78

³⁰ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 87

³¹ tak 85

Tiany ho tsaroan'ny olona fa tokony atao miaraka amin'Andriamanitra avokoa ny zavatra rehetra satria tsy misy dikany izany raha tsy eo izy.

- *“ndeha hohalalinina sy hifaharana ny teny mahavelona nambaran'i Jeso-kristy...”³².*

Manentana ny amin'ny tokony hianarana ny tenin'Andriamanitra sy hiarahana hatrany aminy ny mpanoratra.

Na dia tsy tena fitoriana ny filazan-tsara aza no tanjon'ny mpanoratra tamin'ny nanoratany ny boky dia niseho tao ihany izany. Manampy amin'ny fandraisan'ny olona ny hafany ihany koa ny fahitana izany

1.2.1.3 Nifanerasera tamin'ny Vazaha

Nifandray matetika tamin'ireo misionera mpitory avy any ivelany ny mpanoratra tamin'ny naha pretra azy. Nampianatra azy ireo mihitsy aza izy tany Ambositra. Nisy fifampikasohana matetika tamin'ny mpitondra fanjakana, izany hoe ireo mpanjana-tany, ihany koa izy noho ireo toerana ambony notazominy. Nahafantarany be be kokoa momba an'ireo Vazaha izany na ny toetrany, na ny fisainany, na ny fomba fanaony sy ny sisa.

Marihina fa avy amin'izany no nampitahany ny fomban'ny vahiny sy ny Malagasy ka nahatsapany fa manana toe-panahy soa mampiavaka azy ny Malagasy izay nantsoiny hoe “hanitra nentin-drazana Malagasy”

Porofon'ny maneho izany fifaneraserany tamin'ny vazaha izany ka nahafantarany be be kokoa ny momba azy ireo ireto voalaza mikasika ny vazaha ireto:

- *“fantatro fa ry zareo vahiny sasany, maranitra mihitsy raha hanao irony tsimbadi-badi-teny mitovitovy (antsoina hoe jeux de mots) irony, sy irony tsimbadi-badi-kevitra mifandraindraika (antsoiny hoe jeux d'esprit) irony: misy hovinana tokoa ireny ary kinga dia kinga marina ry zareo”³³.*

Mety tsy nahafantatra loatra ny lalao fanaon'ireo Vazaha ireo sy ny fomba fanaovany azy ary ny hakingany amin'izany raha olona tsotra tsy nanana fifandraisana taminy. Nahafantarany izany anefa ny fahitany azy matetika.

- *“ ny Vazaha tia mizotra mazava amin'ny arabe ... fa ny vazaha dia milamindamina fatratra, arosany tsirairay ny heviny ary atohitohiny tsiroaroa, ka fady azy izay handingandiam-poana fa miandalandalana hatrany”³⁴*

Mbola ny fifampikasohana tamin'ireo vahiny ireo koa no nahitany izany.

Tsikaritra fa voalazany matetika ny mikasika ny Frantsay:

³² tak 87

³³ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 42

³⁴ tak 47

Ohatra:

- *“ny an’ny Frantsay ny saina no tena mikaroka”*³⁵
- *“ny mpandaha-teny frantsay sahala amin’ny mitetika hoe: haharihariko aloha ny hamarin’ny zavatra hahavoagehy ny sainy...”*³⁶
- *“saingy ny frantsay ny hevitra hotorina no tena imasoany...”*³⁷
- *“ny frantsay rehefa tsy mitovy hevitra, dia samy miridiridy amin’ny azy...”*³⁸

Nahafahany nampitaha ny fomban’ny Malagasy sy ny an’ireo vahiny ireo ny toerana nisy azy. Asehony sy ampiasainy amin’ny fanazavana nataony izany.

Raha izay ary ny mikasika ny fiainay amin’ny ankapobeny dia andeha ho jerena kosa ireo toetra sy foto-pisainana nananany.

1.2.2 NY TOETRANY SY NY FOTO-PISAINANY

Samy manana ny toetrany sy ny foto-pisainany ny olona tsirairay. Hita taratra eny amin’ny fihetsiny sy ny fomba firesany eny izany matetika. Toy izany koa ny mpanoratra, hita taratra any amin’ny asa sorany any ny toetrany sy ny fomba fisainany.

Ilaina amin’ny fahaiza-manoratra ihany koa ny fampidirana izany ao amin’ny zavatra soratana. Manampy amin’ny fandraisan’ny mpamaky izay voalaza izany, araka ny voalaza tery aloha.

Ireto misy toetra sy fomba fisainan’ny mpanoratra azo nosintonina avy ao amin’ity boky nosoratany ity:

1.2.2.1 Tia mandinika ny manodidina azy

Ahaizana zavatra maro ny fandinihana ny manodidina ny tena. Ilaina ny mahafantatra izany mba hahafahana mitondra ny fiainana. Tsy mahavita tena irery mantsy ny olona tsirairay fa tsy maintsy miankina amin’ny tontolo manodidina indrindra fa ny fiarahamonina misy azy.

Ankoatra ny zava-boary nataon’Andriamanitra hiainana sy hanjakana dia tsy afa-miala amin’ny fiarahamonina ny olona. Ny fahafantarana ny manodidina amin’ny alalan’ny fandinihana azy dia ahafahana mandanjalanja ny toetra, ny fihetsika, sy ny atao rehetra manoloana azy.

Tsapa ary fa tia mandinika ny manodidina azy ny mpanoratra. Maro ireo zava-nisy tsikariny sy hitany teny amin’ny fiarahamonina teny no lazainy ao amin’ny asa sorany. Sady

³⁵ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 47

³⁶ tak 48

³⁷ tak 48

³⁸ tak 49

manampy azy amin'ny fanazavana izany no manampy azy amin'ny fampitan-kevitra. Anaovany famakafakana sy fandalinana ihany koa ireny zavatra voadininy ireny.

Milaza mivantana izany fandinihany ny manodidina azy izany ny voalazany hoe:

*“mba rafitra kosa aho: naiditro tao anatiko ny eritreritro, narahako maso sy nohainoko ireo manodidina ahy, nofongariko ny fahagola, nosavaiko ny ankehitriny...”*³⁹.

Manoloana ny tranga iray izay manahiran-tsaina azy; toy ny filazana fa efa maty sy efa najavona ny fanahy maha Gasy ny Gasy; dia mampiasa ny sainy ny mpanoratra ary mijery sy mihaino ny manodidina azy mba hanaporofaona ny fahamarinan'izay voalaza. Tsy ny hita amin'ny fotoana itrangan'ny olana ihany aza no dinihina fa ny efa lasa ihany koa. Tafiditra ao anatin'ireo zavatra efa lasa nodinihany ny fahendren'ny Ntaolo izay anaovany fampitahana amin'ny zava-nisy niainany.

Ohatra:

- *“tsy misy tsy niraisan'ny fokon'olona hina fahiny, rehefa raharahan'ny mpiaramonina...Dia fantatra amin'ny tantara aza fa naraikitr'Andrianampoinimerina ho andalàna izany fomba efa fahagola izany....Tantaraina izany, ka toa nofy mahamanina fa tsy tra-maraina: indrisy fa efa nalazo tokoa ilay firaisan-kina niadanan'ireo razantsika”*⁴⁰

Nandinika ny zavatra niainan'ny fahiny izy ary nampitaha izany amin'ny nisy tamin'izany.

Ankoatra izay, mbola maro ireo porofo maneho fa mandinika ny manodidina azy ny mpanoratra. Ireto misy santionany vitsivitsy amin'izany:

- Voadininy fa efa nanomboka tia vola ny olona: *“hany mampanahy dia ity aretim-bola efa mitatra tsy mety hianina...”*⁴¹
- Hitany ireo fomba fanaon'ny olona: *“lehibe ve no hiantseka ka tsy hivimbina voantseka ho an-dry Koto mbamin-dry Bozy? Mpivahiny ve no avy lavitra ka tsy hisakelika voan-dalana ho an-kavana?...”*⁴²

Santionany ihany ireny fa mbola maro be ny voalazany mikasika ireny zavatra voadininy teny amin'ny fiarahamonina ireny.

³⁹ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 7

⁴⁰ tak 23-24

⁴¹ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 24

⁴² tak22-23

1.2.2.2 Tia tanindrazana

Hita ao amin'ity boky Hanitra nentin-drazana ity ihany koa fa olona tia ny tanindrazany ny mpanoratra. Miseho amin'ny falahelovany ny fireneny izany fitiavan-tanindrazana izany eto. Malahelo tokoa izy satria lazain'ny vahiny fa maty sy efa nanjavona ny fanahy maha Gasy ny Gasy. Tsy zakany ny mieritreritra izany toe-javatra izany ka nandona ny fitiavan-tanindrazana tao anatin'ny.

Hoy izy:

“Mba najombona tsy satria sy lasa vinany koa aho ray olona fa voatohina ilay fitiavan-tanindrazana lalim-paka amin'ny maha-olombelona sy ilay hambom-po tsy maty amin'ny maha-Gasy. Nitandrika ho azy sy velom-pisainana ity solofo kely dimbin'ny ala.”⁴³.

Nanosika azy haneho ny maha malagasy izay lazaina fa maty io fitiavana tao anatin'ny io. Aminy dia mbola tsy maty izany fa any am-pon'ny Malagasy any ihany fa mila fohazina kely fotsiny. Vokatra iray lehibe tamin'izany ity boky ity satria nataony indrindra mba hanehoana an'io maha malagasy io sy hamerenana izany indray ho toy ny taloha.

1.2.2.3 Mpandala ny nentin-drazana

Maromaro ny antony mahatonga anay hilaza fa olona mpandala ny nentin-drazana ity mpanoratra ity.

Voalohany indrindra amin'izany ny fahalalany zavatra betsaka mikasika ny fahendrena sy ny fahaizan'ny razana taloha. Lehibe indrindra misongadina amin'izany ny fihavanana. Io no fototra nifehy ny fiainan'ny Ntaolo fahiny ka nahatonga ny fiainany hiramina sy hirindra tsara na tsy mbola nisy aza ny fandrosoana. Singa madinidinika ao anatin'io fihavanana io ny firaisan-kina, fifanajana, fifankatiavana, ...

Manaraka izay dia tsy azo odian-tsy hita ihany koa ny fankafizan'ny mpanoratra ny fahaizan'ny Ntaolo mandinika ny tontolo nisy azy ka namoahany toa-kevitra sy anatra samihafa hitondrana ny fiainana. Tafiditra ao amin'ireny ireo ohabolana maro be asehon'ny mpanoratra. Ary matetika aza izy dia mampiasa azy ireny amin'ny fanehoan-keviny.

1.2.2.4 Mpananatra sy mpanome toro-hevitra ho an'ny iray tanindrazana aminy

Hita fa mitondra anatra sy toro-hevitra vitsivitsy ho an'ny Malagasy izay mamaky ny boky Hanitra nentin-drazana I Rahajarizafy manoloana ny tsy fahatsapana sy tsy fahitana loatra intsony ilay toe-panahy soa mampiavaka antsika. Izany indrindra mantsy no nanosika azy hanoratra ity boky ity.

⁴³ Tak 6

- **Anatra nataony manokana ho an'ny tanora**

Nanoratra hafatra manokana ho an'ny tanora ny mpanoratra ao amin'ny fiandohan'ny boky. Nampitondrany ny lohateny hoe “Ho anao, tanora solofo dimbin'ny ala” mihitsy aza izany. Tao no nandraketany ny hafatra mivantana tiany hampita amin'ny tanora manoloana ny filazan'ny vahiny fa maty sy efa nanjavona ny fanahy maha Gasy ny Gasy. Hoy indrindra izy:

“Ka hoy aho aminao Tanora tapako sy namako:

*Ahoana, fa isika izao no hamelona sy hamono? Koa mba vakivakio izay kely voasoratro ho anao. Mahatsiarova tena hijoro, fa isika izao no FANANTENANA ”*⁴⁴

Maneho ny fanaingan-dRahajarizafy ireo tanora mba hijery sy hanome lanja ary hanandratra ny maha malagasy izany antso izany. Tiany ho tsapan'ny tanora fa tokony hijoro sy hiseho amin'ny maha malagasy isika ka tsy tokony hafenimpenina na hasitrisitrika izany.

Ny tanora no tokony hanohy izay efa nataon'ny Ntaolo teo aloha.

*“Anjaratsika solofo dimbin'ny ala ny manohy ny dian'ny teo aloha, ny mandavorary ny efa vitan'ny razana ”*⁴⁵ hoy ny mpanoratra satria adidin'izy ireo izany.

Ny fizarana farany ao amin'ny boky ihany koa dia anatra sy toro-hevitra ho an'ny tanora avokoa no raketiny. Venti-kevitra maromaro no hita amin'izany: eo ny amin'ny tokony hitazonan'ny tanora hatrany ny hanitra nentin-drazana. Maneho izany ny voalazany manao hoe:

*“tano amim-pankasitrahana fa ianao no namoriana sy nisasaran'ireo loharanon'aina; tano amin-drehareha fa ianao no fanantenana sy tabihan'ireo hazo efa amoron-tevana ”*⁴⁶

Eo koa ny tokony hiankinan'ireo tanora amin'Andriamanitra mandrakariva amin'izay atao rehetra sy eo amin'ny fiainana manontolo. Ampahatsiahiviny mantsy fa:

*“raha tsy Yave no manao ny trano, sasa-poana izay manorina azy ”*⁴⁷

⁴⁴ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 8

⁴⁵ Tak 64

⁴⁶ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 85

⁴⁷ Tak 85

Andininy ao amin'ny Baiboly maneho ny tokony hanankinana amin'Andriamanitra ny zavatra atao izany ka tiany tsy hohadinoin'ny tanora. Ny hoe:

“ Izay manaraka ahy tsy mandeha amin'ny maizina: Izaho no Lalana sy fahamarinana ary fiainana!” ⁴⁸ indray dia andininy natao hanondroana ny lalana tokony harahina dia tsy iza izany fa I Jeso-Kristy.

Heverin'ny mpanoratra mantsy fa rehefa miankina amin'Andriamanitra sy manaraka an'I Jeso-Kristy ny Malagasy dia hamerovero ny hanitra nenti-drazana ka ho mafy orina ny fihavanana fototry ny fiainana.

Hafatra iray lehibe no entin'ny mpanoratra ho an'ny tanora rehetra raha ireo no aravona. Ny tokony handraisana ireo fahalalana tsara sy mahaso vaovao avy any ivelany sy ny evanjely izany saingy tsy hariana kosa ny lova soa navelan'ny razana. Hoy ny hafany:

*“ Sanatria ny hanosika ireo fahaizam-baovao avy any an-dafin'ny ranomasina...tandremo dia tandremo anefa ry ilay zaza bodo tampohin-javatra fa tsy dia volamena avokoa izay mampirapiratra: fa sao ny rendrarendra manodoka avy any an-kafa no anariana ny haren-tsy vasoky ny taona napetraky ny razanao...tonga ny evanjely hanolotra hazavana sy hanome hery an'izay mahitsy fo...”*⁴⁹

Izany ny porofo ao amin'ny boky Hanitra nentin-drazana maneho fa mitondra anatra ho an'ny tanora Rahajarizafy.

- Toro hevitra ho an'ireo Ray aman-dreny

Mpitari-dalana ny tanora ny Ray aman-dreny. Izy ireo no manoro sy mitarika azy any amin'ny lalana tokony halehany. Mitondra hafatra ho azy ireo koa ny mpanoratra noho izany adidy lehibe izany. Tokony ho zarina mba ho tia sy hahafantatra ny tanindrazana ireo tanora nefa miankina amin'ny fanabeazana azy izany.

*“Fa raha tiana hankamamy ny tanindrazany ny tanora, tian-kiverina amin'ny fambolena sy fiompiana, dia zaro handinika sy hankafy izany hatrany an-tsekoly izy ireny, fa izay amiliana azy no alehany; ary izay atao masaka ao an-doha sy ao am-pon'ny zaza ihany anie no ironan'ny fiainany any aoriana!”*⁵⁰ hoy ny mpanoratra.

⁴⁸ Tak 87

⁴⁹ Tak 86

⁵⁰ Tak 64

Araka izany, manana adidy eo amin'ny fampitana ny fitiavan-tanindrazana eo amin'ny tanora sy ny zaza ny Ray aman-dreny na niteraka izy na Ray aman-dreny eo amin'ny fiarahamonina.

Misy koa ny toro-hevitra amin'ny fitondrana ny ankizy mba hahazany mitondra ny fiainany. Manafatra ohatra izy hoe:

*“vonjeo lahy ny tanora, sao ny làla-madisa omaly hanjary tevan-kamono! ...aza avela ho revo fotsiny amin'ny fianarana andanian-dron-doha ny zaza, fa volavolay indrindra ilay fanahiny hahay handanjanja ny ny ataony (...).”*⁵¹

Ankoatra izay dia manentana ny mpanoratra hoe:

*“aoka ho hamoraina ny fahazoan'ny zaza malagasy manan-talenta mba hanakatra ny fahazany ambony (...) ka hamongatra sy hamadibadika ny harem-be raketin'ity nosy midadasika ity izy.”*⁵²

Manam-pahaizana mantsy ny tanora malagasy saingy tery ny lalana hahafahany mampiasa izany. Hany ka na misy aza ireo te hiaroka momba ny haren'ny firenena dia tsy afa-manao izany izy.

Manampy izany dia misy ireo anatra sy toro-hevitra madinika mikasika ny lohahevitra sasany voaresaka ao amin'ny boky.

Ohatra:

*“ ny fihavanana anie amin'ny Gasy ka tsy maintsy laroin'ny hantahanta e: aza hadinoina io raha te hihavana aminy ianao ”*⁵³. Mikasika ny hantahanta izao io.

Ity kosa mikasika ny tokony hatao amin'ny fifandraisana aman'olona:

*“ (...) koa mba araho amin'ny onjany koa izy: izany hoe aoka ho malemy fanahy aminy ianao, mahatsindry fo ary maka miadana; (...) aoka ho reny ny fitiavanao azy ”*⁵⁴

Anatra sy toro-hevitra samihafa hahafahan'ny tsirairay mitondra ny fiainany ireny rehetra ireny ka anjaran'ny tsirairay ny mandray izay tandrify azy.

⁵¹ Tak 80

⁵² Tak 65

⁵³ Tak 17-18


⁵⁴ Tak 78

1.2.2.5 Tia filaminana

Maneho ny fitiavan'ny mpanoratra filaminana ny fomba nandaharany ny fizarana samihafa ao amin'ny boky. Milamindamina sy mipetrapetra tsara avokoa mantsy izany.

Mirindra dia mirindra ny fomba nandaharany ny zavatra novisavisainy ho lazaina ⁵⁵ ato amin'ity boky ity. Mipetrapatraka tsara avokoa ny fizarana tsirairay.

Toy izao kisary manaraka izao no nanaovany izany:



Fafana 2

⁵⁵ REBOUL (O), op cit, p 24

« la disposition consiste à mettre en ordre les matériaux de l'invention »

Raha hazavaina tsotsotra dia toy izao:

- Nanombohany azy ny FANOMANANA NY MPAMAKY amin'izay resaka holazaina ao aoriana. Nasiany lohateny izy io: “ho anao tanora solofo dimbin'ny ala”. Ao ihany koa no ilazany ny antony nanoratany ny boky.
- Avy eo niroso tamin'ny VOTOATINY. Manoritsoritra ny zavatra ho lazaina kosa izy eo. Nasiany lohateny ihany koa izy io: “soritsori-dresaka”
- Rehefa vita izay dia niroso tamin'ny TOKO VOALOHANY “Hery mahalasa lavitra azy amin'nyfihavanana”ary nanazavazava ny amin'izay ihany koa
- Manaraka eo ny zana-toko telo: Ny hantahanta, ny fifanomezana, ny fifanajana izay samy arahana fanadihadiana avokoa
- Mialohan'ny hidirana amin'ny toko faharoa dia nisy ny famintinana sy fanamafisana izay zavatra voalaza teo amin'ny toko voalohany.
- Aorian'izay dia nalefany ny TOKO FAHAROA “fanilo ahatakarany lalina amin'ny fahalalana”izay mbola arahana fanazavana ihany koa
- Avy eo ny zana-toko telo: asehon'ny fiteniny, fahaizana mamanta-javatra, fahaizana mamantatra olona izay samy mbola arahana fanadihadiana ihany koa.
- Manaraka ireo ny famintinana sy fanamafisana izay voalaza ao amin'ny toko faharoa.
- Ary ny namaranany ny asa-sorany dia ny hafatra mivantana ho an'ny mpamaky. Nasiany lohateny ihany koa io: “Tan-tsoroka apetraky ny zoky”

Ny fahitana izany firindran'ny fomba nandaharany ny hevitra izany no nahatonga ny filazana fa tia filaminana ny mpanoratra.

FINTINA

Tamin'ity fizarana voalohany ity no namahavahana ny momba an'i Antoine de Padoue RAHAJARIZAFY. Hita tamin'izany ny loharano nipoirany sy ny fanabeazana azony ary ny lalana nodiaviny. Nojerena ihany koa ny andraikitra nosahaniny sy ny toerany teo amin'ny firenena.

Avy eo dia hita fa tena nampiasain'ny mpanoratra ho porofo ao anatin'ny asa sorany ny mikasika ny tenany. Araka ny efa voalaza teo aloha mantsy dia manan-danja lehibe eo amin'ny fandraisan'ny mpamaky izay voalaza ny fahalalany mikasika ny mpanoratra. Raha fintinana fohy dia ireto izany mikasika ny mpanoratra hita ao anatin' ny Hanitra nentin-drazana izany: olona nianatra izy, mpitory vaovao mahafaly, tia mandinika ny manodidina azy, tia tanindrazana, mpandala ny nentin-drazana, mahay mandahatra sy manoratra ary mahay mampita hevitra. Ireo rehetra ireo dia notsoahina avy amin'ny porofo tao anatin'ny asa soratra.

Rehefa hita ary ary ny mikasika ny mpanoratra dia ho jerena manaraka kosa ny zavany nisy tamin'ny fotoana nanoratana ny boky sy ny porofo ahitana izany.

2- FIZARANA FAHAROA:
NY ZAVA-NISY TAMIN'NY FOTOANA
NANORATANA NY BOKY SY NY
POROFO AHITANA IZANY

Tsy afa-misaraka ihany koa ny asa soratra sy ny tantaram-pirenena. Ampidirin'ny mpanoratra ao anatin'ireny asa soratra ireny mantsy ny zava-misy amin'ny fotoana anoratany. Manantitra izany ilay tenin-dryWellek sy Warren manao hoe:

*“Ny mpanakanto dia mpitatitra ny zava-misy ara-tantara sy ara-piarahamonina.”*⁵⁶

Ampiasain'ny mpanoratra ho porofon-kevitra ao amin'ny asa sorany araka izany ny zava-misy amin'ny vanim-potoana anoratany. Ireny indrindra aza matetika no nanosika azy hanoratra satria azo heverina ho fototry ny fifandraisana eo amin'ny mpamaky sy mpanoratra sy ny anton'ny ady hevitra.⁵⁷ Hojerena ato amin'ity fizarana faharoa ity indrindra ary ny mikasika izany.

Hojerena avy amin'ny voalazan'ny mpanoratra ny zava-nisy tamin'ny fotoana nanoratany ny Hanitra nentin-drazana. Ampiasainy ho porofon-kevitra mantsy izany ka hita sy voarakitra ao. Araka izany dia nosokajiana ho roa miavaka tsara ny fizarana: ny voalohany ahitana ny zava-nisy teto amin'ny firenena ary ao amin'ny faharoa ny fiantraikan'izany teny anivon'ny fiaraha-monina teny.

2.1 NY ZAVA-NISY TETO AMIN'NY FIRENENA

Manana ny tantarany manokana toy ny firenena rehetra i Madagasikara. Mialoha ny hijerena izany amin'ny alalan'ireo porofo ampiasain'ny mpanoratra anefa dia hofantarina aloha ny mikasika ny fotoana sy ny toerana nanoratana ny boky.

2.1.1 NY NANORATANA NY BOKY

2.1.1.1 Ny fotoana

Nosoratana tamin'ny taona 1939 ny boky “Hanitra nentin-drazana, ary andro tsinana alahamady⁵⁸ no nanaovana izany. Tao anatin'ny vanim-potoan'ny fanjanahan-tany mamaivay I Madagasikara tamin'io taona 1939 io.

⁵⁶ WELLEK (R) et WARREN (A), 1971, La théorie Littéraire, collection Poétique, Ed Seuil, , p358 : « L'artiste est porteur de vérité et nécessairement, il est aussi si porteur de vérité historique »

⁵⁷ <http://aad.revues.org/556>: (visité le 21 septembre 2012) On peut le définir comme une construction fondée sur le réel incluant, entre autres, la relation entre les participants, le lieu de l'interaction et les facteurs politiques, sociaux et économiques en jeu dans le désaccord

⁵⁸ RAHAJARIZAFY (A), op cit,tak 8

2.1.1.2 Ny toerana

Nonina teto Antananarivo izay renivohitr'i Madagasikara ny mpanoratra. Teto araka izany no nanoratany ny boky. Saika hita eto Antananarivo avokoa ny karazan'olona rehetra manerana ny nosy satria eto no renivohitra: na ny avy any atsimo, na ny avy any avaratra, na ny avy any antsinanana, na ny avy any andrefana.

Noho izany dia hita eto avokoa ireo karazana kolontsaina sy fomba amam-panao ary fiteny avy any amin'ny faritra. Na izany aza anefa, amin'ny ankapobeny, dia ny an'ny eto Imerina no tena hita mibahan-toerana. Ny zava-nisy hitan'ny mpanoratra teto andrenivohitra noho izany no nampiasainy ho porofo ao amin'ny asa sorany. Azo tarafina eto mantsy ny fiainanan'ny firenena amin'ny ankapobeny satria eto no ivony.

Azo atao tsara amin'izay ny mijery ireo porofo maneho ny zava-nisy na hodidina rehefa fantatra ny mikasika ny fotoana sy ny toerana nanoratana ny Hanitra nentin-drazana.

2.1.2 FOTOANAN'NY FANJANAHAN-TANY

Amin'ny ankapobeny, nandalo vanim-potoana efatra I Madagasikara: ny faha foko, faha mpanjaka, faha fanjanahan-tany, ary ny fahafahana. Ny nanoratana ny boky Hanitra nentin-drazana anefa tamin'ny taona 1939. Tafiditra tao anatin'ny vanim-potoanan'ny fanjanahan-tany izy araka izany.

Ny zava-nisy hitan'ny mpanoratra teny amin'ny fiarahamonina sy teto amin'ny firenena tamin'io vanim-potoana io, indrindra fa ny fahitany ireo fomban'ny Frantsay izay tena mifanohitra amin'ny maha malagasy, no nanosika azy hanoratra ny boky Hanitra nentin-drazana. Ampiasainy ho toy ny porofon-kevitra manamafy sy manazava be be kokoa ny hevitra ampitainy ireny.

2.1.2.1 Nofeheziny Frantsay ny Malagasy

Politikan'ny mpanjanatany ny miezaka hamehy ny firenena zanahina eo amin'ny lafiny rehetra mba hahazoany sy hahatratrarany ny tanjony. Hita taratra teo amin'ny fomba nanjanahan'ny Frantsay antsika izany. Nataon'izy ireo avokoa mantsy ny fomba rehetra mba hambabony ny fon'ny Malagasy: na teo amin'ny fihetsika izany na teo amin'ny fiteny.

Nisy ihany anefa ny Malagasy lalin-tsaina ka nahatakatra ny tian'ireto vahiny hahatongavana . Tsy nety norebirebena tamin'ireo fandemen-tsaina izy ireo. Tsy maintsy

nampiasa tetika hafa ny mpanjanaka noho izany ka rehefa tsy nety tamin'ny tambitamby dia hery indray no namoretany azy.

Misy porofo maromaro nalain'ny mpanoratra tamin'izany zava-nisy izany nampiasany mba ho fanamafisana ny hevitra tiany hampita amin'ny mpamaky ny asa sorany.

Maneho ny fiezahan'ny Frantsay hamehy ny sain'ny Malagasy ny fomba fikabarin'ny. Hoy ny mpanoratra mikasika izany:

- “ *Saingy ny Frantsay ny hevitra hotoriana no tena imasoany, ka zarazarainy sy arafiny: toa ny sainao no tena kendreny ho voagehy(...)* ”⁵⁹

Tsapan'ny teo amin'ny fikabarin'ireo mpanjanaka izany ity fomba te hamehy ity. Ary lazainy mazava tsara fa ny saina mihitsy no kendreny amin'izany. Hain'ireo vahiny tsara ny mandamina sy mandrafitra hevitra rehefa miresaka na mikabary mba hahatonga io hevitra io hifantsika tsara ao an-tsain'ny Malagasy. Amin'izay dia voafehiny avy hatrany ny fomba fisainana. Rehefa io saina io mantsy no voabaiko, araka ny fomba fihevitry izy ireo, dia manaraka ho azy ny rehetra.

Mbola miampy toy izao aza izany filazan'ny mpanoratra mikasika ny politikan'ny Frantsay amin'ny fandemen-tsaina nataony tamin'ny Malagasy izany:

- “*fa ny mpandahateny Frantsay sahala amin'ny mitetika hoe: haharihariko aloha ny hamarin'ny zavatra hahavoagehy ny sainy, dia hibaboka ho azy ny fony*”⁶⁰

Raha hazavaina tsotsotra ny mikasika ity hamarin'ny zavatra izay ahariharin'ny mpandahateny Frantsay ity dia toy izao: tsy mba manao tari-dresaka lava hisintonana ny fon'ny olona izy rehefa miresaka fa avy hatrany dia ilay venti-kevitra tiany ho lazaina no alefany. Io ilay hamarin'ny zavatra tiana holazaina eto. Io no voaboasiny sy hazavainy avy hatrany. Izany hoe ny hamarin'ny hevitra tiany halentika ao an-tsain'ny mpihaino no iompanan'ny lahateny ataony. Rehefa voabaikon'iny venti-kevitra nalefa mialoha iny ny sain'ny Malagasy dia manaraka ho azy ny fony. Matetika aza dia manao teny mivantambatana izy ireo noho io fitiavana te hamehy mialoha ny saina izay “*tsy mahalala afa tsy ny eny na*

⁵⁹ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 48

⁶⁰ Tak 48

tsia”⁶¹ io. Tsy nahalala afa tsy ireo tokoa mantsy ny Malagasy tamin’izany: ny ankamaroany nanao eny fa ireo vitsivitsy mba sahy nanohitra kosa no nanao tsia.

Io fomba fihevitra mikasika ny famehezana mialoha ny saina io dia lazain’ny mpanoratra fa mifanohitra amin’ny an’ny Malagasy. Lazainy fa :

- *“ny mpikabary Malagasy kosa tahaka ny manambasamba hoe: hataoko reny aloha ny hatsaran’ny zavatra hampibaboka ny fony; dia ho voagehy ho azy koa ny sainy”*⁶²

Izany hoe tsy mivantana avy hatrany ny fomba fanehoana sy fampitana ny hevitra fa ahodikodiny amin’ny zavatra maro ka ny mpihaino no kendreny haminavina izany. Baboiny amin’ny alalan’ireo resaka samihafa nitarihany azy ny fon’ny olona avy eo manaraka sy mahazo izay venti-kevitra tiany hampita , ho azy, ny sainy.

Ankoatra izay dia mbola ampahatsiahivin’ny mpanoratra ilay fomba fiteny manao hoe *“tenim-bazaha hono tsy miverina in-droa”*⁶³ .Maneho avy hatrany ny jadona nataon’ny mpanjanaka izany.

Nofehezina ny Frantsay tanteraka ny Malagasy tamin’izany fotoana izany ka raha vao miteny izy dia tsy maintsy ekena. Tsy mamerina in-droa izay zavatra lazainy izy fa raha tsy izany dia mahazo sazy henjana izay olona mampamerina azy fanindroany. Didy jadona tokoa no niainan’ireo Malagasy. Nanapaka sy nitondra teto Madagasikara ny Frantsay. Nanjakazakany ny harena nisy teto sy ny vahoaka .

2.1.2.2 Naneho ny maha izy azy teto ny Frantsay

Paika iray nentin’ny mpanjanaka nandresena ny Malagasy ihany koa ny fanehoany ny maha izy azy sy fahaizana amam-pahalalana izay nananany. Misy maromaro amin’izy ireny lazain’ny mpanoratra ao amin’ny boky.

2.1.2.2.1 Ny toetrany sy fomba fanaony

Samy manana ny toetrany avokoa ny olona rehetra. Mety hitovitovy arakaraka ny firenena niaviany anefa izany. Raha ny hita taratra amin’izay voalazan-dRahajarizafy ato amin’ny boky Hanitra nentin-drazana dia tena samy hafa tokoa ny toetran’ny Malagasy sy ny Frantsay.

⁶¹ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 49

⁶² Tak 48

⁶³ Tak 49

➤ MIVANTANA REHEFA MITENY

Toetran'ireto vazaha Frantsay ireto ny mivantambatana. Fanaony izany indrindra eo amin'ny firesahana. Misy tanjona tiana hotratrarina io fivatambatanam-piteny io araka ny hita teo aloha saingy toa lasa toetra raikitra mihitsy. Ilay voalaza manao hoe:

*“jereo ary ny lahateny vazaha fa mivantambatana”*⁶⁴ no entin'ny mpanoratra milaza izany amin'ny mpamaky.

➤ MIZOTRA AMIN'NY LALANA MAZAVA TOKONY HALEHA

Lazainy ihany koa fa ireo Frantsay ireo dia tsy mpanivatsivaka na koa mpanao hitsin-dalana. Mandeha amin'ny mahazatra sy mazava hatrany izy ireo. Hita io toetra io na eo amin'ny fanao an-davan'andro izany na eo amin'ny fanehoan-kevitra.

Mpanao hitsin-dalana ny Malagasy ka rehefa mandeha izy dia manivaka amin'ireny lalan-kely fanaovana hitsin-dalana ireny. Tsy toy izany ny Frantsay. Ny lalana mazava faleha an-davan'andro ihany ny azy no izorany.

*“ Eny e! ny vazaha tia mizotra mazava amin'ny arabe (...)”*⁶⁵ hoy ny mpanoratra maneho izany fomba fanaon'ny Frantsay izany. Manaraka ny dingana na lalana tokony hizorana hatrany izy fa tsy fanaony ny manivaka na miova amin'ny mahazatra .

Hita taratra koa io toetra io eo amin'ny fanehoan-kevitra. Mihodikodina ny Malagasy rehefa maneho hevitra. Tsy fanaony ny tonga dia mivatana fa somary itariny amin'ny zavatra hafa aloha. Tsy mba toy izany kosa ny fanaon'ireto vahiny ireto. Milamina tsara ny azy ny fomba fanehoan-kevitra.

*“(...) fa ny Vazaha dia milamindamina fatratra, arosomy tsirairay ny heviny ary atohitohiny tsiroaroa, ka fady azy izay handingandingam-poana fa miandalandalana hatrany”*⁶⁶

hoy ny mpanoratra mikasika izany. Tsy mba misy mihodikodina na mandingadingana izany ny azy fa misosa manaraka ny dingana heveriny ho tokony arahina.

⁶⁴ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 49

⁶⁵ Tak 47

⁶⁶ Tak 47

➤ MITANA NY HEVINY

Hita taratra teo amin'ny Frantsay koa ny fahaizany mitana ny heviny. Tsy miova amin'izay efa nolazainy izy ary mijanona amin'iny hatramin'ny farany. Na amin'izy samy izy aza dia hita matetika izany rehefa misy ny tsy fitovian-kevitra. Samy mitana ny azy fa tsy misy manaiky hilefitra izany ka miteraka fihenjanana matetika. Porofon'izany ny filazan'ny mpanoratra hoe:

*“Ny Frantsay rehefa tsy mitovy hevitra, dia samy miridiridy amin'ny azy ka ny tanety foana no may”*⁶⁷

Tsy azo ahodina amin'ny heviny mihitsy izany ny Frantsay fa rehefa izay ny azy dia izay. Tsy misy mandefitra fa samy miziriziry amin'ny azy rehefa misy ny tsy fitoviana.

Ankoatr'ireny toetra sy fanao ireny dia mbola nasehony tamin'ny Malagasy ihany koa fa manam-pahaizana izy.

2.1.2.2.2 Ny fahaizany

Araka ny hita sy tsapa teo am-pamakina ny boky dia miaiky ny mpanoratra fa manam-pahaizana sy fahalalana ny Vazaha tonga teto Madagasikara. Ny saina ny azy ireo no mitarika ny fikarohana araka ny voalazany. Izany hoe ny saina no mandeha aloha vao ny fo. Ny Malagasy mantsy hoy izy ny fo no mandeha mialohan'ny saina rehefa manao zavatra. Izany ny mahatonga ny mpanoratra hilaza hoe isan'ireo aingan'ny fony kokoa ny Malagasy.

Tena lasa lavitra ny fahaizana amam-pahalalana ananany. Hoy ny voalazan'ny mpanoratra:

*“jereo fa ela namadibadihana ny tany amam-bato izy, ela nisavasavana ny rano aman-drivotra, ela nibanjinana ny kiriti-javatra amin'izao rehetra izao ka he fa tsy voka-tsainy avokoa irony fiarakodia mivoivoy tsy taritina, irony tanàna kely vita rafitra mitety riaka, irony feo entin'ny tselatra ka tafita indray mipi-maso any amin'ny vazan-tany tsy hita poka...”*⁶⁸

Mahagaga sy mahaliana tokoa ny zava-bitan'ny Vazaha. Tena nahatalanjona ireo Malagasy tokoa izany. Anaovany fikarohana avokoa ny zavatra rehetra hitan'ny masony, eny

⁶⁷ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 49

⁶⁸ Tak 52-53

fa na ny tsy hita ihany koa aza. Nahitany vokany izany fikarohana izany ka ireny hitan'ny masontsika ireny ny voany.

Mandroso hatrany izany fahaizan'ny Vazaha izany ary mampiaiky ny Malagasy mihitsy. Nasehony ny herim-po sy herin-tsaina nananany. Araka ny voalazan'ny mpanoratra dia izany no nahaloha-bolana ny Malagasy fahiny hoe:

“tsy mba olona ny vazaha fa Zanahary tsy omby lanitra”⁶⁹.

Izany hoe toy ilay mpahary ny zava-drehetra izany ireo vazaha ireo saingy izy tsy mipetraka any an-danitra fotsiny. Izany ny fandraisan'ny Malagasy azy rehefa naneho sy nampihatra ny fahaizana amam-pahalalana nananany izy ireo.

Tsy azo hadinoana anefa fa isan'ny fomba iray nentina nandemena ny sain'ireo Malagasy ny fampiasany sy fanehoany ireny heriny rehetra ireny tamin'izany fotoana izany. Izay hafetseny izay dia mbola tafiditra ao anatin'ny fahaizany ihany koa. Azo lazaina fa tena lalin-tsaina izy ireo araka izany. Hainy tsara ny mampiasa ny sainy mba hahatratrarany ny tanjona kendreny.

Ankoatra ny tantaram-pirenena dia hita taratra ao koa ny vanim-potoana nolalovan'ny literatiora Malagasy. Hojerena manaraka ary ny mikasika izany.

2.1.3 NY VANIM-POTOANA NISY NY LITERATIORA MALAGASY

Ilaina ny mahafantatra ny tantaran'ny literatiora Malagasy mba hahafahana mamaritra izany avy amin'izay voalaza ao amin'ny asa soratra.

2.1.3.1 Ny tantaran'ny literatiora

Indro ary hampahatsiahivina amin'ity fafana⁷⁰ ity ny tantaran'ny literatiora nandritra ireo vanim-potoana efatra voalohany nanaraka ny vanim-potoanan'ny literatiora am-bava.

⁶⁹ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 53

⁷⁰ RAKOTOSON RAOLISON J.A (1999), Lovako kilasy faha 2, Ambozontany Analamahitsy Antananarivo, (Famintinana izay hita tao amin'ny tantaran'ny literatiora ka noraisinay ho anay)

TAONA	VANIM-POTOANA	ZAVA-NISY
1818-1896	KRISTIANA	- Fahatongavan'ny misionera anglisy nitondra ny fivavahana kristiana sy ny soratra - Fanenjehana ny kristiana sy nandefonana an-dRasalama - Fandikana ny Baiboly tamin'ny teny malagasy
1896-1915	FAKAN-TAHAHA	- Lasa zanatany frantsay I Madagasikara - Nipoitra ny fironan-kevitra "Liberté de pensée" - Lasa teny frantsay ny fampianarana - Nipoaka ny ady lehibe voalohany
1922-1929	FIFORETANA ANATY	- Nisy ny SMOTIG - Nisy ny gripa sy ny pesta namono olona maro - Tafaverina ireo VVS natao sesintany
1930-1945	MITADY NY VERY	- Fiverenen'ny taolam-balon-dRanavalona III - Faha 100 taona ny nandikana ny baiboly amin'ny teny Malagasy - Nanoboka ny fandalinana ny teny Malagasy

Fafana 3

Araka izany dia hita fa tafiditra tao anelanelan'ny taona 1930 ka hatramin'ny taona 1945 ny vanim-potoana mitady ny very. Tao anatin'izany vanim-potoana izany indrindra no nanoratana ny Hanitra nentin-drazana. Hita taratra any anatin'ny asa soratra nosoratana nandritra ny vanim-potoana iray mantsy ny zava-nisy tamin'izany satria:

“ny literatiora dia fitambarana asa soratra izay manorina ny vinavina amin'ny rafitra iray manahaka ny rafi-piaraha-monina amin'ny vanim-potoana voafetra”⁷¹.

Mifanahaka amin'ny zava-misy araka izany ny voarakitra ao amin'ny asa soratra.

Raha fintinina tsotsotra ireo zava-nisy nisongadina tamin'izany fotoana izany dia ireto:

- Ny fiverenan'ny taolambalon-dRanavalona faha telo tamin'ny taona 1938
- Faha zato taona nandikana ny baiboly tamin'ny teny malagasy
- Ny fanombohan'ny fandalinana ny teny malagasy

Ny tara-kevitra hita tany anaty asa soratra kosa dia:

- Famerenana ny fomba amam-panao malagasy
- Fitsikerana ny zava-nisy
- Fifohazan-tsaina ny amin'ny fitakiana ny fahaleovan-tena

2.1.3.2 Ny porofo maneho ny vanim-potoana ao anaty asa soratra

Tanjon'ny mpanoratra tamin'ny namoahany ity asa soratra ity ny hamerina indray ireo fomba amam-pahendrena malagasy. Lazainy mantsy fa heverin'ireo vahiny ho *“toa maty sy efa nanjavona”⁷²* izany. Ny hamerina sy haneho indrindra io toetra sy fanao mampiavaka ny Malagasy io araka izany no tena mibahan-toerana ao amin'ny fanehoan-keviny. Tsy izy ihany no nanao izany fa ny ankamaroan'ireo mpanoratra tamin'izany fotoana izany.

Te hamerina sy hampahatsiahy ny mpamaky ireo zavatra mampiavaka ny Malagasy ny mpanoratra ato amin'ity asa sorany ity araka ny efa voalaza tany amin'ny fizarana voalohany. Nahatsapa izy fa toa tsy hita loatra intsony izany ary na ireo vazaha aza dia mba nilaza izany ihany koa. Ireo no nandona ny hambom-po sy ny fitiavan-tanindrazana tao anatin'ny ka

⁷¹ Escarpit (R), 1970, La littérature et le Social, Flammarion, Rennes, p18

« La littérature est composée d'œuvres qui organisent l'imaginaire selon des structures homologues aux structures sociales de la situation historique »

⁷² RAHAJARIZAFY (A), op cit , tak 5

nanosika azy hanoratra ny Hanitra nentin-drazana mba hamerenana ny very eo amin'ny Malagasy.

Isan'ny porofo iray maneho fa tao anatin'ny vanim-potoana mitady ny very ny literatiora Malagasy dia ny lohatenin'ny asa soratra manao hoe Hanitra nentin-drazana. Maneho fampahatsiahivana avy hatrany ny fahitana azy. Mampahatsiahy satria zavatra efa fantatra sy tsapa ary niainana no voarakitra ao. Manaitra ny mpamaky hieritreritra sy hahatsiaro ny mikasika ny maha malagasy azy ny fahitany io lohateny io indrindra moa fa tafiditra tao anatin'ny fanagejana nataon'ireo mpanjanaka izy.

Mbola maneho izany fikasana hamerina ny maha malagasy ihany koa ny lohateny nampitondraina ny toko voalohany sy faharoa.

Endrika iray nahatsapana fa tao amin'ny vanim-potoana mitady ny very ny literatiora malagasy dia ireo fitsikerana ny zava-misy tamin'izany. Any anaty asa soratra ny mpanoratra no maneho ireo toe-javatra hitany mikasika ny fahaverezan'ny maha malagasy.

Ohatra iray mivaingana amin'izany ny voalazan'ny mpanoratra mikasika ny firaisankina indrindra fa ny aty amin'ny tanan-dehibe. Hoy ny voalazany:

“(…) dia fantatra amin'ny tantara aza fa efa naraikitr'Andrianampoinimerina andalàna izany fomba efa fahagola izany, ka naresaka indrindra ny didim-pihavanana tamin'ny andro volamena nanapahany. Tantaraina izany ka toa nofy mahamanina fa tsy tra-maraina: indrisy fa efa nalazo tokoa ilay firaisan-kina niadanan'ireo razantsika!”⁷³

2.1.4 NIROBOROBO NY FIVAVAHANA KRISTIANA.

Tsara ny mampahatsiahy fa tamin'ny taona 1935 dia nankalazaina ny faha 100 taonan'ny nandikana ny baiboly tamin'ny teny malagasy⁷⁴. Nisy fiantraikany be teo amin'ny firoboroboan'ny fivavahana kristianina io fankalazana io. Nanamafy ny fiankinan'ny olona tamin'Andriamanitra sy I Jeso Kristy izany. Efa leon'ny fahoriana niainana nandritra ny fotoana nanjanahan'ny Frantsay azy ny Malagasy ary efa nanomboka tonga saina ny amin'ny famerenana ny maha malagasy nefa tsy afa-nanoatra teo anatrehan'ireo vazaha ka hany hery nanankina tamin'Andriamanitra ny ady izay natrehana.

⁷³ RAHAJARIZAFY (A), op cit , tak 24

⁷⁴ RAKOTOSON RAOLISON J.A (1999),op cit
(araka izay hita tao amin'ny tantaran'ny literatiora)

Maneho izany indrindra izay voalazan'ny mpanoratra manao hoe:

“tonga ny evanjely hanolotra hazavana sy hanome hery an'izay mahitsy fo na iza na iza mino”⁷⁵.

Manentana ny mpamaky mba hanamafy hatrany ny finoany sy handray ny evanjely ho hery entina miady io andian-teny io raha dinihina. Izany mantsy no heverina fa hanampy amin'ny tolona sy ady atao amin'ny vazaha.

Maneho izany fiankinan'ny olona tamin'Andriamanitra izany ihany koa ny tenin'ny mpanoratra ao amin'ireo andalana vitsivitsy hoe:

“ Eny e! nifototra tamin'Andriamanitra marimarina raha ny fanahin'ny Malagasy; hatramin'izao, niandry azy hitondra fahazavana mba hanilo ny diany izy,mba hahitany ny lalana hodiaha any aminy”⁷⁶.

Raha hazavaina tsotsotra io teny io dia hoe taloha ny Malagasy dia efa nino sy niankina tamin'Andriamanitra ary mbola manohy izany hatramin'ny fotoana nanoratan'ny mpanoratra ny boky. Nanantena an'Andriamanitra izy ireo mba hitari-dalana azy sy hanampy amin'ny ady.

2.2 NY ZAVA-NISY TENY ANIVON'NY FIARAHAMONINA

Hita taratra ao anaty asa soratra ihany koa ny zava-nisy teny anivon'ny fiarahamonina. Azo heverina aza fa ny fahitan'ny mpanoratra an'ireny mihitsy no nanosika azy hanoratra ity Hanitra nentin-drazana ity satria ny asa soratra dia *“tsangan-kevitra tena misy fa tsy nofinofy atobaka ho an'ny olona fotsiny”⁷⁷*. Maromaro ireo zava-nisy ireo fa haravona ao anaty sokajy telo:

2.2.1 TSY HITA TARATRA LOATRA INTSONY NY MAHA-MALAGASY

Miseho amin'ny endrika maro izany tsy fahitana taratra loatra ny maha malagasy izany.

⁷⁵ RAHAJARIZAFY (A), op cit , tak 86

⁷⁶ Tak 83

⁷⁷ Escapit (R), op cit, p18

« Mais cette autrui pour lequel l'écrivain écrit est cet autrui par qui l'œuvre est achevée dans la lecture ne sont pas des entités éternelles, universelles et désincarnée »

2.2.1.1 Niharava ny fihavanana

Raha ny voalazan'ny mpanoratra no jerena dia hita taratra fa nivahavaha ny fihavanana tamin'izany fotoana izany. Nisy ireo Malagasy izay nanova ny fomba fanao nahazatra fa niova na teo amin'ny toetra izany na teo amin'ny fihetsika. Lasa tsy miraharaha loatra intsony izany hoe fihavanana izany izy ireo. Tsy mikendry ny hitandro ilay fifandraisana amin'ny mpiara-monina aminy fa zary lasa manao tsinontsinona ny hafa, mampiseho fihetsika hafahafa, ary tsy nanaraka ireo toe-tsaina sy fomba fanaon'ny Malagasy izay nampiavaka azy.

Raha miresaka mikasika ny hasarobidin'ny fihavanana ny mpanoratra dia nanamarika toy izao izy:

*“hatrizay nivadibadihan'ny teto amintsika ka nanadinoan'ny gasy ny lova soa napetraky ny razana dia efa niha nalazo izy io nefa angamba mbola tsy maina hatramin'ny fakany tsy akory”.*⁷⁸

Maneho avy hatrany ny zava-nisy izany. Nihanalazo ny fihavanana satria hadino ireo lova soa napetraky ny razana noho ny fahatongavan'ny vazaha teto amintsika.

2.2.1.2 Niolonolona ny sasany

Nisy ihany koa ireo olona izay lasa niolonolona tsy nifandray tamin'ny mpiara-monina taminy intsony. Hoy ny mpanoratra :

*“tsy laviko fa tato ho ato izay dia efa niolonolona kely ny sasany izany: manao azy ho anona angaha ka tsy te hifangaro amin'ireo namany mbola tso-po”*⁷⁹

Iarahan'ny rehetra nanaiky izany matoa ity mpanoratra ity nanamarika hoe “tsy laviko”.

Raha ny voalaza dia olona efa tsy te hifangaro amin'ireo Malagasy mbola nanaraka ny fomba nampiavaka hatramin'izay ireto niolonolona ireto fa efa nihevitra ny tenany ho ambony sy mivoatra angamba. Zavatra hitany sy tsapany teny anivon'ny fiarahamonina teny izany matoa nolazaina sy nosoratana.

2.2.1.3 Nalazo ny firaisan-kina

Tena nampiavaka ny Malagasy tokoa ny fahaizana miray hina. Miseho amin'ny endrika samihafa izany ary tena nanampy teo amin'ny fivelomana tokoa. Misy ireo fitenin-drazana manao hoe ny “firaisan-kina no hery”. Tsy azo hadinoina koa ny hoe “izay

⁷⁸ RAHAJARIZAFY (A), op cit , tak 15

⁷⁹ Tak 20

mitambatra vato, izay misaraka fasika”. Mampiseho ny lanjan’ny firaisan-kina teo amin’ny Malagasy avokoa ireny rehetra ireny.

Manome ohatra ny amin’izany firaisan-kina izany ny mpanoratra. Hita eo amin’ny fiaraha-mientan’ny fokonolona amin’ny fanaovana asa mafy toy ny fefiloha, fitarihana vatompasana, trano haorina, taon-ketsa sy jinja vary izany.

“Tantaraina izany, ka toa nofy mahamanina fa tsy tra-maraina: indrisy fa efa nalazo tokoa ny firaisan-kina niadanan’ny razantsika” hoy izy anefa⁸⁰.

Tsy hitany teny amin’ny fiarahamonina nisy azy teny intsony ireny rehetra ireny fa efa nisolo zavatra hafa. Tsy nisy intsony ny fanaovana tana-maromba mba hanampiana ny hafa amin’ny asa mafy. Niova ny fomba fiainan’ny Malagasy tamin’izany satria nanadino ny firaisan-kina ny olona.

“Nivadika tampoka ny rasa: fa rehefa nitsoaka amin’ny firaisan-kina nentin-drazany ny Gasy ka nilanja loha amin’ny samy mila ho azy ... tsy misy fangoloka ohatra azy”⁸¹ hoy mpanoratra mbola nanamafy ny fialan’ny Malagasy tamin’ny firaisan-kina. Nasehony ao mihitsy aza ny vokatr’izany. Lasa fangoloka henjana ireny olona niala tamin’ny firaisan-kina ireny.

2.2.1.4 Niova ny fomba fisainana sy fanao

Miseho amin’ny endrika maromaro ity fiovan’ny fomba fisainana ity:

- Eo amin’ny tanora

Hita taratra ato anaty asa soratra ihany koa ny fiovana nisy teo amin’ireo tanora sasantsasany tamin’izany. Tsy tahaka ny taloha intsony ny fihetsika sy fitondran-tenan’izy ireo.

Miresaka mikasika ny fahaizan’ny ray aman-dreny sy ny zanaka mifanaja fahiny ny mpanoratra. Hoy anefa izy:

“anisan’ny mampangirifiry an’ireo masoandro amam-bolana amin’izao andro diavitsika izao ny vingavingain’ireo naloaky ny kibony: saingy mijihina amin’ny fomba vaovao angamba ny tanora sasantsasany ka hamotsifotsy ny sinibe manga roa”⁸².

Tsy toy ny fifandraisana nisy teo amin’ny ray aman-dreny sy ny zanaka intsony no nisy fa lasa nanao tsinontsinona sy namingavinga ny rainy sy reniny ireo tanora. Miteraka

⁸⁰ RAHAJARIZAFY (A), op cit , tak 24

⁸¹ Tak 24

⁸² RAHAJARIZAFY (A), op cit , tak 32

alahelo eo amin'ireo lehibe anefa izany. Noho ny fahitana sy fanarahan'ireo tanora ny fomba vaovao tamin'izany fotoana izany no niteraka ity toetra sy fomba ratsy ity.

Ankoatra izay, dia niova ihany koa ny tanora eo amin'ny lafiny fomba fiaina. Niova ny foto-pisainany fa nanaraka ny fomba vaovao ka nanadino sy nandao ny taloha. Ohatra iray mikasika izany ny hoe:

“nahoana ireo tanora natao handova sy hanamainty molaly ny tanin-drazany no nandao ny akany nahabe, ka zary haolo sy lava volo ny valabe eny ambany vohitra? Sodoka ny rendrarendran'ny tanan-dehibe angamba izy ireo ka hendratrendratra tsy mety mitombin-tsaina intsony”⁸³.

Mazava izany fa tsy nazoto nijanona tany ambany vohitra intsony ireo tanora nefa tany no nisy ireo razany fa nandao izany ary namonjy ny rendrarendra tamin'ny renivohitra. Nialany ny zavatra navelan'ny razany fa nirona tamin'ny zava-kafa ny sainy.

“... efa tsy nifototra amin'ny toniam-piainana ambany masony intsony ny fandinihany, ka niendaka tsy nahay niorim-paka tamin'izay fivelomana intsony izy ireny: taitry ny akanga tsara soratr'Iarivo sy ny karazany e!”⁸⁴ hoy ny mpanoratra. Izany no fahitan'ny mpanoratra ny fiovana nisy teo amin'ireo tanora tamin'izany.

- Eo amin'ny fianakaviana

Nahatsapa fiaovana ihany koa ny mpanoratra teo amin'ny fifampitondrana eo anivon'ny fianakaviana. Nahay nifanome voninahitra ny Malagasy fahiny saingy toa tsy hita loatra intsony izany tamin'ny fotoana nanoratany ny boky. Hoy izy:

“eny amin'ny tanan-dehibe, efa nisolo hafa izy ireny : ny fihetsika ve tsy hiova mandrakariva aty am-pandalovana manenjika ny hatsarana,...”⁸⁵.

Tsy misy fifanomezam-boninahitra intsony ny fiainan'ny olona fa niova satria samy manenjika ny zavatra hafa izy ireo. Ireo zava-baovao nentin'ny vahiny no lazaina fa “hatsarana” eto.

Misy ireo fanontaniana napetraky ny mpanoratra mikasika izany fifanomezam-boninahitra izany; toy ny hoe:

- *Iza no gasy tsara taiza sahy hitehika amin'ny zinga fahiny raha tsy efa nanotany ny lahibe rehetra eo hoe sao hisotro rano ianao?*

⁸³ Tak 63

⁸⁴ Tak 63

⁸⁵ RAHAJARIZAFY (A), op cit , tak 33

- *Iza no zandriolona mahalala fomba ka hitsatsaingoka foana eo anoloan'ny antitra, raha tsy asainy hiteny tsinona?*⁸⁶

Fanontaniana tsy miandry valiny ireo fa matoa napetrany dia natao hisaintsainana satria tokony ho efa fantatry ny mpamaky avokoa ny valiny. Tsy fanao ny misotro mialohan'ny lehibe sy ny miteny tsy nomen-dalana raha ny fomba malagasy. Naverina napetraka anefa ireo fanontaniana ireo mba hanehoana fa tsy manao izany intsony ny olona eny anivon'ny fianakaviana eny. Tsy misy ny fifanomezam-boninahitra. Hadino tanteraka izany fa samy manao izay tiany sy mandeha amin'izay izorany ny rehetra. Tsy misy ny fifanajana na eo amin'ny fifampiantsoana, na eo amin'ny fomba fifampiresahana, na eo amin'fifampitondrana.

- **Eo amin'ny fiainana an-davanandro**

Tsy mba nampiasa ireny fanafody maoderina isan-karazany ireny ny Ntaolo. Zava-maniry sy akora avy amin'ny biby no nampiasainy hitsaboana rehefa misy ny tsy fahasalamana. Nety taminy izany ary nahomby mihitsy. Nahafantarany ireny ny fahaizany mandinika ny zavatra manodidina azy sy ny fiasany teo amin'ny fiananan'ny olombelona. Mbola nahavitan'ny Ntaolo zavatra hafa maro nentiny nanasoa ny fiainany koa ny biby sy ny zava-maniry fa tsy fanafody ihany.

Niova anefa izany raha ny voalazan'ny mpanoratra. Tsy nampiasa ireny intsony ny olona. Nanintona azy ireo vokatry vahiny tonga teto amintsika ka navelany ny zavatra efa fanao fahiny. Maneho izany ny voalaza hoe: “... *efa very sio ankehitriny*”⁸⁷.

Nahatsapa ny mpanoratra fa tsy nampiasa azy ireny intsony ny Malagasy. Nahatonga azy hilaza io teny io izany fahatsapany izany.

Maneho ny fialan'ny Malagasy tamin'ny maha malagasy azy avokoa ireo rehetra ireo raha aravoana. Tsy manontolo anefa izany fialana izany fa mbola nisy ihany ireo tsy niova. Ankoatra izany dia hita ihany koa fa nanomboka niroso tsikelikely tamin'ny fivoarana arapahalalana ny Malagasy tamin'izany.

2.2.2 EFA NANOMBOKA NIROSO TAMIN'NY FIVOARANA SY FAHALALANA

Niroso tsikelikely tamin'ny fivoarana ny Malagasy rehefa nanomboka nifandray tamin'ny Vahiny. Efa hita taratra izany tamin'ny vanim-potoana faha mpanjaka. Nitondra ny

⁸⁶ Tak 33

⁸⁷ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 64

fivoarana efa nisy tany aminy tany teto Madagasikara izy ireo ary nandray izany ny Malagasy. Mazava ho azy araka izany fa tamin'ny taona 1939 dia efa tena niroso tao anatin'ny fivoarana ara-pahalalana ny teto amintsika.

Hita taratra ao amin'ny asa soratra nivoaka tamin'izany taona izany ny fivoarana efa nisy. Nisy anefa ny fivoarana nahasoa fa nisy koa ny nanimba.

2.2.2.1 Ny fivoarana nahasoa

Maro ny zava-nahasoa nentin'ny Vahiny. Nahatsara azy ihany ny sasany tamin'izy ireny na nanendaka ny Malagasy tamin'ny nentin-drazany aza.

Efa lasa lavitra tokoa ny Vazaha. Tena niaiky izany ny mpanoratra nanoloana ireo zavatra nampidirin'izy ireo teto. Nitondra fivoarana ho an'ny teto Madagasikara izy ireny. Manome ohatra maro amin'izany ny mpanoratra. Maneho ireo fitaovana vaovao tonga sy hita teto amintsika ny voalaza ao manao hoe :

« irony fiarakodia mivoivoy tsy taritina, irony tanana kely vita rafitra mitety riaka, irony trano manana elatra misavoana eny amin'ny habakabaka, irony feo entin'ny tselatra ka tafita indray mipi-maso any amin'ny vazan-tany tsy hita poka... »⁸⁸. Fahaizan'ny vahiny izy ireny fa nentiny teto ka lasa niteraka fandrosoana.

Tsy nisy fiarakodia sy fiaramanidina teto talohan'ny nahatongavan'ny Vahiny. Antongotra avokoa no nanaovana ny fifamoivoizana. Ireo nanan-katao sy ny andriana dia nentina tamin'ny filanjana. Tsy nisy ny sambo fa lakana natao tamin'ny hazo nofandrahana no nentina niapitana rano. Tsy nisy ny vata fandraisam-peo sy ny hafa fahiny ka nanano-sarotra ny fampitam-baovao. Nitondra fiovana araka izany ireny voka-tsain'ny vahiny nampidirina teto ireny.

2.2.2.2 Ny fivoarana nanimba

Tsy nahasoa avokoa anefa ireo fivoarana nentin'ny vahiny ireo. Nisy ny fahalalana nanimba raha ny voalazan'ny mpanoratra. Tsy nanome ohatra mivantana toy ny fivoarana nahasoa izy fa nolazainy fotsiny hoe:

“mihoatra ny mety... satria tsy mifanentana amin'izay ilain'ny olombelona aradrarin'ny intsony fa lasa manimba”⁸⁹.

Nahita na koa nahatsapa izy fa misy manimba ny fikarohana natao'ireo vazaha matoa izy miteny izany.

⁸⁸ RAHAJARIZAFY (A), op cit , tak 52

⁸⁹ Tak 54

“Tsy misy antony anie ny sisa rehetra raha tsy mahatsara marina ny fiainana ara-panahy” hoy izy nanohy ny teniny. Nisy fahasimbana ara-panahy izany teo amin’ireo Malagasy izay nandray ity fahalalana nanimba ity.

2.2.2.3 Misy ihany ireo Malagasy tsy manadino ny maha izy azy

Tsy azo lazaina ho ny Malagasy rehetra anefa no niova fa nisy ihany ireo mbola nijanona tamin’ny maha malagasy azy. Nanaraka hatrany ny fomba fanaon’ny razana izy ireo na teo aza ny zava-baovao avy any ivelany. Izany akory tsy midika hoe tsy nandray ny fomba vahiny izy ireo saingy tsy nanadino na nanary ny azy ihany koa. Tsy nanao tsinontsinona fa nanaja ary nisy aza ireo izay niezaka nanandratra avo izany.

Manaporofa izany ohatra ny voalaza ao amin’ny boky hoe:

“fa ny mbola ankapoben’ny gasy, na niova aza ny fihetsika ivelany, dia ataoko fa tsy afaka amin’ny hanitra nentin-drazany”⁹⁰.

Nisy ny fiovana teo amin’ny fihetsika ivelany noho ny rivo-baovao avy any ivelany fa ilay maha malagasy mbola eny foana fa tsy maty. Tsy afa-niala tamin’ny fiainan’izy ireo izany.

Mbola nisy ihany koa ny Malagasy tena nahay nandaha-teny. Mampiavaka antsika ny fahaizana mikabary saingy toa hadinodino izany nanoloana ny fiovana nisy teo amin’ny fampianarana. Niova nanaraka ny an’ny vahiny izany ka lasa very ny fahaizana nananana teo aloha. Maneho izany ny voalaza hoe:

“ary na dia amin’izao taon-damokany diavitsika izao aza, mbola tsy lany tamingana akory ny taranaky ny mpikabary raindahiny: miatrana amin’ny maha Gasy hirihiry azy, ary mampikoy sy mampientanentana ny ambany lanitra rehefa mandahatra”⁹¹

Araka izany, tsy tena maty tanteraka ny fahaizana mikabary fa mbola nisy ireo nitazona izany. Nanamafy ny fahafehezany izany mihitsy aza izy ireo mba hampiaiky ny mpihaino.

Mbola manamafy ny tsy fahaverezan’ny maha malagasy ihany koa ny mpanoratra hoe:

“tsia, tsy mbola maty ary tsy mbola nanjavona tsy alory izany fanahy maha Gasy ny Gasy izany fa mbola manitra ao am-pon’ny eran’ny Nosy! saingy mila hofongarina”⁹².

Any anatin’ireny olona niova ireny ihany raha ny fahitany azy ilay fanahy maha malagasy saingy saron’ily fiovana fotsiny. Fampahatsiahivana no ilaina mba hiverenany indray.

⁹⁰ RAHAJARIZAFY (A), op cit , tak 9

⁹¹ Tak 46

⁹² Tak 80

FEHINY

Azo tarafina ao anatin'ny asa soratra ny zava-nisy tamin'ny vanim-potoana nanoratana azy. Ampiasain'ny mpanoratra mba ho fanamarinana ny zavatra lazainy sy ho fandresena lahatra ihany koa izy ireny.

Samy hita taratra tao amin'ny boky Hanitra nentin-drazana avokoa ary na ny zava-nisy teo amin'ny firenena manontolo na ny teny amin'ny fiaraha-monina tsirairay teny. Tsapa fa nandalo fiovana lehibe ny firenena satria tonga teto amin'ny nosy ireo mpanjantany ary tena nanjaka tanteraka. Namehy ny Malagasy izy ireo ary nanova zavatra maro teo amin'ny fiainan'ny Malagasy izany. Hita koa fa nanjary takona ilay maha malagasy. Tsy maty tanteraka izany fa mbola tany anatin'izy ireo tany ihany saingy saron'ny an'ny vahiny fotsiny.

Rehefa fantatra ary ny momba ny mpanoratra sy ny zava-nisy tamin'ny fotoana nanoratana ny boky dia ho jerena ato amin'ny fizarana fahatelo ny tanjon'ny mpanoratra sy ny porofo ahitana taratra izany ary ny fomba nanatanterahany azy.

3- FIZARANA FAHATELO:

**NY POROFO MANEHO NY TANJONA
TIAN'NY MPANORATRA
HAHATONGAVANA SY FOMBA
ANATANTERAHANY IZANY**

Hojerena ato amin'ny fizarana fahatelo ary ny tanjon'ny mpanoratra teo ampanoratana ny boky sy ny fomba anatanterahany izany. Hita taratra ao amin'ireo porofo ampiasaina mantsy io tanjona io. Ireto avy ary izany: ny fanandratana ny hanitra nentin-drazana malagasy, ny fampahafantarana ataon'ny mpanoratra ho an'ireo izay mbola tsy mahalala sy minia tsy mahita io hanitra io, ny fampitahana ny toe-tsaina sy fomba amampy ary ny fahalalan'ny vazaha sy ny Malagasy. Ny fomba anatanterahany izany dia: fampiasana voambolana voafantina, fakana ohatra akaiky sy marina mikasika izay zavatra lazaina, fampiasana karazana literatiora samihafa, fampiasana karazana sarinteny .

3.1 NY TANJON'NY MPANORATRA

3.1.1 FANANDRATANA NY HANITRA NENTIN-DRAZANA MALAGASY

Misy maromaro ireo porofo maneho ny fanandratana'i RAHAJARIZAFY ireo hanitra nentin-drazana Malagasy :

3.1.1.1 Mikasika ireo hery mahalasa lavitra azy amin'ny fihavanana

Zava-dehibe teo amin'ny Malagasy ny fihavanana. Lazain'ny mpanoratra fa « zava-masina » izany. Nentina nanondroana zavatra iray manana ny maha izy azy, hajaina sy atahorana no atao hoe masina. Teo amin'ny Ntaolo dia natahorana mafy izany faharavan'ny fihavanana izany ka nohajaina sy notandrovana fatratra ery. Toerana ambony tokoa noho izany ity ametrahan'ny mpanoratra ny fihavanana ity mba hisarihany ny sain'ny olona hanaiky avy hatrany ny maha zava-dehibe azy.

« Fa voniny telo soa indrindra no hoborahiko kely etoana : voniny telo mampaningana ny gasy, mampamerovero ny fiainany aoka izany, ary mahamamy ny fihavanana noho izay fary sy tantely »⁹³.

Ny voambolana hoe « voniny »⁹⁴, izay natao manokana hanondroana felana voninkazo, ny hoe « soa », milaza fahatsarana, ny hoe « fary sy tantely », izay maneho hamamiana, dia midika avy hatrany ny fanandratana ny hanitra nentin-drazana malagasy. Vao mahita ireny fotsiny ny mpamaky dia toa resy lahatra avy hatrany fa tena tsara sy mendrika izy ireny.

⁹³ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 15

⁹⁴ RAJEMISA-RAOLISON (R) ,2003, Rakibolana malagasy, Ed Ambozontany Analamahitsy Antananarivo :Bokony mena mavokely amin'ny zava-maniry mamontsina dia vaky felana ary misy tonga voa ary misy tonga voninkazo

Ny hantahanta no “*voniny mahasondriana indrindra*”⁹⁵ hoy ny mpanoratra. Io no fehezanten'ny anombohany ny fanazavany mikasika ny hantahanta. Lazaina fa mahasondriana ny zavatra iray rehefa manintona ny maso sy ny sain'ny olona hifantoka aminy ka hanadino ny zavatra hafa rehetra noho ny hafinaretana⁹⁶. Araka izany dia tiany hifantsika sy hilentika ao an-tsain'ny mpamaky avy hatrany eny am-piandohana fa ny hantahanta dia isan'ny hanitra nentin-drazana malagasy manana ny lanjany tokoa satria mahasondriana.

Ny fifanomezana indray dia faritany ho « *voniny mahaliana indrindra* »⁹⁷. Amintsika Malagasy, ny zavatra iray mahaliana izany dia miavaka amin'ny hafa ary tsy fahita matetika, maha te handre na maha te hahita⁹⁸. Marihina anefa fa ny hoe mahaliana dia mety hiseho amin'ny endrika roa : tsara sy ratsy. Mba hanehoan'ny mpanoratra ny fiavahana amin'io dia nampiarahany teo hatrany ny hoe « voniny » izay efa voafaritana teo aloha fa maneho fahatsarana. Ny fahatsapan'ny olona fa miavaka ary tsy itovizan'ny Malagasy amin'ny hafa ny fifanomezana araka izany no tiana hahatongavana.

Ny fifanajana kosa no « *voniny mahavariana indrindra* »⁹⁹. Ny hoe mahavariana dia mampifantoka ny saina ka mahatonga azy hanadino izay tokony hatao. Iaraha-mahalala anefa fa matoa mahavariana dia misongadina izy izay. Izany no anjara toerana ambony omen-dRAHAJARIZAFY ny fifanajana. Manaitra sy misarika avy hatrany ny fahitana azy ireny.

3.1.1.2 Eo amin'ny fanilo ahatakarany amin'ny fahalalana

Mizara roa miavaka tsara ity fanilo ahatakarana amin'ny fahalalana ity:

- ny fahaizana mandaha-teny
- ny fahaizana mamantatra

3.1.1.2.1 Ny fahaizana mandaha-teny

Asongadin'i RAHAJARIZAFY ao amin'ny boky Hanitra nentin-drazana fa mahay miresaka sy mandaha-teny ny Malagasy.

“*Mampikoy sy mampientanentana ny ambanilanitra*”¹⁰⁰ hoy izy rehefa mandahatra ireo taranaky ny mpikabary raindahiny. Tiany haseho amin'ny mpamaky fa tena hain'ireo mpikabary ny manintona ny mpihaino ho liana amin'ny resaka atao. Asehony fa mampiaiky sy mahatalanjona ireny lahateny ataon'ny efa za-draharaha amin'ny kabary ireny.

Isan'ny nanosika ny mpanoratra hanoratra ny boky miresaka mikasika ny “Kabary” ity fahitany sy fankasitrahany ny fahaizan'ny Malagasy mandaha-teny ity. Tsy ataony ambanin-

⁹⁵ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 16

⁹⁶ RAJEMISA-RAOLISON (R) Op-cit

⁹⁷ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 22

⁹⁸ RAJEMISA-RAOLISON (R) Op-cit

⁹⁹ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 31

¹⁰⁰ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 46

javatra izany fa hindrahindrainy kosa ary ireharehany tanteraka. Ampitainy amin'ny mpamaky ireo asa sorany io fahaizana mandahatra io ary ataony amin'ny fomba miavaka sy feno fandokafana mihitsy. Hamafisiny fa heverina ho toy ny rohy mahazaka aningorana ny fanahin'ny olona ny kabary teo amin'ny Malagasy ka izany no niavian'ny fiteny hoe “atsipy ny tady, an-tandroky ny omby; atsipy ny teny am-pon'ny manam-panahy”. Ary aoka ho tsiahivina fa ny “fanahy no maha olona”

Tsy izany ihany fa lazainy ihany koa hoe:

*“ilay fandahatry ny Gasy ihany no tena mahasingotra azy avy ao amin'ny fony”*¹⁰¹.

Zavatra toy ny inona moa izany mahasingotra avy ao amin'ny fo izany? Toe-javatra efa fahita matetika ny hoe akanjo na volo na tanana voasingotra ary afaka manao izany ireo izay andalovana satria hita ety ivelan'ny vatana ireo. Tsy toy izany anefa ny fo. Ao anatin'ny vatantsika no ahitana azy ary zavatra mandona, manaitra, mampieritreritra, mampangoraka no maningotra azy fa tsy izay mandalo ivelany fotsiny. Talentan'ny Malagasy mahay mandahatra ny manao karazam-pitenenana mahatonga ireo fihetseham-po ireo. Izany fandokafana izany no entin'ny mpanoratra isintonana ny mpamaky hanaiky fa mahay mandahatra tokoa ny Malagasy.

Etsy andanin'izany, tsy eo amin'ny lafiny lahateny toy ny kabary ihany no hindrahindrain'ny mpanoratra fa eo koa ny mikasika ireo fiteny andavan'andro. Manan-karena eo amin'ny lafiny teny ny Malagasy. Anaporofony izany ireo ohatra vitsivitsy noraisiny ao. Indro santionany amin'izany, mba hahafahana mijery fa oharin'ny mpanoratra amin'ny porofo mivaingana tokoa ny fanandratana izay ataony:

*“ireny teny hoe “mba”, “mantsy”, “ihany” (...). Toa teny kely lasalasa foana ireny kanjo mampirolaka hevitra ery hoy izy. Mety ho fanarabiana, ary mety ho fitserana, mety ho fanalefahana ary mety ho fanamafisana ny hevitra. Ireny no lazainy fa “fihetsiky ny fo mitsoriadriaka, tsy hain'ny saina ho savihina: tsy mba fivaofy fa faminany”*¹⁰².

Eo ihany koa ireo lazainy fa teny tsy misy dikany tena mifanandrify amin'ny teny Frantsay toy ny “asa!”, “mananona” izay milaza zavatra an-kilahila saro-patarina”¹⁰³

Natao hanamarinana sy hanaporofona fa miorim-paka ny filazana hoe “manan-karena eo amin'ny teny isika”, no antony ametrany ireny ohatra samihafa ireny. Manampy amin'ny fandresen-dahatra izy ireny indrindra fa zavatra lehibe toy izany nolazaina.

¹⁰¹ Tak 50

¹⁰² RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 41

¹⁰³ Tak 41

3.1.1.2.2 Ny fahaizana mamantatra

Isan'ny toetra ananan'ny Malagasy ihany koa ny fahaizana mamantatra ary izany indrindra no asongadin'ny mpanoratra ao amin'ny tapany faharoa sy fahatelon'ny fizarana faharoan'ny boky. Navahany roa miavaka tsara ny fahaizana mamantatra ka ireto avy izany:

- ny fahaizana mamanta-javatra
- ny fahaizana mamantatr'olona

✓ Fahaizana mamanta-javatra

Voalohany indrindra aloha ny hoe “fahaizana”dia ahazoana mpamari-toetra hoe “mahay” izay midika hoe havanana amin'izay ataony¹⁰⁴. Manana ny lanjany eo amin'ny fiaraha-monina matetika ny olona lazaina fa mahay zavatra tsara. Asandratry ny mpanoratra ho mahay mamanta-javatra eto ny Malagasy ka toetra roa no entiny anazavany sy anohanany ny heviny mba haharesy lahatra kokoa amin'ny zavatra lazainy. Hoy izy “*mahira-maso sy matsilo sofina izy (ny Malagasy): io no voalohany ahaizany mamantatra*”¹⁰⁵. Mbola nanandratra ihany koa ny hoe mahiratra sy matsilo. Zavatra tsara izany.

Nazavaina tamin'ireo ohatra maromaro nomena ny fahiratan'ny mason'ny Malagasy. Iray amin'izany ny maha havanana azy amin'ny fakan-tahaka ary hamafisin'ny mpanoratra mihitsy hoe “*diso mahay loatra mantsy izy ny amin'io*”¹⁰⁶. Isan'ireny ny fahaizan'ny ankabeazan'ny ankizy maka tahaka ireo soratra sy sary ampanaovina azy any an-tsekoly.

Eo ihany koa ny fahaizana mijery sy mandinika ny fihetsika iray nefa ahitany voambolana samihafa ilazany azy araka ny hamafiny sy ny toetoetrany.

Ohatra:

- ny “lavo” na “potraka” toa zavatra tsotra sy tokana ihany izany kanjo aiza ny fandiniky ny Gasy azy! Arahiny maso aloha ny fahapotrahanao ka avakavahany: mianjera, mitrosoana, mitrotrongy, mitsingidina, miongana, mikodia, mitsidrahaka, mitsirara, midoboka, mikarapoka, miantota, mitontona...¹⁰⁷

Mbola maneho ny fahiratan'ny mason'ny Malagasy ihany koa ireny ohabolana sy fomba fiteny samihafa mikasika ny tontolo manodidina ny olombelona ireny. Avy amin'ny

¹⁰⁴ RAJEMISA-RAOLISON (R), Rakibolana malagasy, op cit

¹⁰⁵ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 55

¹⁰⁶ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 55

¹⁰⁷ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 59

fahaizana mijery sy mandinika no namoronana azy satria izy dia vokatry ny fandinihana ny zava-misy iainana andavanandro, eo anivon'ny fiaraha-monina¹⁰⁸.

Ohatra¹⁰⁹:

Avy amin'ny fandinihana ny biby no niavian'ny hoe:

- *“Voalavo latsaka an-ketona: ny halavoana leo ihany, fa ny akoran'ny akoho no tsy tanty”*
- *“Vitsika mitondra valala: ny kibo hasiana tsy misy, fa ny faha-te-hoderaina no be”*
- *“Voalavo mandositra andro, mahin'ny fanahy ratsy natao halina”*
- (...)

Avy amin'ny fandinihana ny vato ny hoe:

- *“Ny vato natao hiafenana no namosaka ny antsoro maina”*
- *“Vatoan-dava-drano tsy miady fa mifanjary toerana”*

Avy amin'ny fandinihana ny fiainana andavan'andro ny hoe:

- *“Fandio iray siny tsy mahaleo ny fandoto iray tandroka”*
- *“arivo vavy tsy mifandrandra”*
- (...)

Ireny rehetra ireny dia nataon'ny mpanoratra mba hanamarinana sy hanaporofaana ny fahaiza-mijery ananan'ny Malagasy.

Porofoin'ny mpanoratra amin'ny fahaladian'ny sofin'ny zaza kosa ny fahatsiloan-tsofina ananan'ny Malagasy. Hoy izy:

*“haingam-piraikitra ery ny feo ao an-tsofiny, ary miaraka amin'ny vava dia mahaforona feo faharoa sy besony ary fasiny izy”*¹¹⁰

Eo koa ny fahaizan'ny maro mandray vetivety ireny hira vahiny ireny. Ny sofina matsilo no fototr'izany rehetra izany.

Porofa hita mivantana eo amin'ny fiainana andavan'andro ireny rehetra ireny fa tsy zavatra noforonina akory. Natao indrindra izany mba hahatafita ny tanjona dia ny haharesy lahatra ny mpamaky amin'ny fanandratana izay atao.

¹⁰⁸ ANDRIAMBOAVONJY (H), Faka sy kolo mikabary, collection Vina Bio Antananarivo, 2005, pp133 (tak 21)

“ny ohabolana dia vokatry ny fandinihana ny zava-misy iainana andavanandro, eo anivon'ny fiaraha-monina; rehefa hita fa marina izany dia natao ohatra amin'ny alalan'ny teny”

¹⁰⁹ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 61

¹¹⁰ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 58

✓ Fahaizana mamantatra olona

Ao amin'ny tapany fahatelo amin'ny fizarana faharoa no ahitana ity fahaizana mamantatr'olona ity. Mbola fanandratana ny toetra miavaka ananan'ny Malagasy ihany koa no tian'ny mpanoratra hahatongavana eto. Milaza mihitsy aza izy fa

“fatra-pandinika loatra ny Gasy indraindray ka novisavisainy tsy amin'antra avokoa izao fihetsika mahatsikaiky azy rehetra izao”¹¹¹.

Ohatra maromaro no entiny anehoana io fahaizana mamantatr'olona io:

- Eo amin'ny zaza Gasy: tsy mba fanaon'izy ireny ny avy dia mandositra na manatona olona fa miandry eo aloha izy. Hoy ny voalaza:

“kanjo manditra izany , mamantatra anao mafy ilay fo keliny, mitsapatsapa sy mandanjalanja izay fihetsikao rehetra eo”¹¹².

Amin'ny fihaonana manaraka vao asehony ny fomba nitsarany sy naminaniany anao. Amin'izay izy vao handositra anao tanteraka na hanatona ka hisokatra sy hiresaka aminao. Ny fihetsika hitany tamin'io fihaonana voalohany io dia tsy nisy nipika taminy fa tadidiny ary hotantarainy any ho any. Toy izany raha fintinina ny anehoan'ny mpanoratra ny fahaizan'ny zaza bodo mamantatra olona.

- Anisan'ny fototra iray iorenan'ny fihavanana kosa ny fahaizana mamantatr'olona eo amin'ny lehibe efa vory saina ka mahay mandinika. Rehefa mihaona aminao izy dia dinihiny tsara ianao sy izay tena tianao ary ironan'ny fonao amin'ny alalan'ny resaka ataony aminao sy ny fihetsika asehonao azy. Fa hoy ny mpanoratra:

“mody doniny atsy doniny aroa, somary tarafiny sy alainy misompirana (...) zohiny miadana ny hevitrao,(...) tohininy tampoka ianao, antsafainy, tsahoiny kely, asesiny amin'izay mampihilana anao”¹¹³.

Ireny no fomba ahalalany izay ao am-ponao. Aorian'izay vao miombom-pitia aminao izy ka mandraikitra ny fihavanana na miala aminao raha misy tsy azoazony ireo tianao sy ironan'ny fonao.

Tsotra ny tian'ny mpanoratra hambara raha fehezina ireo voalaza ireo: mahay mamantatr'olona ny Malagasy. Tanjony ny hahatafita izany amin'ny mpamaky satria isan'ny hanitra nentin-drazantsika io ka tokony hasandratra sy homen-danja.

¹¹¹ Tak 69

¹¹² Tak 71

¹¹³ RAHAJARIZAFY (A), op cit Tak 74

3.1.2 FAMPAHATSIAHIVANA HO AN'IREO IZAY NINIA NANADINO

Anisan'ny tanjona iray tamin'ny fanoratana ity boky ity koa ny fampahatsiahivana ireo toe-panahy soa mampiavaka ny Malagasy, ho an'ireo izay minia manadino ka mihevitra izany ho toy ny tsy nisy satria variana tamin'ny zava-baovao avy any ivelany. Misy maromaro ireo porofon-kevitra nentin'ny mpanoratra handresena lahatra ny mpamaky mba hahatonga azy ireo hahatsiahy sy hijery ireny ka mba hanome lanja na koa hanaja fa tsy hanao tsinontsinona. Ireto manaraka ireto ireo toetra tsara nananan'ny Malagasy sy nampiavaka azy ka tian'ny mpanoratra haverina ao an-tsain'ny maro:

3.1.2.1 Mahay mifanaja ny Malagasy

Miseho amin'ny endriny roa ny fahaizan'ny Malagasy mifanaja raha ny voalazan'ny mpanoratra no dinihana. Misy ny fifanajana eo amin'ny iray ankohonana, misy ny eo amin'ny mpiara-monina. Porofo maromaro entiny maneho izany ao amin'ny asa sorany.

- Ny fifanajana eo amin'ny iray ankohonana:

Ireto misy porofo vitsivitsy nentin'ny mpanoratra manamarina io fahaiza-mifanaja eo amin'ny iray ankohonana io.

Eo aloha ny mikasika ny hantahantan'ny zanaka amin'ny ray aman-dreniny. Na dia hita mibahan-toerana lehibe eo amin'ny fifandraisan'ny iray ankohonana aza izany dia voafetran'ny fanajana ihany. Miteraka olana eo amin'ny fihavanana ny fandikana io fanajana io. Porofo iray entin'ny mpanoratra maneho izany fiteny hoe:

*“raha dongy no ampianao angola hoy ry Dada mananatra an-janany, I rainao ampy ihantana; fa raha ditra no ampianao avona, mandehana fa manam-be hamolahana aho”*¹¹⁴

Hita amin'izany ny fitiavan'ny Malagasy ny zanany saingy rehefa mitady hihoa-pefy sy tsy hanisy fanajana ireo nahitany masoandro ny zaza dia misy ny fepetra raisina. Ny fitaizana sy ny fampianarana ny zaza amin'ny tokony hanajany ny ray aman-dreniny no antony andraisana io fepetra io.

Miseho amin'ny alalan'ny tahotra ny tenin'ny ray aman-dreny koa ity fanajana ataon'ny zanaka ity. Hoy ny fitenenana hoe: “ ny tenin-dray aman-dreny, hono, toy ny tsipak'ombalahy, raha mahavoa mahafaty, raha tsy mahavoa mahafanina”. Manaja ireny teny ireny ny zanaka noho izany satria matahotra ny hanan-tsiny amin'ireo nahitany masoandro.

Eo ihany koa ny fahaiza-mifanaja eo amin'ny samy ankizy. Hita taratra eo amin'ny fifandraisan'izy ireo koa izany indrindra eo amin'ny fianakaviana mandala sy anjakan'ny fifanajana. Manasongadiana izany ny fanontaniana apetraky ny mpanoratra hoe :

¹¹⁴ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 32

*“mba fianakaviana tsara fototra ihany ve ka ny zandry no hanao ialahy an-dry zoky, ary ry zoky no handarodaro-poana an-dry zandry?”*¹¹⁵.

Mbola hita eo amin'ny zanak'ireo fianakaviana, izay lazaina ho tsara fototra, araka izany ny fifanajana.

Ary farany ny fanajan'ny ray aman-dreny ny zanany. Adidy ny maneho fanajana amin' izy ireny na dia zaza aza. Maro ny ray aman-dreny manao izany. Manaporofa izany ny voalaza hoe:

*“saika tsy fahita ny hoe ry Dada mikapoka isan'andro mihiratra: betsaka no milaza fa tsy mba nokasihan-drainy tanana na oviana na oviana fa maso sy molo-dray aman-dreniny no mibaiko azy mandava-taona”*¹¹⁶.

Endrika iray isehoan'ny fifanajana eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka koa izany ny tsy fikasihan-tanana atao amin'ny zaza. Raha izay ny mikasika ny fifanajana eo amin'ny ankohonana dia tsy hadino koa ny fifanajana eo amin'ny mpiara-monina.

- Mikasika ny fifanajana eo amin'ny mpiara-monina:

Voafelin'ny fifanajana koa ny fifandraisan'ny mpiara-monina. Raha io no tsy misy dia mikorontana ambony ambany ny fiarahamonina ary ho rava ny fihavanana. Tsy hifankatia ny mpiray Tanana fa hifanenjika, hifanolana, hifampialona ary mety hiafara amin'ny fifamonoana mihitsy aza izany. Tsy maintsy tandroina fatratra araka izany ny fihavanana amin'ny alalan'ny fifanajana.

Ireto misy ohatra maromaro entin'ny mpanoratra manamarina izany:

*“ Iza no Gasy tsara taiza sahy hitehaka amin'ny zinga fahiny, raha tsy efa nanontany ny lehibe rehetra eo hoe sao hisotro rano ianao? Iza no zandrinolona mahalala fomba ka hitsatsaingoka foana eo anoloan'ny antitra, raha tsy asainy hiteny tsinona?”*¹¹⁷.

Ireny rehetra ireny no anehoana fa mifanaja ny mpiara-monina eo amin'ny lafiny fizokiana ary fitsipika iray mifehy ny fiarahamonina izany.

Eo koa ny fanajana ny hafa amin'ny alalan'ny tsy fanaovana “ialahy” azy. Eo amin'ny samy lehibe kosa no isehoan'ity endrika iray ity. *“Ady nifandaharana am-pokonolona mihitsy raha nisy nifanao “ialahy” samy olon-dehibe raha tsy efa teny ierana angaha”*¹¹⁸ hoy ny mpanoratra mikasika izany.

Tsy hadino ny fifanajana eo amin'ny fomba fiteny. Fidina ny teny lazaina rehefa miresaka amin'olona ary fehezina ny fomba fiteny mba tsy hanohina sy hahatezitra. *“Ary izy*

¹¹⁵ Tak 33

¹¹⁶ RAHAJARIZAFY (A), op cit Tak 33

¹¹⁷ Tak 33

¹¹⁸ Tak 33

tsy mifankahay aminao angamba dia noho ianao tsy mahafehy vava”¹¹⁹ hoy ny voalaza. Ilaina ny mandanjalanja ny teny avoaka araka izany mba tsy ho teny ratsy, na teny mamasoka olona, na teny maneso, na teny fady, ...sns satria endriky ny fifanajana ny fanaovana izany eo amitsika Malagasy. Manampy izany ny fahaizana mamihim-bava. Hoy mantsy ny mpanoratra hoe:

*“fahaiza-manaja, raha dinihana, ilay fombany mamihim-bava(...)”*¹²⁰.

Maneho fanajana ny hafa ny fahanginana sy fieritreretana tsara rehefa hamaly resaka toy izay mamalivaly foana.

Ankoatra ny fahaizana mifanaja dia ampahatsiahivin’ny mpanoratra amin’ny alalan’ireo porofon-kevitra samihafa koa ny toetra mampiavaka ny Malagasy. Tsy inona izany fa ny angolangolam-pitiavana.

3.1.2.2 Toetra mampiavaka antsika ny angolangolam-pitiavana

Talentan’ny Malagasy tokoa raha ity angolangolam-pitiavana ity no lazaina. Isan’ny fototra iray ijoroan’ny fihavanana ihany koa izy ka izany no mahatonga azy ho hita sy iainana andavan’andro. Raha te hifandray amin’olona dia tsy maintsy maneho fitiavana azy ary atao izay hahatsapany izany. Toetra mampiavaka ny Malagasy izany. Manome porofo maromaro mikasika izany RAHAJARIZAFY mba hampahatsiahivana ny mpamaky io toetra io.

Ity andinin-tononkalo iray ity dia maneho ny angolangolam-pitiavana hita ao amin’ny fianakaviana:

*“Toa tazako ikaky misafosafy,
Toa tsinjoko ineny manambitamby,
Toa hitako izoky miantampisampy,
Toa tsikaritra izandry miantosintosa...”*¹²¹

Samy ahitana taratra ny angola avokoa na ny fihetsiky ny ray, na ny an’ny reny, na ny an’ny zoky, na ny an’ny zandry raha ity porofo miendrika tononkalo ity no dinihana. Tsapa ihany koa fa samy manana ny fomba fanehoana izany ny tsirairay.

Mbola porofo iray ampiasain’ny mpanoratra koa ity hain-teny efa mahazatra sy faheno matetika ity mba hahatafita ny tanjony:

*“Izoky va no manitra voankazo sa Izandry no manitra ravinkazo, no manitra andriana izany trano? Tsy izoky no manitra voankazo na izandry no manitra ravinkazo: fa ny fitia havana no be, ka toa manitra andriana ny trano”.*¹²²

¹¹⁹ Tak 34

¹²⁰ RAHAJARIZAFY (A), op cit Tak 34

¹²¹ Tak 17

¹²² Tak 19

Araka ny voalaza dia ireny ny angolamolam-pitiavana eo amin-dry dahy mbamin-dry bavy ary toraka izany ny amin'ny mpihavana rehetra. Ireny no mahamamy ny fihavanana'izy ireo.

Mampiavaka ny ankohonana Malagasy tokoa ireny toetra sy fihetsika ireny raha fintinina ireo rehetra ireo. Tsy izany ihany anefa fa mbola misy ny hanitra nentin-drazana hafa tian'ny mpanoratra hampahatsiahivana ao anatin'ity asa sorany ity.

3.1.2.3 Fototra iorenan'ny fihavanana ny fitia mifamaly

Tsy tian'ny mpanoratra hatao ambany maso tsy hita izany fahaizantsika mifamaly fitia izany. Ny ankabeazan'ny olona mantsy dia miaina an'io saingy tsy mahatsapa fa zava-dehibe eo amin'ny maha Malagasy azy izany ary iavahany amin'ireo olona any amin'ny firenena hafa. Isan'ny tanjona kendren'ny mpanoratra koa araka izany eto ny hamerina ao an-tsain'ny olona ny maha zava-dehibe ity fifamaliana fitia ity. Sady toe-panahy soa mampiavaka antsika mantsy izy no isan'ny fototra iorenan'ny fihavanana ihany koa. Hoy indrindra mantsy ny fitenenana hoe “ny fitia mifamaly mahatsara fihavanana”.

Azo sokajiana ho efatra mazava tsara ny endrika isehoan'ny fitia mifamaly eo amin'ny fiaraha-monina Malagasy. Voalohany indrindra ny fitia mifamaly hita ao amin'ny fianakaviana. Ny ankabeazan'ny fianakaviana eto amintsika dia saika ahitana ity fomba soa ity avokoa. Porofon'ny mpanoratra maneho izany ireto fanontaniana tsy miandry valiny maromaro ireto manao hoe:

- *“ny lehibe ve no hiantseka ka tsy hivimbina voan-tsena ho an-dry Koto mbamin-dry Bozy?”*
- *“mpivahiny ve no avy lavitra ka tsy hisakelika voan-dalana ho an-kavana?”*
- *“olon-dehibe iza no manan-katolotra ihany ka hahajery voamason-jaza mipitrapitra?”*
- *“ary aiza no mpihavana mifampitsidika ka tsy hifanome tolotra kely?”*¹²³

Raha ireo fanontanina ireo no porofon'ny nampiasaina dia inoana fa samy hahalala ny valiny ny rehetra. Mbola porofon'ny maneho ny fitia mifamaly eo amin'ny fianakaviana koa ny hoe:

*“koa raha tonga ny tonon-taona, ny zokiolona na iza na iza dia tsy misy diso anjara amin'ny vodiakoho avy amin'ny tanora, ary ny kilonga na iza na iza tsy misy diso anjara amin'ny fen'akoho avy amin'ny lehibe”*¹²⁴

¹²³ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 23

¹²⁴ RAHAJARIZAFY (A), op cit Tak 23

Mifanao toy izany avokoa ireo mpianakavy ary manamafy ny fihavanany izany. Izany ny fitia mifamaly ao anaty fianakaviana.

Manaraka izay ny fitia mifamaly eo amin'ny mpiaramonina. Porofo voalohany anehoany izany ny hoe:

“ (...) *fa ny fahaizany mifanampy no aoka hotsahivina kely eto: malaza loatra amin'ny Gasy ny hoe firaisan-kina*”

Endrika iray isehoan'ny fitia mifamaly eo amin'ny mpiaramonina ny firaisan-kina. Fanaon'ny Malagasy ny mifanampy amin'izay zavatra atao ary ahavitana zavatra be izany satria miara-misalahy ny rehetra ary anaovana toy izay avokoa ireo mandray anjara rehetra. Na dia tsy hita taratra loatra eo amin'ny fiarahamonina an-tanàn-dehibe intsony aza izany dia mbola hita kosa any ambanivohitra lavitra any. Isan'ny nanosika ny mpanoratra hamerina indray ao an-tsain'ny olona ny lanjan'ny fitia mifamaly fanaon'ny Malagasy izany io fahalazoan'ny firaisan-kina io.

Ankoatran'ny firaisan-kina, endrika iray isehoan'ny fitia mifamaly koa ny firaisam-po. Toetra maromaro fanaon'ny Malagasy no ahatarafana izany firaisam-po izany:

- Ny mifamangivangy: fomba ifanaovana io. Porofoin'ny mpanoratra amin'ny alalan'ily fomba fiteny hoe “ *izay mahavangivangy hono tian-kavana*” ¹²⁵ izany ka na amin'ny tsara na amin'ny ratsy dia hita eny foana ny fifamaliampitia amin'ny alalan'ny fifamangiana.
- Ny fifampitsidihana: io kosa ilay fomba fanao rehefa mandalo tanà-misy havana. Entin'ny mpanoratra mampahatsiahy indray, io fomba fanaon'ny malagasy io, ny fomba fiteny hoe: “*ny fo hono tsy mba mandringa ka raha mandalo mitsidika ihany*”¹²⁶ . Endriky ny fitia mifamaly izany ary manamafy ny fihavanana satria mifanao izany ny mpiara-monina.
- Ny fahaizana mandray vahiny: toetra mampiavaka antsika koa izy ity. Hoy ny voalaza: “*(...) fa na olo-tsy fantatra aza no miserana atao mandrosoa; ary raha miditra antrano omem-boninahitra: rosoan-tsakafo, velaram-pandriana...*”¹²⁷ . Ao anaty izany fahaizana mandray vahiny izany ary samy manana io toetra io avokoa ny ankamaroan'ny olona. Raha misy mantsy hono zavatra tianao hataon'olona aminao dia ataovy amin'olona aloha izany.
- Ny tafasiry: io ilay resadresaka ifanaovan'ny mpiara-monina rehefa mifampitsidika. Manamafy ny fihavanana ihany koa io. Ampahatsiahivin'ny mpanoratra izany

¹²⁵ Tak 24

¹²⁶ RAHAJARIZAFY (A), op cit Tak 25

¹²⁷ Tak 25

amin'ny alalan'ny fitenenana hoe: *“fa raha mpifankatia tsy miresaka hono very ny androatokom-pihavanana”*¹²⁸. Maneho fifamalian-pitia koa noho izany ity fifampiresahana ity.

- Ny fifandefarana: eo amin'ny fifampiresahana no tena ahitana taratra ity fifandefarana ity. Tsy mba mivatravatra sy manao teny manindrona ny Gasy rehefa miresaka. Fantany mantsy fa hanimba ilay fihavanana tandroiny mafy izany. Mandritra ny fifampiresahana araka izany dia mifandefitra tanteraka ny roa tonta. Entin'I RAHAJARIZAFY manamarina izany ny ohatra noraisiny mikasika ny fomba famaliana tenin'olona: *“Gasy aiza raha mba tsara taiza, no hamaly tenin'olona ka avy hatrany dia hanohitra mivantana? Fa ankatoaviny aloha izay marina amin'ny voalazanao: “Marina tokoa izany hoy izy satria izao sy izao. Nefa kosa...”*.¹²⁹. Mampahatsiahy avy hatrany ny fomba firesahana amin'olona ny fahitana izany.

Ireny rehetra ireny no maneho ny fitia mifamaly eo amin'ny fiaraha-monina Malagasy. Fitia satria fanehoam-pitiavana ireny ary mifamaly satria samy manao izany amin'ny mpiaramonina aminy sy ny fianakaviany avokoa ny tsirairay.

Mampalahelo anefa fa tsy manao izany loatra intsony ny fiaraha-monina sasany. Nataon'ny mpanoratra ho azy ireny indrindra ary ireo fampahatsiahivana mikasika ny fifamaliana fitia ireo.

3.1.3 FANEHOANA IREO FOMBA SY TOETRA NAMPIAVAKA NY MALAGASY

Tanjona iray tian'ny mpanoratra hotratrarina ihany koa ny haneho ireo toetra sy fomba vitsivitsy hita eo amin'ny Malagasy. Asehony amin'ny alalan'ireo porofon-kevitra maro izany.

3.1.3.1. Ny fombany

Manana ny fomba fanaony izay mampiavaka azy ny Malagasy. Nataony indrindra izany mba handrindrana ny fiainana amin'ny ankapobeny sy ny hampilamina ny fiaraha-monina.

- Mandinika

Fomba fanaon'ny razana fahiny ny mandinika ny zava-misy manodidina azy: ny zava-maniry, ny vato, ny rano, ny biby, ireo zavatra fampiasany an-davanandro, eny fa ireo olona

¹²⁸ Tak 25

¹²⁹ Tak 26

miara-miaina manodidina aza. Ahafahana maka lesona hitondrana ny fiainana sy ahazahoana fahalalana samihafa ny fanaovana izany. Izany hoe avy amin'ny fandinihana no ahafatarana toetran-javatra iray, ny mety sy ny tsy mety, ny ratsy sy ny tsara, ny mahasoana sy ny manimba, ahazoana manao fampitahana, ahitana ny tokony sy ny tsy tokony hatao, ahafahana manabe sy mandrani-tsaina. Ireto misy porofo maneho izany:

Nahalalan'ny Ntaolo ny toetran-javatra ny fandinihany ny foza (biby), ny lakanjejo (fitaovana fampiasa amin'ny fifamoivoizana fahiny), ny voropotsy (biby), ary ny ambiaty (zava-maniry) ka nilazany ireto fomba fiteny ireto: *“foza lavatanan-tsy miasa”, “lakanjejo mandeha tsy voizina”, “voropotsy tsy mandao omby”, “ambiaty famataran-taona”*¹³⁰. Nahafahana nanao fanoharana sy fanitara-tsaina koa ny fandinihana manodidina. Anaporofoan'ny mpanoratra izany ireto ankifidy sy ankamantara ireto: *“fitafilamban'Ikala Korefa sa filanja basin'Ikoto adala?” (Vorontsilozana mibararaka elatra sy alika midindingin-drambo). Eo koa ny hoe “arivo vavy tsy mifandrindrana” (zozoro anaty farihy kosa no valin'izany ankamantatra izany)....*¹³¹

Araka ny efa voalaza teo aloha, ireo ohabolana maro izay ahitana anatra sy lesona ary fanoharana samihafa koa dia vokatry ny fandinihana ny manodidina no nahatonga azy. Betsaka izy ireny ary na ny nampiasan'ny mpanoratra aza toy izany fa ampahany ihany ireto. Ohatra:¹³²

- *“Fandio iray siny tsy mahaleo ny fandoto iray tandroka”*
- *“Foto-kazo sy vorona ka izay manina manatona”*
- (...)

Ankoatr'ireo voalaza ireo, fototra iray nipoiran'ny fahaizana mamantatra ny olona miara-miaina ka ahafahana mandanjalanja ny teny, ny fihetsika ary ny toetra atao ihany koa ny fomban'ny Malagasy tia mandinika. Miankina amin'ny zavatra voadininy eo ny fihetsika hasehony. Ampiasain'ny mpanoratra hanamarinana izany ilay fitenenana hoe: *“tsobondranon-dRamiangaly, hono, ka raha marivo irobohana, fa raha lalina ihemorana”*¹³³

- **Manaraka amin'ny onjany**

Araka ny voalazan'ny mpanoratra ihany koa dia fomban'ny Malagasy ny manaraka amin'ny onjany ny olona iray. Tsy mba fombany ny avy hatrany dia miseho toetra manoloana

¹³⁰ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 60

¹³¹ Tak 60

¹³² RAHAJARIZAFY (A), op cit Tak 61-62

¹³³ Tak 75

ny hafa. Manaraka sy mijery mangina ny fanaon'ny ankilany aloha no ataony izay vao manapa-kevitra ny amin'ny toetra haseho. Maneho izany indrindra ny mikasika ny fomba famantatra olona amin'ny alalan'ny fanjohiana miadana ny heviny. Hoy ny mpanoratra milaza izany: “*zohiny miadana ny hevitrao, “arahany amin'ny onjany”*”¹³⁴; manampy izany koa ny hoe “ ... *satria mantsy ilay fo kendreny hibaboka aloha indrindra tsy maintsy arahina amin'ny onjany*”¹³⁵. Maneho avy hatrany ireo porofo ireo fa mpanaraka amin'ny onjany ny Malagasy.

- **Manivatsivaka**

Tia manivatsivaka ny Malagasy. Io ny fomba fahatelo fanaony hita taratra ao amin'izay voalazan-dRahajarizafy. Ny miala amin'ny lalambe ka mandeha amin'ny lalankely na mamoron-dalana mihitsy aza mba hahatongavana haingana na hahafohy ny dia ¹³⁶ raha hazavaina tsotsotra ny hoe manivakivaka na manivatsivaka. Talentatsika io ary manavanana antsika mihitsy. Porofoin'ny mpanoratra izany amin'ny hoe:

“mba tandrainao moa irony hitsin-dalana mitsoriadriaka irony? Miantsampy amin'ny havoana sy mamakivaky anaty ahitra? Lalan-gasy ireny! Eo ihany ny arabe midadasika, fisosan'ny fiarakodia fa lava loatra ireny fa aleon'ny Gasy manivatsivaka” ¹³⁷

Mikasika ny fanaovana hitsin-dalana izay fa eo koa ny fanivatsivahana amin'ny fitenenana. Toy izao ny fanehoany izany: “*ry zareo Gasy kosa manivatsivaka mahagaga: tazaniny ambangovangony izay fetra ho tratarina, amboloiny ny lalana metimety, dia miezaka mitsoriadriaka amin'izay ny lahateniny*”¹³⁸.

Ny fandahatry ny Malagasy izany dia any amin'izay heveriny hahatakarany mpihaino ny zava-dazaina no itondrany azy ka toa misavoritaka rehefa atao indray mijery. Mety tsy hisesy ny hevitra fa mandingandiana araka izay heveriny hampazava ny resaka.

- **Malina**

Misy ampahany ao amin'ny boky Hanitra nentin-drazana ihany koa maneho fa malina ny Malagasy. Zava-dehibe io satria ny fitsinjovana ny ho avy sy ny fisorohana ny loza na fahavoazana mety hihatra no tena fototr'izany. Toetra iray mampiavaka antsika ihany koa io fahaizana mitsinjo ny ho avy io. Araka ny voalazan'ny mpanoratra dia hita izany na eo amin'ny ankizy aza. Ahitana izany ireo resadresaka ifanaov'izy ireo. Anohanan'ny

¹³⁴ Tak 74

¹³⁵ Tak 49

¹³⁶ RAJEMISA-RAOLISON (R), op cit

¹³⁷ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 47

¹³⁸ Tak 47

mpanoratra io heviny io dia nampiasainy ny fomba fiteny maneho ny fahamalinanan'ny Malagasy manao hoe:

*“fa tsy misy mandady hazo tsy fantatra hono ary tsy misy mirobo-drano tsy hita”*¹³⁹.

Miorina tsara araka izany io fanehoankevitra mikasika ny fahamalinana io satria ity fomba fiteny ity dia ny Ntaolo teo aloha no namorona azy. Efa toetran'ny Malagasy izany ny malina hatrany eo amin'ny zavatra izay atao.

Manana ny fomba fanao mampiavaka azy ny Malagasy raha fintinina ireo voalaza ireo. Tsy azo odian-tsy hita koa anefa ireo toetra ananany lazain'ny mpanoratra.

3.1.3.2. Ny toetrany

Ireto manaraka ireto ny toetra anan'ny Malagasy lazain'ny mpanoratra ao amin'ny boky ka itondrany porofo mivaingana:

3.1.3.2.1 Tia fihavanana

Fototra iray mampilamina sy mampirindra ny fiaraha-monina io toetran'ny Malagasy tia fihavanana io. Sarobidy aminy tokoa araka izany ny fihavanana ka tandrovan'ny mafy mihitsy ny tsy haharava na hahatapaka azy. Lazain'ny mpanoratra fa toy ny zava-manitra¹⁴⁰ loatra aza io fihavanana io. Porofo maromaro no entiny maneho amin'ny mpamaky izany toetra tia fihavanana hita eo amin'ny Malagasy izany. Ireto misy ohatra vitsivitsy amin'izany:

- Eo ny famborahana ny ao am-po amin'ireo olona mihavana amin'ny tena sy ny firaisan-kina amin'izay zava-manjo ny hafa. Mbola ireo ohabolan'ny Ntaolo hatrany no anaporofoan'ny mpanoratra izany:

“raha revom-potaka hono ny rano no manala, raha revonteny ny vava manala; fa raha revon'alahelo ny havana no itarainana” sy ny hoe *“ny alahelo hono raki-malala ka raha tsy olon-tiana tsy amerahana”*¹⁴¹

Hita amin'ireo fa ny fifampizarana ny alahelo dia endrika iray isehoan'ny fihavanana eo amin'ny Malagasy.

- Eo koa ny fati-dra. Fomba iray nentina nanamafisana ny fihavanana teo amin'ny mpisakaiza ny fati-dra ka tsy azo atao ny mivadika amin'izany satria maha voaozona. Endriky ny aina mifaningotra izy araka ny voalazan'ny mpanoratra hoe:

“inona ange ireny fati-dra fahiny ireny raha tsy aina tian-kifaningotra”.¹⁴²

¹³⁹ Tak 40

¹⁴⁰ RAHAJARIZAFY (A), op cit Tak 28

¹⁴¹ Tak 29

¹⁴² Tak 29

- Eo amin'ny fomba fiteny koa dia ahitana ny fitiavan'ny Malagasy ny fihavanana. Miezkaka mitandrina izany izy araka izany ka tsy mba mivatravatra na manao fiteny jadona fa mandena mora sy malefaka. Hoy ny boky mikasika izany:

*“ (...) mpanao teny malefaka sy be angambangamba izy, fa ny teny malemy hono mahamora fihavanana ”*¹⁴³

Amin'ny ankapobeny, ireo lohahevitra rehetra ao amin'ny Hanitra nentin-drazana dia saika ahitana taratra ity fihavanana ity avokoa. Na ireo hantahanta samihafa, na ireo fifanomezana, na ireo fifanajana, na ny fomba fiteny, na ny fahaiza-mamantatra dia ny samy ahitana azy sy fitandroana azy tsy ho tapaka na rava avokoa.

Ho famintinana azy; ireto misy ohabolana Malagasy maromaro anehoan'ny mpanoratra ny fandalan'ny Malagasy izany fihavanana izany:

- *“ny fihavanana toy ny landy, hoy ny Gasy: velona itafiana, maty ifonosana ”*¹⁴⁴
- *“aleo very tsikalankalan-karena toy izany very tsikalankalam-pihavanana ”*¹⁴⁵
- *“Aza manao fihavanana-javona: andro ihaonana toa tsy hisaraka, nony misaraka dia lasan-davitra ”*¹⁴⁶
- *“Raha ny rano no taitra, maharava fefiloha; fa raha ny fo no taitra maharava fihavanana ”*¹⁴⁷
- *“Ny fihavanana tahaka ny voara, raha amboloina manitra ihany, fa raha verahana misy vitsika ”*¹⁴⁸
- *“Ny fihavanana toy ny volonkotona: raha hantonina mandositra, raha halavirina manantona ”*¹⁴⁹
- *“Matokim-pihavanana ka mahay miteny ”*¹⁵⁰
- *“Tsy ny varotra no taloha fa ny fihavanana ”*¹⁵¹
- (...)

¹⁴³ Tak 49

¹⁴⁴ RAHAJARIZAFY (A), op cit Tak 30

¹⁴⁵ Tak 28

¹⁴⁶ Tak 29

¹⁴⁷ Tak 29

¹⁴⁸ Tak 76

¹⁴⁹ Tak 76

¹⁵⁰ Tak 76

¹⁵¹ Tak 15

3.1.3.2.2 Miankina amin'ny lahatra

Amin'ny Malagasy dia tsy azo ihodivirana ny lahatr'Andriamanitra Andriananahary. Matoky ilay nahary azy izy ary mino fa izy no manao sy mandamina ny fiainan'ny zanak'olombelona. Heveriny araka izany fa ny zava-drehetra miseho eo amin'ny fiainanan'ny olona dia avy amin'ilay nahary avokoa. Tsy mba manao tsinontsinona azy noho izany ny Malagasy ary matahotra azy ihany koa. Fantany fa mitantana sy mitsilo ny diany Andriamanitra. “ *Avo loatra ny fieritreretany azy: ka nangata-tsodrano taminy ihany izy isak'izay raharaha lehibe teo amin'ny fiainany (...)* ”¹⁵².

Fotoana iray isehoan'ny finoana ilay nahary izany ny raharaha lehibe teo amin'ny fiainan'ny Malagasy. Anampian'ny mpanoratra izany koa ireto fomba fiteny maneho finoana sy fahatahorana ireto:

- “*Aza ny lohasaha mangina no heverina, hoy izy, fa Andriamanitra an-tampon'ny loha*”
- *Ny adala no tsy ambakaina Andriamanitra no atahorana*”
- *Andriamanitra tsy andrin'ny olona andriko ihany*”¹⁵³

Ireo ny porofo nanehoan-dRahajarizafy ny finoan'ny Malagasy ny lahatra sy ny fahatahorany ilay heveriny ho mpandahatra ny zava-drehetra.

3.1.3.2.3 Tia rariny

Tia rariny ihany koa ny Malagasy araka ny voalaza. Tsy tiany ny manao zavatra tsy ara-drariny aminy na eo amin'ny fihetsika izany na eo amin'ny fiteny. Ankasitrahany ny olona manao ny mety sy ny antonony, ny marina sy ny tokony ho izy. Ireo no heveriny ho ara-drariny. Hoy ny voalazan'ny mpanoratra :

“ *(...) tsy zakany indrindra ny anaovana am-baraingona sy an-tery setra. Tsy ankasitrahany mihitsy ny mihoatra ny mety (...) Heveriny fa tsy fahendrena ny miridiridy sy tsy mahalala onony na amin'inona na amin'inona, indrindra amin'ny fitondrana olona (...)* ”¹⁵⁴.

Mbola ampiany toy izao koa izany hoe:

“*he te-halaina amin'ny fanahiny ny Gasy: rehefa hitany hoe rariny dia izay*”¹⁵⁵; ary arahany amin'ny ireto ahabolana maneho ny fitiavany ny rariny ireto:

- “*Ny olona no miady, ny to (ny rariny) no aolaka*”
- “*Ny heloka ibabohana mody rariny, ny rariny itompoana mody heloka*”

¹⁵² RAHAJARIZAFY (A), op cit Tak 82

¹⁵³ Tak 83

¹⁵⁴ Tak 76

¹⁵⁵ Tak 78

- “Ny manam-panahy mody voky, ny adala misesika ihany”
- “Kibokiboin’ny marina,ka milaza tsy anontaniana”
- “Ny marina tsy mba maty”
- (...)

3.1.3.2.4 Aingan’ny fo

Ankoatr’ireo, lazain’ny mpanoratra mivantana fa ny Malagasy dia olona aingan’ny fony. Izany hoe, araka ny fanazavany, dia babon’ny hatsaran’ny zavatra iray izy. Io lafiny io no manintona azy voalohany. Hoy mantsy ny mpanoratra hoe:

“*atao hoe tsara izay maha-afa-diana an’ilay fo te-ho tia,(...)*”¹⁵⁶ ka atokony ho isan’ny olona babon’ny hatsara ny Malagasy.

Milaza izany koa izy hoe: “*(...) raha nanoko azy ho isan’ireo voatohin’ny hatsaran’ny zavatra indrindra, milaza azy ireo ho aingan’ny fony kokoa (...)*”¹⁵⁷.

Toetran’ ny Malagasy araka izany ny aingan’ny fony kokoa raha ny voalazan’ny mpanoratra no jerena. Mbola averiny aza izany hoe “*tsarovy fa ny hatsaran’ny olona sy ny zavatra no mahatohina sy mampirona ny Gasy aloha indrindra*”¹⁵⁸.

Maneho ireo fomba sy toetra ananan’ny Malagasy tian’ny mpanoratra haseho avokoa ireo rehetra voalaza ireo raha fintinina. Andeha ho jerena manaraka ary ny mikasika ny fomba nanatanterahany izany faniriny izay.

3.2 NY FOMBA NANATANTERAHANA NY TANJONA

Mba hahatafita ny hevitra tiana havoitra sy hahatontosa ireo tanjona tiana hatongavana dia nampiasa fomba maromaro ny mpanorata. Tsy mitovy avokoa mantsy ny fomba nanehoana izany. Hosokajiana ato anatin’ireto manaraka ireto ary izany:

- Fampiasana voambolana voafantina
- Fakana ohatra akaiky sy marina mikasika izay zavatra lazaina
- Fampiasana karazana literatiora am-bava samihafa
- Fampiasana sarin-teny

¹⁵⁶ RAHAJARIZAFY (A), op cit Tak 13

¹⁵⁷ Tak 14

¹⁵⁸ Tak 36

3.2.1. FAMPIASANA VOAMBOLANA VOAFANTINA

Ao amin'ny fanandratana ny hanitra nentin-drazana malagasy no tena hita fa mampiasa ity fomba ity ny mpanoratra. Ilaina ny fahaizana mifantina izay voambolana tokony hampiasaina raha tiana hiseho tsara izany fanandratana izany.

3.2.1.1 Ny voambolana manindrahindra

Ilaina ny fampiasana ireo karazana voambolana manindrahindra raha ohatra ka te hanandratra na hanome lanja, na hampisondrotra ho ambony ny zavatra iray ianao. Tsy any anaty asa soratra ihany fa na eny amin'ny fiainana andavanandro eny aza dia hita izany.

Manao toy izany koa ny mpanoratra ao amin'ny boky Hanitra nentin-drazana. Mampiasa ireo voambolana manindrahindra izy satria ny hanandratra, ny hanome lanja ireo toe-panahy tsara nananan'ny razana no isan'ny tanjona voalohany tamin'ny nanoratana ity boky ity.

Ireto hotanisaina manaraka ireto ary ny sasantsasany amin'ireny voambolana ireny miaraka amin'ny heviny:

- Mahasondriana: zavatra manintona ny maso sy ny sain'ny olona hifantoka aminy ka hanadino ny zavatra hafa rehetra noho ny hafinaretana.
- Mahaliana: Tsara tiana ho heno na ho hita, na ho hanina.
- Mahavariana: mahagaga sy mahatalanjona
- Mahay: mahafehy ny mikasika ny zavatra iray
- Kinga: fatrapanao zavatra haingana sy tsara
- Talenta: fahaizana na fahakingana voajanahary

Rehefa dinihana ny dikan'ireo voambolana tsirairay ireo dia hita fa maneho hamboniana avokoa. Mety misy ny voambolana hafa afaka asolo an'ireo saingy tsy mahafeno ilay hevitra izany ka tsy tanteraka ny fanindrahindrana atao.

Ohatra:

Raha raisina ny voambolana hoe « Mahay »: azo soloina hoe “mahalala” na “mahafantatra” saingy tsy mahalaza ilay fahafehezana izany.

Dia toy izay ihany koa ireo voambolana hafa.

3.2.1.2 Ny voambolana milaza hatsarana

Azo anehoana ny fanandratana ihany koa ny ny filazana ny hatsaran'ny zavatra iray. Ahitana voambolana milaza ny hatsaran'ny hanitra nentin-drazana malagasy ihany koa ao anaty asa sorata. Ireto misy ohatra amin'izany:

- Voniny: hanondroana felana voninkazo

- Tantely: zavatra mamy indrindra ary mahasalama
- Soa: zavatra tsara, mahafinaritra mahafatifaty
- Hanitra: fofona tsara mamerovero

Santionany ihany ireo ary na ny fandrenesana azy fotsiny dia efa mambabo ny fo avy hatrany indrindra moa fa rehefa mandinika ny heviny. Fahatsarana avokoa no fonosin'izy ireo ary taova maro eo amin'ny vatana no mahatsapa izany dia ny : maso, sofina, ny vava, ny orona. Karazan-javatra maro ihany koa anefa no faritan'izy ireo: sakafo, toetra, fofona, endrika. Misy ihany koa fomba hafa anatanterahan'ny mpanoratra ny tanjona ankoatran'ny fahaizana mifantina izay voambolana ampiasainy. Hojerena manaraka ary ny mikasika izay.

3.2.2 FAKANA OHATRA AKAIKY SY MARINA MIKASIKA IZAY ZAVATRA LAZAINA

Miezaka mandray ohatra akaiky izay iarahan'ny rehetra mahita eny amin'ny fiarahamonina ihany koa izy. Amin'ny fanehoana ireo toetra mampiavaka ny Malagasy sy ny fampahatsiahivana izany no saika ampiasany ity fomba ity.

Raha miresaka mikasika ny hantahanta ny mpanoratra dia manome ohatra akaiky amin'izany. Manamarina izany ity voalazany mikasika ny hantahanta fanaon'ny zaza ity:

- *“jereo ange izato masony baribary, ary izato endriny menemenetra: mitaratra eo amin'ny fiangotingotiany ilay fony te ho tia sy mba te ho tiana”*¹⁵⁹

Iarahan'ny olona rehetra mahita izany zavatra lazaina izany fa tsy zavatra any amin'ny tsy hita na koa hoe tsy fantatra akory. Mbola azo anampiana izany koa ny fomba fanaon'ny raibe sy renibe amin'ny fampihantana zafikely hoe:

- *“ry Dadabe mbamin-dry Nenibe ange dia malaza loatra raha hampihanta ny menaky ny ainy, ary mahaontsa ery koa ny firaketan'ny zaza amin'irey fotsy volo ireny (...)”*¹⁶⁰.

Toe-javatra fahita eny amin'ny fiarahamonina eny izany. Endriky ny hantahanta avokoa izany fa toa lasa tsy misy lanjany sy toa tsy fantatry olona akory. Iezahan'ny mpanoratra averina ao an-tsain'ny Malagasy izany.

Raha mikasika ny fifanajana indray no hojerena dia ahitana ohatra akaiky ihany koa ao. Ny zava-misy ao anatin'ireo fianakaviana mbola anjakan'ny fifanajana izany. Toy izao ny filazany izany:

¹⁵⁹ RAHAJARIZAFY (A), op cit tak 17

¹⁶⁰ Tak 19

- “ mba fianakaviana tsara fototra ihany ve ka ry zandry no hanao ialahy an-dry zoky, ary ry zoky no handarodaro-poana an-dry zandry? (...) ”¹⁶¹.

Izany ny zavatra iainan’ny fianakaviana mampanjaka ny fifanajana ary hita eny amin’ny fiarahamonina eny izany.

Heverina fa ampy hanamarinana izay volaza ireo ohatra vitsivitsy ireo. Hiroso amin’ny fomba manaraka nanatanterahan’ny mpanoratra ny tanjona kosa izao.

3.2.3 FAMPIASANA KARAZANA LITERATIORA SAMIHAFIA

Samy ampiasain’ny mpanoratra avokoa ny tononkalo, ny ohabolana sy ny fomba fiteny, ny haiteny maneho na ahitana ny hanitra nentin-drazana .

3.2.3.1 Ireo Ohabolana sy fomba fiteny

Saika ny hevitra rehetra izay lazain’ny mpanoratra dia ahitana ohabolana sy fomba fiteny maneho na manamarina na manamafy avokoa satria izy ireny no ilay fahamarinana mandrakizay¹⁶². Tsy azo hadinoina ihany koa fa kanto izy ireny satria mambabo ny fihetseham-po amam-panahy sy mampiaiky ny saina aman’eritreritra. Meva ihany koa satria fiainana andavanandron’ny vahoaka. Mirakitra ny fahendrena maro izy ireny¹⁶³. Tsy ho voatanisa eto daholo anefa izy ireo fa ireto misy ohatra vitsivitsy

¹⁶¹ Tak 33

¹⁶² RAMIARAMANANA (D), 1983, Du ohabolana au Hain-teny, Ed Karthala, Paris, p 69
« le proverbe est une parole souvent revetue d’une métaphore et qui est considérée comme énonçant une vérité éternelle... »

¹⁶³ IMBE JACOB, Hiratra lah 1 1979 (tak 108)

Notsoahina avy amin’ny hoe: « Ny kanto dia tsy izay mambabo ny fihetseham-po amam-panahy na mampiaiky ny saina aman’eritreritra ihany...Ny meva ihany koa dia izay iainana andavanandro fa tsy nofinofisana fotsiny. Azo lazaina fa ny fahendrem-bahoaka no loharano nipoiran’ny lahateny nentin-drazana Malagasy”

Fihavanana	<i>“aleo very tsikalankalan-karena toy izany very tsikalankalam-pihavanana”</i> ¹⁶⁴ <i>“Aza manao fihavanan-javona: andro ihaonana toa tsy hisaraka, nony misaraka dia lasan-davitra”</i>¹⁶⁵ <i>“Tsy ny varotra no taloha fa ny fihavanana”</i> ¹⁶⁶
Hantahanta	<i>“Hisakaiza toa miombon-dray, hifankatia toa hiombon-dreny”</i> ¹⁶⁷
Fifanomezana	<i>“Valala iray ifanam-pahana”</i> <i>“homan-tsy mizara, hono, kapakapa ela”</i>¹⁶⁸
Fifanajana	<i>“Aza atao fitia varavarana ka tiana ihany fa atositosika”</i>¹⁶⁹ <i>“Ny tenin-dray aman-dreny toy ny tsipak’ombalahy raha mahavoa mahafaty, raha tsy mahavoa mahafanina”</i>¹⁷⁰
Fahaizana mamantatra sy mandinika ny manodidina	<i>“Tsy misy mandady hazo tsy fantatra”</i> <i>“Tsy misy mirobo-drano tsy hita”</i>¹⁷¹ <i>“hazo avo halan-drivotra”</i> <i>“Tsy misy adala tahaka ny kisoa nefa nony mivoaka manao tondro molotra”</i>¹⁷²
(...)	(...)

Fafana 4

¹⁶⁴ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 28

¹⁶⁵ Tak 29

¹⁶⁶ Tak 15

¹⁶⁷ Tak 20

¹⁶⁸ Tak 23

¹⁶⁹ Tak 33

¹⁷⁰ Tak 32

¹⁷¹ Tak 40

¹⁷² Tak 61

3.2.3.2 Ny tononkalo

Tsy tononkalo manontolo no raisin'ny mpanoratra fa ampahany ihany. Toy ny teo aloha dia nataony hanehoana ny hanitra nentin-drazana ihany koa izy ireny ka ny hantahanta no tena nampiasany izany.

Ity iray ity izao dia tononkalon'ankizy iray maneho ny hanina ny ray aman-dreny izay marika iray maneho ny hantahanta.

“Eny iky ravorona

Mba vorona aza aho hanidina

Hankanesako ery an-tendron-kazo,

Hitsinjovako an'Ikaky sy Ineny

Fa andrao maty ary andrao marary,

Fa ela izy no nisarahana... ”¹⁷³

Mbola toy izany ihany koa ity manaraka manaraka ity fa ny eo anivon'ny fianakaviana kosa no lazainy:

“Toa tazako ikaky misafosafao,

Toa tsinjoko ineny nanambitamby,

Toa hitako izoky miantsampisampy

Toa tsikaritro izandry miantositosy... ”¹⁷⁴

3.2.3.3 Ny hainteny

Mampiasa hainteny ihany koa ny mpanoratra. Natao hitoriana fitiavana mantsy ity karazana literatiora am-bava ity.

¹⁷³ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 18

¹⁷⁴ Tak 17

Ohatra:

*“Izoky ve no manitra voankazo sa Izandry no manitra ravinkazo, no manitra andriana izany trano? Tsy Izoky no manitra voankazo, tsy Izandry no manitra ravinkazo: fa ny fitia Havana no be, ka toa manitra andriana ny trano”*¹⁷⁵

Araka ireo hita ireo ary dia nampiasa fomba maromaro ny mpanoratra mba hanatanterahany ireo tanjony ireo.

3.2.4 FAMPIASANA KARAZANA SARIN-TENY

Azo lazaina fa kanto ny fomba filazan-javatra ampiasain’ny mpanoratra. Hoy ny profesora Simeon Rajaona hoe: “ny fomba filazan-javatra no anisan’ny fitaovana enti-mamorona izany zava-kanto vita amin’ny teny izany”¹⁷⁶. Misy lanjany lehibe eo amin’ny asa soratra izy araka izany.

Singa lehibe ao amin’ny fomba filazan-javatra ny sarin-teny. Mahay milalao sy miangaly ny teny hampiasainy tokoa mantsy eto ny mpanoratra mba hahakanto ny asa soratra sy hahatafita izay tiany hambara. Misy maro ireo sarin-teny ampiasainy fa santionany vitsivitsy ireto hatolotra manaraka ireto mba hanaporofa fotsiny ny fahaizan’ny mpanoratra mandahatra.

3.2.4.1 Fanontaniana tsy miandry valiny

Natao hanatitratera hevitra mazàna ny fanontaniana tsy miandry valiny. Iantsoana ity sarin-teny ity ihany koa ny hoe “interregation rhétorique”. Araka izay tsy miandry valiny izay dia na efa fantatra avy hatrany io valiny io na farafaharatsiny efa ao an-tsain’ny mpanoratra. Mampiasa io sarin-teny io matetika ny mpanoratra. Ireto misy ohatra amin’izany:

- “*dia tsy hitan’ny mpivahiny amin’ny taranaka ankehitriny intsony ve izay mba fahendrena ijoroan’ny Gasy amin’ny maha Gasy azy? Dia efa naira-nilevina amin’ireo Ntaolo any ambany rangolahy ve ny haja aman-dreharehan’ny firenena?...*”¹⁷⁷

Ao an-tsain’ny mpanoratra avokoa ny valin’izany fanontaniana izany. Mazava ho azy fa tsia avy hatrany izany satria ny mikasika ireo zavatra lazaina fa maty sy nanjavona ireo no asehony ao amin’ny fizarana tsirairay. Mbola tsy maty hoy izy fa mila fohazina fotsiny izany.

¹⁷⁵ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 19

¹⁷⁶ RAJAONA (S), 1993, Zava-kanto vita amin’ny teny, Ambozontany, Antananarivo, pp123,tak11

¹⁷⁷ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak6

Tsikaritra ihany koa fa manavanana ity mpanoratra ity ny manao fanontaniana tsy miandry valiny maromaro mifanaraka toy ny hita eo ambony io. Toy ny hoe :

- “... ny lehibe ve no hiantseka ka tsy hivimbina voan-tsena ho an-dry Koto mbamin-dry Bozy? Mpivahiny ve no avy lavitra ka tsy hisakelika voandalana ho an-kavana?”¹⁷⁸
- “...ny fihetsika ve hiova mandrakariva...?Iza no gasy tsara taizasahy hitehaka ...?Iza no zandry olona mahalala fomba...?”¹⁷⁹

Tsy ireo ihany fa mbola maro be ny fanontaniana tsy miandry valiny ampiasain’ny mpanoratra. Saika ao anatin’ny asa soratra iray manontolo mihitsy no ahitana azy fa santionany ihany ireo mba hanaporofa fa mahay mandahatra tokoa izy.

3.2.4.2 Fanovana endri-javatra

Anisan’ny sarin-teny manan-danja lehibe eo amin’ny fanoratana ihany koa ny fanovana endri-javatra. Milaza I Du Marsais fa

*“ny fanovana endri-javatra dia sarin-teny amindrana ny hevitra ara-bakiteny ananan’ny teny anakiray”*¹⁸⁰.

Mifototra amin’ny zavatra telo lehibe ity sarin-teny ity dia ny oharina, ny anoharana, ary ny toetra iombonan’izy ireo. Mamintina sy manamaivana ny fomba filazan-javatra ny fanovana endri-javatra ary ny tena zava-dehibe dia manome endrika kanto dia kanto ilay lahatsoratra izany.

Ireto misy fanovana endri-javatra vitsivitsy notsongaina tao anaty boky ka haseho amin’ny alalan’ny fafana izany.

¹⁷⁸ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 22-23

¹⁷⁹ Tak 33

¹⁸⁰ Araka ny fandikana nataon’i RAJAONA(S) ao amin’ny Ny Zava-kanto vita amin’ny teny ny voalazan’ny Du_MARSAIS hoe:

« La métaphore est une figure par laquelle on transporte, pour ainsi dire, la signification d’un mot à une autre signification qui ne lui convient qu’en vertu d’une comparaison qui est dans l’esprit »

	ANOHARANA	OHARINA	TOETRA IRAISANA
<i>“andry faharoa ijoroan’ny fandrosoana io(fomba mikaroka fotsiny)” (tak 52)</i>	andry	fomba mikaroka fotsiny	Samy ijoroan’ny zavatra iray
<i>“tantely afa- drakotra ny fihavanana rehefa tsy omban’ny fifanajana” (tak 34)</i>	tantely afa-drakotra	fihavanana	Tsy misy dikany
<i>lalina anefa ny fony...” (tak 35)</i>	lavaka	fo	lalina
<i>madilo ny sofiko” (tak 44)</i>	nify	sofina	madilo
<i>Natosiky ny fifaninana (tak 53)</i>	olona	fifaninana	manosika
<i>Fitiavana amindroan’ny fo (tak 19)</i>	afo	fitiavana	amindroana

Fafana 5

Samihafa anefa ny endrika isehoan’ireo ireo fanovana endri-javatra ireo satria misy karazany maro izany

3.2.4.3 Fanovana anarana

Fomba filazan-javatra ankolaka ampiasaina ny teny manondro zavatra iray A hanondroana zavatra hafa iray B noho ny rohin-kevitra misy eo amin'ireo zavatra roa ireo ny fanovana anarana.

Antony maromaro no mety mahatonga ny fampiasana fanovana anarana: fanafohezana filazan-javatra fotsiny, filazan-javatra ankolaka tsy mivantana, fanafohezana sy fanatitranterana miharo angolan-kevitra, fandokoan-javatra manaitra ka toa zavatra hafa mihitsy no hita fa tsy ny fahita andavanandro.

Arakaraka ny mpanoratra ihany anefa ny fampiasana azy. Ireto misy ohatra nampiasan'ny mpanoratra amin'izany fanovana anarana izany:

Ohatra:

- “*vingavingain'ireo naloakan'ny kibony*”¹⁸¹
- “*... hanan-tsiny amin'ireo nahitany masoandro*”¹⁸²
- “*eny mantsy Rabeloha kely...*”¹⁸³
- “*ry ilay zaza bodo tapohin-javatra...*”¹⁸⁴
- “*nampientanentana ny ambanilanitra*”¹⁸⁵

3.2.4.4 Fomba filazan-javatra mihoatra ny tena izy

Ampiasaina mba hanakantoana ny asa soratra ihany koa ny fomba filazan-javatra mihoatra ny tena izy. Mety hanatsara izany nefa mety hanaratsy ihany koa; mety hanalehibe na hanakely. Mampiasa azy io ihany koa I Rahajarizafy.

Ohatra amin'izany ireto manaraka ireto:

- “*tena loza faran'izay nampihoro-koditra fahiny...*”¹⁸⁶
- “*fa ny soa tena fanamperana ...*”¹⁸⁷
- “*na inona na inona mihitsy...*”¹⁸⁸
- “*ka tsy mba misy hiherehana akory*”¹⁸⁹

¹⁸¹ RAHAJARIZAFY (A), op cit, tak 32

¹⁸² Tak32

¹⁸³ Tak17

¹⁸⁴ Tak 86

¹⁸⁵ Tak 46

¹⁸⁶ Tak 32

¹⁸⁷ Tak 86

¹⁸⁸ Tak 53

¹⁸⁹ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 58

3.2.4.5 Filaza manao an-tanan-tohatra

Ny filaza manao an-tanan-tohatra dia andaharana an-tanan-tohatra ny zavatra tanisaina izy ka na lanja miakatra na lanja midina araka ny lanjan'ny hevitra. Atao indrindra hampibaribary ny fifandraisan'ny hevitra na fihetseham-po vahavahana ny filaza manao an-tanan-tohatra.

Ireto atolotra manaraka ireto ary ny sasantsasany amin'izany:

- *“Mba rafitra kosa aho: naiditro tao anatiko ny eritreritro, narahiko maso sy nohainoko ireo manodidina ahy, nofongariko ny fahagola, nosavaiko ny ankehitriny”*¹⁹⁰
- *“fa mody doniny atsy doniny aroa, somary tarafiny sy alainy misopirana”*¹⁹¹
- *“tohininy tampoka ianao, antsafainy, tsahoiny kely, asesiny amin'izay mampihilana anao”*¹⁹²

3.2.4.6 Ny fehezanteny na fehezankevitra mitovy firafitra

Mazava ho azy araka izany anarany izany fa ity sarin-teny ity dia ahitana ireo fehezanteny na fehezankevitra mitovy ny fomba nandrafetana azy. Manome endrika kanto ny lahatsoratra ihany koa izy ity ary mahafinaritra ny maso ny mahita azy, mahafinaritra ny sofina ny maheno azy.

Tsy ambakan'ireo mpanoratra hafa anefa RAHAJARIZAFY amin'izany satria mba ahitana an'ireny ihany koa ny asa sorany. Mbola maneho ny maha mahay mandahatra azy ihany koa izany.

Ohatra:

- *“mety ho fanarabiana ireny ary mety ho fitserana, mety ho fanalefahana ary mety ho fanamafisana hevitra”*¹⁹³
- *“koa rehefa tsy azony ianao dia hidongy ohatra ny vato izy; ary rehefa azony ianao dia hitsonka ohatra ny menaka izy”*¹⁹⁴
- *“Vitsy ny malama tahaka azy rehefa ny fony no tsy ao; tsy firy koa ny madity tahaka azy rehefa ny fony no voarohy”*¹⁹⁵

¹⁹⁰ Tak 7

¹⁹¹ Tak 74

¹⁹² Tak 74

¹⁹³ Tak 41

¹⁹⁴ RAHAJARIZAFY (A), op cit, Tak 71

¹⁹⁵ Tak 36

3.2.4.7 Tamberina andianteny sady fehezanteny mitovy firafitra isaky ny fiandohana fizarana

Ahitana izany ireo fizarana telo: Ny hantahanta, ny fifanomezana, ny fifanajana; ao amin'ny Toko voalohany hita ao amin'ny Hanitra nentin-drazana. Manintona avy hatrany ny fahitana izany. Toy izao ny fisehony:

- 1- *Io no voniny mahasondriana indrindra*¹⁹⁶
- 2- *Io no voniny mahaliana indrindra*¹⁹⁷
- 3- *Io no voniny mahavariana indrindra*¹⁹⁸

Araka izao ahitana azy izao dia ireo hevitra telo (mahasondriana, mahaliana, mahavariana) ihany no niova fa ireo andianteny sisa dia mitovy avokoa.

Karazana sarin-teny vitsivitsy ihany ireo natolotra ireo. Maro be mantsy ny sarin-teny nampiasainy saingy heverinay fa ampy hanehoana ny fahaizan'ny mpanoratra mampiasa azy ireny mba hanatanterahana ny tanjona tiana hotratrarina izany.

¹⁹⁶ Tak 16

¹⁹⁷ Tak 22

¹⁹⁸ Tak 31

FINTINA

Maneho ny tanjona tian'ny mpanoratra hampita amin'ny mpamaky ity asa sorany ity ny voalaza ato amin'ny fizarana fahatelo. Misy antony mantsy matoa izy nanoratra ity boky ity. Raha tsiahivina dia ireto avy izany tanjona izany: fanandratana ny hanitra nentin-drazana malagasy, fampahatsiahivana vitsivitsy mikasika ireo izay heverina ho hadinodinon'ny olona sasany, fanehoana ireo fomba sy toetra mampiavaka ny Malagasy.

Manaraka izay dia nojerena ihany koa ny mikasika ireo fomba nanatanterahany izany tanjona izany. Nisy maromaro ihany koa izy ireo: fampiasana voambolana voafantina, fakana ohatra akaiky sy marina mikasika izay zavatra lazaina, fampiasana karazana literatiora ambava samihafa, fampiasana sarin-teny.

Araka ny voalazan'i Michael Gilbert mantsy dia tafiditra ao anatin'ireo singa mibaiko ny fanaporofoana ny tanjona tian'ny mpanoratra hahatongavana.

TENY FAMARANANA

Ny literatiora no sehatra nirotsahanay. Ny niompanan'ny asa tamin'izany dia ny Hoe :
« Ny porofo iorenan'ny fanohanana-kevitry RAHAJARIZAFY ao amin'ny boky Hanitra nentin-drazana.

Nosafidiana hanatanterahana ny asa ny haitsikera ara-tantaram-piainan'ny mpanoratra satria ny momba ny mpanoratra dia tsy afa-misaraka amin'ny asa soratra. Nanampiana izany ny haitsikera endri-penitra voajanahary mibaiko ny fanaporifoana mba hahafahana mijery ireo porofo nentin'ny mpanoratra nampita ny hafatra tiany hovoarain'ny mpamaky.

Tao amin'ny fizarana voalohany no namahavahana ny momba ny mpanoratra. Nampahafantarina tamin'izany ny mombamomba an'I Antoine de Padoue RAHAJARIZAFY: ny loharano nipoirany na avy amin'ny lafin-drainy na avy amin'ny lafin-dreniny, ny lalana nodiaviny teo amin'ny fiainany, sy ny fianarana noratoviny ary ireo porofo samihafa maneho ny momba azy ao anaty asa soratra. Ireo porofo ireo nahitana fa ny mpanoratra dia olona nianatra, mpitory ny filazan-tsara araka izay maha pretra azy, nifanerasera tamin'ny Vazaha, tia mandinika ny manodidina azy, tia tanindrazana, mpananatra sy mpanome toro-hevitra ho an'ny iray tanindrazana aminy ary mpandala ny nentin-drazana.

Niompana tamin'ny fijerena ny zava-nisy tamin'ny vanim-poana nanoratana ny boky kosa ny fizarana faharoa araka ny nahitana azy tamin'ireo porofo maneho izany tao amin'ny asa soratra. Hita tamin'izany ny zava-nisy teo anivon'ny firenena toy ny fanjanahan-tany ka namehezan'ny Frantsay ny Malagasy sy nanehony ny maha izy azy teto amintsika; fantatra ihany koa fa tafiditra tao amin'ny vanim-potoana fiforetana anaty ny literatiora; ary efa nanomboka nioborobo ny fivavahana kristianina. Zava-nisy teny amin'ny fiarahamonina kosa dia hita fa tsy hita taratra loatra intsony ny maha-malagasy satria niharava ny fihavanana, niolonolona ny sasany, nalazo ny firaisan-kina, niova ny fomba fisainana sy fanao teo amin'ny tanora sy ny fianakaviana ary ny teo amin'ny fiainana an-davanandro amin'ny ankapobeny. Ankoatra izay dia hita koa fa efa nanomboka niroso tamin'ny fivoarana sy fahalalana ny Malagasy ka nisy ny nahasoana ary nisy ny nanimba. Na izany aza anefa dia mbola nisy ireo Malagasy tsy manadino ny maha izy azy

Ny tanjon'ny mpanoratra notsoahina avy amin'ny porofo nahitana azy tao amin'ny asa soratra sy ny fomba nanatanterahany izany kosa no hita tao amin'ny fizarana fahatelo. Niompana tamin'ny fanandratana ny hanitra nentin-drazana Malagasy, tamin'ny fampahatsiahivana ho an'ireo izay ninia nanadino, fanehoana ireo fomba sy toetra

nampiasana ny Malagasy izany. Ny nanatanterahany izany kosa dia tamin'ny alalan'ny fampiasana voambolana voafantina; fakana ohatra akaiky sy marina mikasika izay zavatra lazaina; fampiasana karazana literatiora am-bava samihafa toy ny ohabolana sy fomba fiteny, ny tononkalo, ny hainteny; ary ny fampiasana karazana sarin-teny samihafa.

Tsapa nandritra ny fikarohana nataonay fa ny porofo ampiasan'ny mpanoratra dia nalainy avy amin'ny momba azy sy ny fiainany, avy amin'ny zava-nisy teo amin'ny firenena sy ny fiarahamonina ary miankina amin'ny tanjona izay tiany hahatongavana. Ilaina ny fahaizana mifantina ireo mba ho izay tena tiana holazaina no ho voarain'ny mpamaky.

Ankoatra izay dia hita ihany koa fa i Antoine de Padoue RAHAJARIZAFY dia niezaka tamin'ny famerenana ireo fomba sy toetra tsara nampiasana ny Malagasy teo anivon'ny fiarahamonina. Nanentana ny mpiray tanindrazana aminy ihany koa izy mba ho tia ny fireneny sy tsy hanadino ny maha malagasy. Niady ny hanaovana ny fampianarana amin'ny teny Malagasy ihany koa izy. Tsy vitan'izany fa nitondra fananarana ho an'ny mpiara-monina. Nampiasana ity lehilahy ity ny fanajany sy fandalany ary ny fankafizany ireo fomba nentin-drazana. Toy izany koa ny fampibaribariany ny fanimbana sy famonoana ny maha malagasy izay nataon'ireo mpanjanaka.

Heverinay ary fa tena nilaina tokoa ny fijerena ireo porofo mba hahafantarana izay tian'ny mpanoratra hambara. Ny zavatra voalaza ao amin'ny asa soratra mantsy dia:

- Mety hahatonga saina ny madinika ireny asatoratra ireny ka hiteraka risi-po sy finiavana hiova ka hiala amin'izay nahazatra tsy mety.
- Mampiova ny fihetsiky ny mpitondra ka ahafahany mametraka lamina maty paika manolona ny fitondrana ny vahoaka sy hahafahany manome lanja ny maha Malagasy.
- Manafoana tsikelikely ny olana misy eny amin'ny fiarahamonina amin'ny alalan'ny fananarana sy totro-hevitra samihafa hita
- Afaka mamerina izay efa very sy tsy hita loatra intsony ao an-tsain'ny mpamaky.

FAMINTINANA

Miompana amin'ny porofon-kevitra ampiasain'ny mpanoratra ao anatin'ny asa soratra ity asa fikarohana.

Ny haitsikera ara-tantaran'ny mpanoratra (approche biographique) sy ny endrim-penitra voajanahary (normativité naturelle) mibaiko ny fanaporofoana izay naroson'i Michael Gilbert no nitondrana ny asa.

Nofantarina mialoha ny mombamomba ny mpanoratra amin'ny ankapobeny ary nojerena avy eo fa ampiasainy ho porofon-kevitra ao amin'ny boky nosoratany izany.

Manaraka izany dia hita ihany koa fa mbola raisin'ny mpanoratra ho porofon-kevitra ny zava-misy teo anivon'ny firenena sy ny fiarahamonina tamin'ny vanim-potoana nanoratany ny boky.

Ary nojerena farany ny tanjon'ny mpanoratra izay notsoahina avy amin'ny porofo nahitana izany tao amin'ny asa soratra sy ny fomba nanatanterahany azy.

SUMMARY

This research is focused on the arguments the author used in his work. As a method, we used the biographical approach and the natural normativity of argumentation proposed by Michael A gilbert.

The first part of this work refers to the biography of the author and its relationship to the arguments he described in his work.

Then, we have seen how the author use reality within the society at the time he wrote this work to argue.

Finally, we have seen the aim of the author through the arguments within his work.

RESUME

Ce travail de recherche intitulé : « Ny porofo iorenan'ny fanohanan-kevitry RAHAJARIZAFY ao amin'ny boky Hanitra nentin-drazana », est basé sur les arguments utilisés par l'auteur dans son œuvre pour convaincre les lecteurs.

Nous avons utilisé, comme méthode, l'approche biographique de l'auteur et la nouvelle théorie de l'argumentation proposée par Michael Gilbert nommé « la normativité naturelle ».

Alors, le travail est divisé en trois parties : la première consiste à étudier la biographie générale de l'auteur et les arguments qui en correspondent; la seconde met en relief le contexte historique et social qu'il a utilisé comme argument. Et enfin la troisième montre l'objectif de l'auteur en écrivant son œuvre Hanitra nentin-drazana Malagasy.

BOKY NOVAKINA SY NANOVOZAN-KEVITRA

AMIN'NY TENY VAHINY

- 1- CHASSANG (A) et DENNINGER (CH), 1958, *Les textes littéraires généraux*, collection « HU » classique hachette,
- 2- ESCARPIT (R), 1970, *la littéraire et le social*, éd Flammarion, Rennes
- 3- BARTHES (R), 1970, *L'ancienne rhétorique*, in com n° 6, Seuil
- 4- FONTANIER (P), 1968, *Les figures de discours* (1830), édité et préfacé par Gérard G, Flammarion
- 5- GENETTE (G), 1966-1972, *Figures*, 3 vol, Ed Seuil
- 6- JEAN JACQUES (R), 1993, *Eléments de rhétorique et d'argumentation*, Paris, Dunod
- 7- JAKOBSON (R), 1970, *Essais de linguistique générale*, trad N, Ruivet, Minuit Point
- 8- REBOUL (O), 1984, *La rhétorique*, presse universitaire de France, 1^{er} édition,
- 9- Rhétorique générale, groupe µ, Larousse, 1970
- 10- ARISTOTE, *Rhétorique*, Budé, vol 3
- 11- SARTRE (JP), 1948, *Qu'est-ce que la littérature*, Collection Idée, Ed Gallimard, Paris,
- 12- WEBER (JP), 1960, *Genèse de l'œuvre poétique*, Edition Gallimard. Paris,
- 13- WELLEK (R) et WARREN (A), 1971, *La théorie littéraire*, Ed du Seuil, col poétique, Paris,

AMIN'NY TENY MALAGASY

- 14- ANDRIAMBOAVONJY (H), 2005, *Faka sy kolo mikabary*, collection Vina Bio
- 15- HARIMBOLANJATOVONIAINA Léa Frescia Hollande, 2006, “*Nirhy-lanto: atody niady amim-bato*”, mémoire pour l'obtention de CAPEN, Antananarivo
- 16- IMBE (J), 1979, *Ny lahateny nentin-drazana Malagasy*, in Hiratra lah 1, Antananarivo

- 17- RABEMOLALY (F.). RAVALITERA (J.N.). RAVELOMANANA (H.), 1974,
Fary mamy, Kilasy famaranana. Trano printy loterana. Antananarivo.
- 18- RAHAJARIZAFY (A), 1970, *Hanitra nentin-drazana*, Ambozontany Fianaratsoa,
Edisiona faha 4,
- 19- RAHAJARIZAFY (A), 1970, *Filozofia Malagasy*, Ambozontany Fianaratsoa
- 20- RAHARIMANGA (F), 1987, *Ny Avana RAMANANTOANINA et l'identité nationale*,
thèse de doctorat du 3e cycle, Institut national des
langues et civilisation orientale, Paris
- 21- RAJAONA (S), 1972, *Takelaka notsongaina II*, Ambozontany Fianarantsoa
- 22- RAJAONA (S), 1993, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*_. Ambozontany Fianarantsoa
- 23- RAKOTONAIVO (F), 1993, *Ny diampenin'i Avana RAMANANTOANINA (1891-1940)*,
Ambozontany, Fianarantsoa
- 24- RAKOTOSON (R. J. A. L.), 2003, *Lovako kilasy famaranana*, Ambozontany.
Analamahitsy Antananarivo
- 25- RAMIARAMANANA (D), 1983, *Du ohabolana au Hain-teny*, Ed Karthala, Paris
- 26- RANDRIANAIVO Louis Zoé, 2002, “*Ny fomba filazan-javatra nenti-nanangana ny
tantara foronina Vakivakim-piainana nosoratan'i Iharilanto Patrick
Andriamangatiana*”, Antananarivo
- 27- RATSIMBAZAFY (L), 1948, *Ohabolana vaovao*, Ambozontany Fianarantsoa
- 28- RAZAFIMANDIMBY Andrialalaina Hajanirina ALFRED, 2007, « *I Arni sy ny vahoaka
madinika* » memoire pour l'obtention de CAPEN, Antananarivo
- 29- RAKOTOSON R.J.A.L (1999), *Lovako kilasy faha roa*, Ambozontany Analamahitsy
Antananarivo

RAKIBOLANA

- 30- J. SIMS sy J.C.KINGZETT, 1969, *Dictionnaire Francais-Malgache*, 5^{eme} edition,
Trano printy Loterana Tananarive,

- 31- LAROUSSE, 1984, *Grand Dictionnaire Encyclopedique*
- 32- MALZAC, 1987, *Dictionnaire Malagasy- Français*, Ambozontany Fianarantsoa
- 33- MALZAC, 1993, *Dictionnaire Français-Malagasy*, Ambozontany Fianarantsoa
- 34- MORIER (H), 1981, *Dictionnaire de poétique et de rhétorique*, PUF, Paris
- 35- RAJEMISA-RAOLISON (R), 1985, *Rakibolana Malagasy*, Ambozontany Fianarantsoa
- 36- Encyclopedie ENCARTA, 2005

GAZETY SY REVIO

- 37- Aingam-pivoarana laharana manokana, FIMPATEMA, Antananarivo, 1978
- 38- Gazety Mpanolo-tsaina, Aprily-Jona 1946, Lah 176,
- 39- HIRATRA laharana 1, 1979
- 40- L'Express de Madagascar du 11 avril 2011
- 41- Ma-Laza"du 11 avril 2011,
- 42- Midi Madagasikara du 12 avril 2011,
- 43- Tselatra laharana fahavalo

TRANONKALA

- <http://aad.revues.org/556>
- <http://motmalgache.org/bins/teny2/rahajarizafy>
- http://fr.wikipedia.org/wiki/Antoine_de_Padoue_Rahajarizafy


TOVANA

P. Antoine RAHAJARIZAFY

Hanitra nentin-dRazana

Ambozontany
FIANARANTSOA

Dia maty sy efa manjavona angaha...izay mba «*fanahy maha-Gasy ny Gasy*».



Ho anao, tanora « solofo dimbin' ny ala »

Taona maromaro lasa izay, mba nandalo teto amin' ny Tanindrazantsika malala ity mpandahateny kalazalahy anankiray avy any an-dafin' ny riaka.

Raha niakatra avy any amoron-tsiraka atsina-nana izy, ka vao nahatsinjo ny bika aderan' ilay renivohitr' i Madagasikara, dia nitolagaga. Ary loa-bolana fa mbola tsy nahita tanàna nanaitra azy ohatra izany hono.

Kanjo, rahefa nitety an' Iarivo izy ka mba nitady hamantatra ny tena maha-Gasy an' ilay foiben' ny Nosy tsy vaky volo, dia nanjombona tsy satry ary lasa vinany. . .

Dia maty sy efa nanjavona angaha, hoy izy, izay mba «*fanahy maha-Gasy ny Gasy*»? Tsy mba ren' ny fony hono izay «*hanitra nentin-drazan' ny eto anivon' ny riaka*». Nankaiza, nankaiza hono, no tsy mba miavaka manintona ny mpivahiny izay mba «*toetra lovam-pirenena*» nampamerovero ny fiainan' ny tetoana? (1).

« Maty sy efa nanjavona » hoe? hoy kosa aho anakampo. Ahoana izany? Toa nodonin-javatra aho, ka nifoha eritreritra tampoka.

(1) « Madagascar, notre épopée missionnaire » par P. Lhande chap. 5 pp 109-114 (Librairie Plon, édit. 1932)

Ahoana izany? hoy ny vetsoetsoko samy irery: dia very tokoa ve ny « hanitra nentin-drazan' ny Gasy? Ohatra ny avy nanonofy aho, ka reva nitan-takolaka teo. »

Dia marina ve izany? hoy aho. Notsahiviko izato iray firenena miara-belona amiko. Dia tsy hitan' ny mpivahiny aminay taranaka ankehitriny intsony ve izay mba fahamendrehana ijoroan' ny Gasy amin' ny maha-Gasy azy? Dia efa niara-nilevina amin' ireo Ntaolo any ambany rangolahy ve ny haja aman-drehahan' ny firenena? ... Raha izany no marina, koa inona indray no sisa? Fa ahitra efa nihintsam-bony, ary voninkazo efa very hanitra.

Mba nanjombona tsy satry sy lasa vinany koa aho, ray olona. Fa voatohina ilay fitiavan-tanindrazana lalim-paka amin' ny maha-olombelona sy ilay hambom-po tsy maty amin' ny maha-Gasy. Nitanondrika ho azy sy velom-pisainana ity solofo kely dimbin' ny ala.

Fa nony kelikely teo, nitraka tsimoramora ny lohako.

Ary hoy aho: dia marina tokoa anefa ve izato filazan' ilay mpanoratra? Iza no mahita, sao dia nisodika ambony toy ny menaka kosa ny fandiniy ny Tanora Gasy? Vahiny mantsy izy! Ary, tsy faniniana azy fa lalan-javatra, fomban' ny mpiva-

hiny — na aiza na aiza ivoahany ivelan' ny tany nahabe azy, indrindra ange raha miserana fotsiny izy — ny tsy mahita afa-tsy ny akorany. Koa mate-tika izy no diso fitsara, satria tsy voatsapany velively ny tena anton-javatra sy ny votoatiny. Ary ny mampananona azy ity, dia saika tsy nisy afa-tsy ny vahiny hatramin' izao no mba nitantara an-tsoratra izay toetoetry ny Gasy.

Fa tsy misy hokianina ve izay voalazan' ireo mpitantara ireo momba izany? Ary ny amin' ity fanomban' ilay mpandaha-teny kalazalahy, dia hoekena ho teny finoana tsy azo valiana ve?

Tsy misy mahalala ny Gasy tahaka ny Gasy, hoy aho anakampo, ka aoka hotomorako ny fandinika azy. Mba rafitra kosa aho: naiditro tao anatiko ny eritreritro, narahiko maso sy nohainoiko ireo manodidina ahy; nofongariko ny fahagola, nosavaiko ny ankehitriny. Dia nampitahaiko. Ela izany, fa nilaina hosivanina sy holanjanajaina.

Ary nony efa voafaramparana sy voalantolanto kosa, dia mba nampifanatrehiko amin' ny an-dry zarco hafa firenena: ka teo aho vao variana. Eny e, sanatria ahy ny hanao anaty fo maharary ka ndeha hihambo ny razako ho tsy manan-kilema: saingy dia toa ny lafy ratsiny ihany no nanaitra an' ireo mpitantara teo aloha, fa misy lafiny hafa tsy mba nampoiziny. Hay ity firenena ity mba manana

ny « *hanitra nentin-drazany* » toy ny firenena sany! Dia ho ambaka noho iza tokoa moa ny Gasy, nefa olona samy olona ihany? Saingy ny mampitebiteby, dia sao tsy mba mahatana sy mahakaja izany « *hanitra nentin-drazana* » izany isika: sao marina tokoa ny filazan' ilay mpanoratra fa « maty sy efa nanjavona ny fanahy maha-Gasy ny Gasy »?

Notsindromin' izany ny eritreritro, ka tsy nety nandry intsony, ry sakaiza. Ka hoy aho aminao Tanora tapako sy namako:

Ahoana, fa isika izao no hamelona na hamono? Koa mba vakivakio izay kely voasoratro ho anao. Mahatsiarova tena hijoro, fa isika izao no FANAN-TENANA!


tamin' ny
tsinana alahamadin'
ny taona 1939

« *Ny olombelona toy ny embok' akondro: raha manondro lanitra iray ihany, fa raha mitsontsorika samy manana ho lafiny* ». Filazan' ny razantsika izany, ary ihariharian' ny fahalalany: fa iray mpa-molavola ihany tokoa isika olombelona, saingy ny endrika no samihafa tefy. Koa na mainty na fotsy, na mavo na mena: « *sakamalao sy havoza, ka samy mitondra ny hanitra ho azy* ».

Dia tsy inona fa ny toe-panahy soa mampiavaka ny isam-pirenena no « *hanitra nentin-drazana* »: io no marika tsy mahavery tandindona ny ray aman-dreny teo aloha, io no lova tsy mifindra ireharehan' ny solofo amam-para ato aoriana.

Fa mba manao akory isika gasy? hoy ianao. Ka ho hafa amin' ny olona aiza moa isika, fa ao dia ao ny « *hanitra* » mba nentin-drazantsika. Raha tsy nisy angaha maimain' ny te-hivadi-tsoratra ka efa nihambo ankitsirano tsy ho Gasy intsony: akofan' olona ireny, ka avelao hopaohin' ny rivotra! Fa ny mbola ankapoben' ny Gasy, na dia niova aza ny fihetsika ivelany, dia ataoko fa tsy afaka amin' ny hanitra nentin-drazany. Saingy, asa fa nokobonkobonina sy nasitritritrika izy io hatry ny elaela, ka nataon' ny mpitazana fa « *dia maty sy efa nanjavona* ». Kanjo voasodoka ihany izy, fa tsy mpischo toetra, avy hatrany mantsy ry zareo Gasy. Ny sasany no manaitra raha vao

Ny olombelona toy ny embok'akondro...



mitranga, fa izy kosa mateza dinihina. Nofinao izay hangaroka foana ny ao am-pony, ary anefa ny ao no tena izy. Raha tsy ela nifampikasohana taminy ianao ka tena nahare ilay fitepon' ny fony: eisy, aza mitompo ho mahalala.

Nefa na dia mbola tsy nifampikasoka taminy aza ianao, izao no azonao vinanina ambony ihany: manana ny fony izy ary manana ny sainy, dia ilay fo te-ho tia sy ilay saina te-hahay. Ireo no maha-olona. Ary raha dinihina, dia tsy misaraka io fo te-ho tia sy io saina te-hahay io: fa izay ironan' ny fo ihany no alehan' ny saina, ary tsy misy ironan' ny fo afa-tsy ny fantatry ny saina ihany. Saingy ao ireo karazan' olona aingain' ny fony kokoa, ary ao ireo karazan' olona tarihin' ny saina kokoa. Izany anefa tsy dia hita misasaka toa voamaintilany: mifamahofaho ihany ny toetry ny atsy sy ny aroa ary miovaova sarotra ho ferana, saingy ny mazana miseho no mba ambara sy itsarana azy.

Mba lafiny aiza ary ny Gasy? Mahasaikatra ihany ny hametra izany. Tsy dia mba fomban-drazantsika mantsy ny mibikabika tena eo imason' ny hafa; saingy mavesa-danja kokoa ny antony nanosika ahy hamboraka ny « rakitra maintimolaly ». Koa araka izay mba kely voadiniko — tsoriko manko fa tsy dia nahadinika ny Gasy re-

hetra isam-poko aho; ataoko fa misy toetra iom-bonan' ny terak' i Gaskara (toy izay mikasika ny fihavanana, hotafaina etoana), nefa ampoiziko ary inoako fa be angamba amin' ireo zavatra holoarako no tsy mahazo afa-tsy ry zareo afovoan' ny Nosy — araka izay kely mba voadiniko àry, dia toa anisan'ireo olona aingain' ny fony indrindra ny Gasy andavanandro: ka sady hery io no fanilo, sady hery mahalasa lavitra azy amin' ny fihavanana no fanilo ahatakarany lalina amin' ny fahalalany zavatra sy olona. Ireo teny indroambava ireo no ho soritsoritry ny resatsika: kely am-pamonosana ireo fa be am-pitondrana, mitondra ny « hanitra nentin-drazantsika e! Manalady mialoha aho — sao dia voasoketa ho manao « mi-zàna tsindriana ila » — fa ny « hanitra » anie no tiako mba hoborahina, ka aza misy sendaotra any ho any raha tsy dia mamotsapotsaka ny lesoka aho: anjara efa vitan' ny hafa izany, ary toa nihoapampana aza. Ka hoy aho:

Ny hanitra ao am-ponareo no hoborahiko, ry sakaiza. Aza tsiny ahy hamongapongatra e! Toy irony avoko anaty vero manko, savasavaina vao re mani-pofona.

Hery
mahalasa lavitra azy
amin'ny fihavanana

Averiko eto indray aloha fa fo aman-tsaina ny olombelona, ary tsy mihetsika ila fotsiny na oviana na oviana izy: izany hoe tsy miraika raha tsy amin' izay ampoiziny ho « tsara » sy heveriny ho « marina ». Atao hoe « tsara » izay maha-afa-diana an' ilay fo te-ho tia, ary atao hoe « marina » izay maha-afa-diana an' ilay saina te-hahalala. Tsy misy mihodivitra amin' izany — na olombelona, na anjely na Andriananahary aza — rehefa hoe manam-pitiavana sy manam-piheverana ihany koa. Rahefa fotorana, dia iray ihany ny tsara sy ny marina — ary izany dia izany eo anatrehan' ilay mahita ny mifafina indrindra sy ny lafiny rehetra indray mipi-maso — izay tsara ihany no marina ary izay marina ihany no tsara. Isika olombelona anefa, amin' ny maha-bitika sy maha-misy fetra antsika, dia mitsipitipotika sy miandàlana no fahitantsika ny zava-drehetra; ka dia indro fa miavaka ho roa samihafa ny fihetsiky ny olombelona: irery dia ny hatsaran' ilay zavatra aloha no mahatohina

azy indrindra, iretsy kosa dia ny hamarin' ilay zavatra aloha no mahataitra azy indrindra. I lery voalohany aingain' ny fony kokoa, iretsy faharoa tarihin' ny sainy kokoa. Izy andaniny avy samy voasinton' ilay « andriamby » ivondronan' ny faniriana tsy hita lany mampientana ny aintsika manontolo, dia ilay foiben' ny « hatsaràna » sy ny « hamarinana » tsy misy avakavaka ary tsy misy fangarony.

Mampaninona na ny lohany na ny rambony no ahazoana ny hazandrano, rahafa azo ihany? Tsy maninona koa izay hahasavihantsika ny « tsara » sy ny « marina ». Ny vilany ve ndeha hanenitra ny mpanefy hoe: « Nahoana aho no nataonao toy izao na toy izao? Tsy tandrifin' olombelona na iza na iza ny hifanebaka amin' izay toe-panahy namolavolan' Andriananahary ny namany: nataony samihafa nefa tsy mifanohitra, tsy hifamono fa hifameno, tsy hifangarika fa hifanome voninahitra. Koa raha mba hamelabelatra izay « hanitra » nentin-drazan' ny Gasy aho, raha manoko azy ho anisan' ireo voatohin' ny « hatsaràn' ny zavatra indrindra, milaza azy ireo hoe aingain' ny fony kokoa, dia tsy fanambiana velively ireo firenena amin' ny andaniny anankiray tsy akory: fa fanehoana sy fampitahàna kely fotsiny ny ahy, mba hahazava ny marina saiky takontakona.

Tazano fa izay ironan' ny hazo no idabohany. Ka diniho izato fihetsiky ny Gasy — diniho miadana anefa fa aza dodona — na hevitra hotapahina ity na asa hiantraiketany: inona no lanjalanjainy? Toa izao indrindra raha tsy diso aho: « tsara » sa « ratsy »? Ka na hiroso izy na hihemotra izay ironan' ny fony no tena hainoiny: ny fitiavany no manainga azy! Ao no idabohan' ny hazo.

Ary satria ny olona mitovy aminy ihany no manodidina ny olona akaiky indrindra, dia jereo fa ny fifankatiavana amin' ny mpiara-monina no laka afovoany ilasiany. Io no ilay fihavanana tsy afaka am-bavany, mahavonto ny fony, manenika ny sainy, ary tena maningotra ny ainy. « Tsy ny varotra no taloha fa ny fihavanana » hoy izy: milaza izany fa alohan' ny fifampiraharahan-drehetra, tokony hokendrena ny fihavanana, noho ny fihavanana « vona » ifehezan' ny fiaraha-miaina. Koa foto-javatra ngeza indrindra io aminy: tsy mba vato aman-kazo mifanindran-toerana foana no fahazoan' ny olona miara-belona aminy, fa nofo aman-drà natao hiara-mahare. Araho maso ny fifandraisany aman-olona: he fa zary raharaham-pihavanana avokoa. Io fihavanana io no anankinany izao rehetra izao: fa manga io, manga ny fiainana; raha io, mirava fa aoka izay. Ka tsy roa aman-tany tokoa ny fitsimbiny azy: mahatonga azy ho mahay olona tapitra ohatra izany, nefa koa — raha tsy voafehiny amin' ny laoniny — mahatonga azy ho malemy loha. Amin' ny Gasy ny fihavanana tsy misy vazivazy: zavatra hafa angaha no azo hinakinahina, fa ny toy itony « zavatra masina ». Hanitra nentin-drazana e! Hatrizay niva-dibadihan' ny teto amintsika ka nanadinoan' ny Gasy ny « lova soa » napetraky ny razany, dia efa nihanalazo izy io, nefa angamba tsy mbola maina hatrany amin' ny fakany tsy akory. Ka diniho sy hainoy tsara. Fa voniny telo soa indrindra no hoborahiko kely etoana: voniny telo mampaningana ny Gasy, mampamerovero ny fiainany aoka izany, ary mahamamy ny fihavanana noho izay fary sy tantely!

I. NY HANTAHANTA

165
Io no voniny mahasondriana indrindra. Ka inona moa no ifankatiavana raha tsy ny hifamalifaliana? Io no irifan' izay rehetra mifankatia: tiako ho renao fa tiako ianao, ary tiako ho re koa fa mba tianao aho — fa raha *fitia tsy mivaly*, hoy ny Gasy, *mahafohifohy fisainana* —. Izay manana fo mora tohina no afaka indrindra amin' ny hantahanta. Koa jereo ny Gasy fa mailaka ery haneho ny fitiavany anao, ary mailaka ery koa izy hitsinjo ny fitiavana azy: kely foana dia mahasintona azy, kely foana dia mampihataka azy. Mora tohina izy, ka tsy mila hodonina mafy vao hahare: tsy azoazon' ny mahery vaika aminy, fa ny alaina malefaka no teliny. « *Aza atao fitia rano-trambo*, hoy izy, *be fiavy fa mora ritra: fa ataovy fitia rano' erika, madini-piavy fa mahavonto tany* ». Mahatonga azy ho mora fandray hevitr' olona io, nefa koa mahasarotiny azy amin' izay mitratre-vatreva foana. Izay tsara ofana sy tsara taiza, mifankahay tokoa ny amin' izany: samy mifampitandrina, ka tsy misy diso paika. Fa raha 'tsy mahalala izany ianao, dia mazàna hitsaràpadrapaka: sao manko matoky fitiavana, ka dia mihi-tsihity toy ny fandraka! Lozanao nandratra azy tsy nahy, fa hilaozany tsy an-kiteny ianao vao ho kepoka. Ny fihavanana anie amin' ny Gasy ka tsy maintsy laroin' ny hanta-

16

hanta e: aza hadinoina io, raha te-hihavana aminy ianao.

Diniho ny hantahantan' izy samy izy — satria raha amin' ny olon-kafa izy, malain-kihetsika araka ny tena toe-panahiny — diniho ny hantahantan' izy samy izy: na am-pianakaviana, na amin' ny mpiara-monina. Eo ilay « hanitra nentin-drazana »!

Zovy aloha no hahavisavisa izany hantahanta am-pianakaviana?

« *Toa tazako ikaky misafosafa,*

Toa tsinjoko ineny manambitamby,

Toa hitako izoky miantampisampy,

Toa tsikaritro izandry miantositosy ...

Miahotra aho hamisavisa izany: toa raki-malala loatra, ka sao dia tsy fameraberaka?

Ny amin' ny hantahantan' ny mpianaka, dia eo no ivoo-ran' ny fo vao mitepo. Mba efa nodinihinao ve ny zaza Malagasy? Diniho mora izy — aza taitairina sao mandositra — jereo ange izato masony baribary, ary izato endriny mena-menatra: mitaratra eo amin' ny fiangotingotiny ilay fony te-ho tia sy mba te-ho tiana ... Eny mantsy, Rabeloha kely, ho entinao mandra-pahalehibe io toetranao fahazaza io: hahatonga anao ho manim-pihavanana mahagaga, fa hampanaraka ambokony anao amin' ny tsy izy koa. Ny fitaizandry Dada sy Neny azy no mampiangoingoty an' ireo sombin' ny ainy: dia ireo foana tokoa no amboloina, ireo foana no mahafatify. Tafahoatra aza mantsy ny maro ny amin' io. Entin' ilay fony te-hampihanta loatra izy, ka matetika tsy mahafehy zaza: tsy foy hotreronina sao hono malahelo, tsy

17

foy hokapohina sao hono tomany. Efa zatra nokenakenaina loatra izy tany an-tranony — zary kindriandriana ve — ka maizina aman-tany ny manjo azy raha kitakitain' olon-kafa; ary loza fa mazàna manimba ny toetrany sy maha-tailanina azy ny riadriatina raha mbola malia toy ireny. Aiza anje no tsy' hahalao monina an' irony kilonga madinika alatsaka kilasy mandry? Raha tsy lao monina aza izy ireny, noho izy nosarahina haingan-doa amin' ny hantahanta mbola ilain' ny fo keliny, dia indro fa mikainkona sy mibirioka ny fitiavany... Ray aman-dreny sy zanaka, e, « *tambazako izay mahafoy, raha tsy ditra re no isarahana* »! Fahoriana toy inona moa izany hifandao: he, toa ny aina tokoa no hitsoaka. Dia tsy mety mihitsy ny fony aman-tsainy, fa mifanjohy ankoatra ny bonga: ka izao rehetra izao, ifampahatsia-hivany. Io toetra mora manembona io, tsy afaka amin' ny Gasy na kely na lehibe: rehefa mety ho mpifankatia, mandainga izay hoe tsy ho manina. Raha tsy mifankahita tava ireny, *akanga diso an' Andringitra e, ny tena be foana no aty fa ny fo mametsovetso any* ». Mainka ve fa ny mpianaka. Hoy, hono ity ankizy voasesi-tany, manafatra ny vorona mody takariva — miseho kely eo ny tebeteby mampangotsoka ny fon' izay manembona:


« Eny iky, Ravorona
Mba vorona aza aho hanidina,
Hankanesako ery an-tendron-kazo,
Hitsinjovako an'lkaky sy Ineny
Fa andrao maty ary andrao marary,
Fa ela izay no nisarahana... »

Ny hantahantan' ny mpiray tampo kosa? Raha tsy nananjoky hibatany ianao ary tsy mba nanan-jandry ho ampofoina, sarotra ho ahy ny hilaza. Ny hantahanta amin-dry dahy mbamin-dry bavy no nahatonga ilay hain-teny hoe: « *Izoky va no manitra voankazo sa Izandry no manitra ravinkazo, no manitra andriana izany trano? Tsy Izoky no manitra voankazo, tsy Izandry no manitra ravinkazo: fa ny fitia havana no be, ka toa manitra andriana ny trano* ». Dia toraka izany amin' ny mpihavana rehetra. Ry Dadabe mbamin-dry Nenibe anje dia malaza loatra raha hampihanta ny « menaky ny ainy », ary mahahontsa ery koa ny firaketan' ny zaza amin' ireny fotsy volo nihary sy foladamo-sina nibaby ireny. Fa ny mety hahasanganehana ny mpitazana avy any ivelany, dia toa Dada sy Neny daholo izay mihetsika ary Ranadahy sy Ranabavy ny sisa, ka tsy hita izay tena mpianaka sy tena iray tampo. Edre, mahasanganehana ihany tokoa io fomba io, indrindra raha tsy voavivany ny antony: angolangelam-pitiavana ireny. Tsy te-hifanavakavaka samy mpihavana mantso ny Gasy, fa tiany ho sahala amin' ny iray trano daholo: iray fatana itonoana, ary iray fitiavana amindroan' ny fo. Fa tsy zakany izany mpihavana ka hifampihafahafa, raha tsy fihavanana efa momoka aty angaha sanatria! Izy mifampihanta loatra aman-kavana no mahatonga ilay tarainany hoe: « *mafanafana toy ny ratsy ataon-kavana* » fa « *maizina hono ny andro azo tsilovina, lalina ny hady azo toharana, fa ny ratsy ataon-kavana no tsy mba azon-kevitra* ».

Ary ny hantahanta amin' ny mpiara-monina? Mbola havana daholo koa no fihevitra ny Gasy ny mpiara-belona

amin'ny: « *trano atsimon'ny avaratra*, hoy ny Ntaolo, izay tsy mahalena ialofana ». Tsy laviko fa tato ho ato izay, dia efa miolonolona kely ny sasany izany: manao azy ho anona angaha, ka tsy te-hifangaroharo amin'ireo namany mbola tso-po. Fa raha Gasy mbola tsy nitsipa-drazana, matahotra mafy tokoa sao mangidy hoditra amin'izay mpiara-monina « *aleo halan' andriana toy izay halam-bahoaka* » Tandremany dia tandremany fatratra izay tsy hahasimba ny fihavanana, ary kendreny dia kendreny lalina ny haneho hamorana amin'izay rehetra mifampikasoka aminy: « *hisakaiza toa miombon-dray, hifankatia toa miombon-dreny* ». Aiza moa izy samy izy no tsy ho vary lena rahefa mihaona ka « *ny masoandro maty no mampalahelo* »? Kanjo izy manko mahay mifampihanta, matoa manga toy ireny. Fa hoy izy: « *lontan-ty ahazoana, saro-kavanina, mateti-pihanta, mila tonony* ». Misy hotsakoin'izay te-hifankahazo aminy io: fa fombany tsy afaka aminy, rahefa hoe olon-tia azy ianao, dia antenainy fa azony ihandàna ka antsoiny hoe: « *ray aman-dreny* »; fa raha ianao kosa amin'izay no hiseho ho sarotsarotiny ka ho maimaina ny fandrainao azy, he diso fiandrandra izy raha izany ka hangaihay sy hararirary eryl. Tsy ekeny anefa ny hanta diso vala fa mitsara tena izy amin'izay ihandàny: fantany fa sarotra loatra ho an'ilay sakaizany ny hanosi-bohon-tànana azy raha mangataka ka fadiny ny mangatangata-poana. Tsy tamàna izy raha tsy misy hantahanta nefa tsy teliny indray ny « *mila tonony* »: izany ny azy, ka atao ahoana?

Tsy gaga velively aho raha mampitanandrana ny avy any an-kafà sy toa mahatsikaiky azy aza indraindray ny



Mbola havana daholo koa ny fihivitrany Gasy ny mpiara-belona aminy...

mahita antsika mora mitsetra sy lasa vinany: eny tokoa, fa angamba izay tsy mba nanandrana ny tena hamamin'ny hantahanta dia tsy mety hahatsiaro ny tena hangidin'ny hanin-kavana. Fantatro dia fantatro fa raha hanta tsy araka ny laoniny dia tena mankalamey ny fo; nefa ataoko ahoana no tsy fidera ny hantahanta ara-drainy andantolantaoan'ny Gasy ny fihavanana? Ka tsy marina ve ny filazako hoe: io no voniny mahasondriana indrindra?

II. NY FIFANOMEZANA

26 } Io no voniny mahaliana indrindra. Karazan-takalo ihany
ny fihavanana, saingy takalo tsy vitam-bola aman-karena
fa vitan' ny fitia mifamaly kosa. « *Foto-kazo sy vorona* hono
ka izay manina no manatona »; ny fifankatiavana no voarabe
endriky ny tany, mahamanina ny manam-panahy rehetra.
Inona tokoa moa no ifanatonan' ny olombelona, raha tahiny
samy nahavita tena izy? Fa mandia tany sy miloloha lanitra,
ka samy mila tohana sy mila fialofana. Fantatry ny Gasy
loatra izany fahantran' ny isam-batan' olona izany. Hainoy
ny fiteniny, fa heveriny ho fara fahoriana izany tsy mba
mana-namana hiara-mizaka: « *hazo tokana an-kadilalana* »,
hoy izy, *ka tenain-drivotra irery* ». Takany fa tsy mety mia-
nina ny fo ambara-pahitany sakaiza iraisany hevitra amam-
paniriana: « *vorona tokana Anosy*, hoy izy, *ka miherikeritra*
irery ». Ary hitany fa tsy misy tsirony ny fiainana raha tsy
misy havana hiara-pinaritra: « *Zaza diso sakaiza*, hoy izy,
ka milalao vovoka irery ». Izany dia izany no manesika azy
ho tia maro sy ho tia mifanome izay azony omena amin' izao
rehetra izao; ary inona moa ireo hantahanta voalaza teo
raha tsy mari-pitiavana ifanomezany?

Jereo ange izy ao am-pianakaviany: ny lehibe ve no
hiantseana ka tsy hivimbina voan-tsena ho an-dry Koto

mbamin-dry Bozy? Mpivahiny ve no avy lavitra ka tsy hisa-
kelika voan-dalana ho an-kavana? Olon-dehibe iza no
manan-katolotra ihany ka hahajery voamason-jaza mipi-
trapitra? Ary aiza no mpihavana mifampitsidika ka tsy hifa-
nome tolotra kely? Jereo fa izy samy voatavo tsy mifandra-
aza mahalala ny « *valala iray ifanapahana* », ary « *homan-*
tsy mizara, hono, *kapakapa lela* ». Tsy mety mihitsy ny
fon' ny Gasy raha tsy mahafoy zavatra ho an' ny olon-tiany:
na atody iray aza hatolony, tsy maharitra izy fa misisika
ihany. Koa raiso amim-pankasitrahana izay kely mba efany:
« *tsy sahaza anao omena hono fa sahaza azy manome* »,
ary « *tsy hanin-kahavoky hono tsy akory fa voninahitra*
ifanomezana ».

Jereo indray izy ao am-pireneny: fianakaviana no mita-
tra ihany no fiheviny ny mpiara-monina aminy. Koa raha
tonga ny tonon-taona, ny zokiolona na iza na iza dia tsy
misy diso anjara amin' ny « *vodiakoho* » avy amin' ny tanora,
ary ny kilonga na iza na iza dia tsy misy diso anjara amin' ny
« *fen' akoho* » avy amin' ny lehibe. Tsy hasiako teny lava
ny amin' ny manta sy ny masaka ifanateran' ny mpifanolo-
bodin-drina sy ny mifanalavitra; fa ny fahaizany mifanampy
no aoka hotsahivina kely eto: malaza loatra amin' ny Gasy
ny hoe: « *firaisan-kina* », ary anisan' ny latsa-paka indrindra
ao amin' ny fony io. Tsy hitantara lava aho fa hampahatsiahy
kely fotsiny, satria mibaribary loatra izany firaisan-kina izany
amin' ny fiainany ka nahataitra an' ireo vahiny rehetra nan-
dalo taty, indrindra ireo talohalo ha izay mbola nahita ny
nirobonan' izany tanteraka teto anivon' ny riaka tsy vaky
volo. Tsy misy tsy niraisan' ny fokonolona hina fahiny,

rahefa efa raharahan' ny mpiara-monina; ka ny tsy efan' ny isam-baravarana na ny isam-bohitra dia nifanakonan' ny manodidina nanaovan-tàna-marô: na fefiloha hatsangana toa an' i Vahilava izany, na honahona havadika ho tanimbary toa an' i Betsimitatatra — na vatom-pasana hotarihina sy trano haorina izany, na taon-ketsa sy jinja vary... Dia fantatra amin' ny tantara aza fa naraikitr' Andrianampoinimerina an-dalàna izany fomba efa fahagola izany, ka nare-saka indrindra ny « *Didim-pihavanana* » tamin' ny andro volamena nanapahany. Tantaraina izany, ka toa nofy mahamanina fa tsy tra-maraina: indrisy fa efa nalazo tokoa ilay « *firaisan-kina* » niadanan' ireo razantsika! Tsia anefa, tsy dia mbola maty tsy akory izy io: fa eny ambanivohitra lavitry ny tanàn-dehibe, dia mbola fantatry ny olona ny mifampindrana asa. Hany mampahan' dia ity aretim-bola efa mitatra mitatra tsy mety hianina, ka ny sisa mbola mandrobona avy no fositry tsikelikely asa raha dia hovanoiny hatrany amin' ny fakany ilay « *voarabe* » endriky ny Nosintsika. Nivadika tampoka ny rasa: fa rahefa mitsoaka amin' ilay firaisan-kina nentin-drazany ny Gasy ka milanja loha amin' ny « *samy mila ho azy* », loza fa — rahefa tsy voarin-dran' ny fihavanana izy — tsy misy fangoloka ohatra azy...

Ny Gasy no tia tolototra, hoy isika, ny fony no tehi-fameno. Aiza anefa no hiraisan' ny fo, raha samy masina an-taniny? Io indray koa no mahatonga ilay fomba anisan' ny ankanamin' ny Gasy indrindra: ny mifamangivangy! Fifanomezana ihany koa io, fa izay « *mahavangivangy* hono *tian-kavana* ». Dia zokin' adidy tsy azon' iza na iza iambo-hoana amintsika ny mifampiarahaba an-kasoavana, fa in-

drindra ny mifampitsapa alahelo an-karatsiana: ary amin' izany dia tsy diso mitondra ny tolotra kely mariky ny *firaissampo*. Ankoatr' ireny fifamangiana ara-dalàna ireny, dia mbola heveriny ho maha-voatsiny mihitsy ny mandalo tanà-misy havana: fa « *ny fo hono tsy mba mandringa ka raha mandalo mitsidika ihany* ». Ary na dia hifanatri-tava fotsiny aza, vatrany ny hivily kely: « *zavarin' ny fitia manan-tombo*, hoy ny olona, *ka in-telo no mifampiarahaba* ». Tsy ny mpihavana na ny mpiara-monina ihany akory no mifampiditra an-trano; fa na olon-tsy fantatra aza miserana dia atao « *mandrosoa* », ary raha miditra an-trano dia omem-boninahitra: rosoan-tsakafo, velaram-pandriana... Zava-miharihary loatra koa io fahaizany mandray vahiny io, ka ireo mpanoratra avy any ivelany azo lazaina ho mahalalàlala ny Gasy dia tsy nisy tsy loa-bolana ny amin' izany. Ny mpanoratra ankehitriny no tsy be teny: angamba koa efa nisoka tsy tazany intsony ilay diavolam-paranon' ny fihavanana!

Inona azy, hoy ianao, no ataon' ny Gasy amin' ireny izy mifampitsiditsidika lava ireny, nefa tsy dia misy raharaha alehany any tsinona? Lainga aloha ny hoe tsy misy raharaha alehany any tsinona: ny raharaha ifampidinihana misy mandrakariva amin' ny mpiara-monina, fa raharaha avokoa izao keninkenim-piainana rehetra izao. Angaha dia ny raharaham-bola sy ny raharaham-pitondrana ihany no raharaha? « *Tsy ny varotra no taloha fa ny fihavanana* »! Io no antsoin' ny Gasy hoe tafasiry: io no ataony rahefa ireny izy mifampitsidika ireny. Fifanomezana ihany indray koa io: fa « *raha mpifankatia tsy miresaka hono, very ny androatokom-pihavanana* ». Tsy afenina fa indraindray dia manjary fanariany

andro amin' ny tsy antony izy io; nefa koa tsy maintsy fantatra fa, amin' ny Gasy, na inona na inona homasahina, zavatra tsy azo avela ny resaka. Mbola holoadoarantsika atsy aoriana io, satria eo amin' ny fomban' ny lahateny indrindra no iavahan' ny sain-Gasy sy ny saim-Bazaha. Fa ity aloha ny amin' ny tafasiry, takalokalom-pihavanana. Eo amin' ireny tafasiry ireny — raha miressaka tsotra araka ny nahim-pony izy, fa tsy gejain' ny henatra na ny tahotra — eo no tena iposahan' ilay toetry ny Gasy mora tohina sy malemy paika. Diniho ange, raha ny ankapobeny no alaina, milamindamina izay ny lohateny ifandraisany fa tsy mba miroadroatra foana, teny mora sy madinidinika fa tsy mba teny mafy mivatratra foana, feo malefaka toa manambitamby fa tsy mba mitratreva toa hitrerona ihany.

Ary mba efa nodinihinao moa ny fahaizany mifandefitra eo am-panaovan-tafasiry? Ilay fony tsy te-hanimbasimba foana ny fihavanana sy te-hahafoy zavatra ho an' ny olontiany io. Fantany loatra fa teny nanindrona indray mandeha dia mety ho fery enti-maty indraindray. Gasy aiza, raha mba tsara taiza, no hamaly tenin' olona ka avy hatrany dia hano-hitra mivantana? Fa ankatoaviny aloha izay marina amin' ny voalazanao: « *Marina tokoa izany*, hoy izy, *satria izao sy izao. Nefa kosa...* ». Dia avoakany amin' izay ny tena heviny nefa ambenambenany sao mandratra anao: matetika aza raha mampanano sarotra azy ny hilaza mazava, dia ianao no avelany haminany — ka raharahan' izay tsy mahay mamantatra! Raha manao an-jadona aminy ianao na maneritery azy hamosaka, dia hihorona toy ny sokina izy; na, raha hiteny aza izy, kobaka am-bava fotsiny no ifanomezany

aminao. Lainga sa fihatsaram-belatsihy? Tsy dia izany loatra, ary tsy izany velively matetika: fa fomba fandeferany amina. Noho ianao mbola tsy fantany na hikentrona na hitsiky, nanaiky be fahatany izy: aza miankina amin' iny! Ny fony angamba tsy narisika, ary nantenainy ho tsikaritrao izany: kanjo tsy tsikaritrao. Nody nihatokataka imaso izy hamali-faly anao sy hahafahany amin' ny tambezona. Tandremo izy ilay namaly saikatra hoe « *tsy maninona* »: toa niforitra izy, kanjo lotika anaty. Raha vao misy itsipahany avy eo, dia hahalala azy ianao ka ho gaina! Olon-kafa no hiseho tampoka amina: olona be di-doha tsy laitra ahodina, ary mafy fo mahatsiravina.

Toa manala tsiny ny Gasy aho, nefa tsy afa-tsiny madio-dio izy. Ary tsy mahajery arina an-tava aho, fa io ilay nosambambaiko tary aloha hoe: raha tsy voafehy amin' ny laoniny anie ny fitia te-hihavana, ka manjary mampahalemy loha. Marina efa tena diso paika izay mitady hihenjakenjam-pitondra aminy fotsiny, tsy misy mampibirioka azy tahaka ny anaovana « *tery vay manta* », ary nofinofisina izay hahazo azy raha tsy mahazo ny fony aloha. Nefa kosa, hoy aho, moa tsy manao fanahin-dRamasabomanga, raha tsy mba vonon-kiseho tsy amin-tahotra amin' ny ilàna azy? Ohatra ny tsy mba manana hevitra tapaka sy latsa-paka ny sasany ary tsy mba manana toetra raikitra sy mafy orina. Dia izay tarehin' olona ve no hampivadi-bolana sy hampiova fihetsika tsy satry? Ny malemy loha toy ireny no tsy mba itokisan' ny olona ary tsy mba izarany henamaso. Deraiko ny fanirian-te-hifanaraka amin' ny olon-drehetra; nefa kosa raha ho resin' izay voamason' olona ka tsy mba hilaza izay fantatra

ho marina, raha may foana hamalifaly ka tsy mba hanohitra ny tsy an-drainy — ehe! haosan-toetra mamohetratra izany. Reharehan' ny olom-banona ny mijoro ankarihary amin' ny tokony hijoroana, ary tsy miraika foana amin' izay siosio. Afa-tsy izany kosa anefa, moa tsy dia hadalàna ny hiborabotaka tsy an-kifidy amin' izao namana sy mpandalo rehetra izao? Ary raha izay zavatra tsy misy antony amin' ny fiainana tsinona, na tsy mifanojo aza ny hevitra, jadona iny no ndeha hifandirana hampisondrotra foana ny fo? Ny mahafihimbava no soa amin' ireny, ary ny manaraka ambokony no fahendrena: io no mahalambolambo ny fihavanana, fa « *tolona amin-tsakaiza*, hoy ny Gasy, *aleo lavony toy izay mahalavo azy* ». Ahariharin' io fahaizany mifandefitra io ny fanombanany ny zava-tsarobidy eto an-tany: « *Aleo hono very tsikalakalan-karena toy izany very tsikalakalam-pihavanana* ».

Hono anefa: moa azo lazaina ho mpifankatia raha tsy mba miray fo? Io lahy no mam'y indrindra amin' ny fifanomezana; ary raha tsy io, dia an-tentina foana izay hoe fihavanana. Raha manara-maso ny Gasy miampisarisary amin' ny resadresaka tsy rotoatra sy toa tsy mba mamboraka ny tena ao anatin' ianao, dia angamba ho velom-panontaniana hoe: « Mba misy dia miray fo marina ve izy itony, sa dia vitan' ny sarisary eo ihany »? Edre! io ilay nolazaiko tary aloha hoe: raha eo anatrehan' ny olon-kafa mbola tsy tena itokisany, dia mahalaina ny Gasy ny hiseho araka ny tena toe-panahiny, ka aleony miampiripirina sy mamboabo-pihetsika tsy ho voavinany. Indrindra fa zava-manitra loatra ny fihavanana: ka raha aderadera, sao voazimbazimba

na misy mpisompatra — nahatonga ilay fiambava hoe « *odian-tsy hita nefa lalaina* ». Fa raha izy ireny samy mpihavana ka tsy misy ahihiny, endre! teliny dia teliny ny mifamboraka ny ao am-pony. « *Raha revom-potaka*, hono, *ny rano no manala*; *raha revonteny*, *ny vava no manala*; *fa raha revon' alahelo*, *ny havana no hitarainana* ». Marina fa raha tsy mahafatra-po azy tanteraka ianao, aleony mitsako ny fahoriana: « *ny alahelo*, hono, *raki-malala*, *raha tsy ny olon-tiana tsy amerahana* ». Nefa kosa raha tsy hoe mifampihevana, zava-tsy zakany ny mifanafina haravoana sy tebiteby; fa tiany ho tahaka irony « *tatamio-am-parihin-dRasahala: faly miara-manatrika*, *tezitra miara-mihodina* ». Fa raha tsy izany tokoa, aiza ange no hifampitokisana? Fa « *ny ahiahy tsy ihavanana* »; ka raha asiana efitrefitra ny fo, manome tsy foifoy izany ka tsy mampandry eritreritra. Koa raha fihavanana ny azy, ampoiziny ho varo-maty tokoa: izay dia izay. Inona ange ireny fati-drà fahiny ireny, raha tsy ny aina tian-kifaningotra? Nozoniny ny sakaiza tsy menamivadika: « *Todim-paty aza manody*, hoy izy, *fa todim-pitia manodiava!* » Tsy tantin' ny eritreriny loatra izany fihavanana malaky rava, ka nahavoarany ohabolana maro toy itony:

« *Aza atao toy ny lokanga hisatra, fa ireny tapaka andro nanaovana* ».

« *Vato natsindry hahazana, nony maloka ny andro atsipy* ».

« *Aza manao fihavanana-javona: andro ihaonana toa tsy hisaraka, nony misaraka dia lasan-davitra* ».

« *Raha ny rano no taitra, maharava fefiloha; fa raha ny fo no taitra maharava fihavanana* ».

« *Tsy maina akory ny ravinihinana, dia hisaraka* » ?

Eny e, tsy mba misy sangihafa ny fihavanana: ka raha izay, dia « *fo tsy mivaky* ». « *Ny fihavanana toy ny landy, hoy ny Gasy: velona itafiana, maty ifonosana* ». Hatrany ankoatra ny fasana aza, tsy laitrany izany hifankafoy amanakavana: loza faran' izay loza izany hoe « *very faty tsy milevina amin' ny fasan-drazana* ». Raha fa izy no tena azonao, vonon-kanome hatramin' ny fara heriny izy; saingy raha fa izy kosa no miongotra, velomana anao sy ny nenina! Io dia io ny fony nentin-drazany: toa manafinafina tsy rotodrototra izany ny azy, kanjo tafahitsoka lalina tsy ampoipoina zina...

III. NY FIFANAJANA

Io no voniny mahavariana indrindra. Ny fihavanana no tsara firobona, dia izy voalokolo. Ary izy no nokolokolina fatratra, fototry ny fiainana manontolo mantsy. Amin' ny Gasy, tena saro-pady ny fihavanana: tsy mba anaovan-kinanganana io. Mahalam-pifandramatra izy, fa raha raiki-tra ady kosa tsy mba vitavita foana. Ny anton' izany ve? Satria halavitiny dia halavitiny ny hifanandrana foana aman' olona, ka mamihim-bava sy manindry fo izy; fa raha tonga amin' ny tsy ahazakany azy intsony, loza kosa ny fitroatrany fa rano mihoa-pefy! Tsy mba mora sendaotra izy, ary tsy mba mora fitony koa; ela fitobaka, fa ela fionona ihany koa. Tsy mba avy hatrany dia mipoaka ny azy, fa miorika miadana; tsy mba manadino haingana, fa mpanao fo lentika. Izany no mahatonga azy hifampitandrina ery amin' ny fandraisana olona. Be hevitra miafina ilay tenindazantsika hoe: « *Tantely afa-drakotra ka anjakan' ny adala* ». Ny fihavanana no azo antsoina ho tantely fy indrindra, ary ny fifanajana no rakony: raha tsy rakofam-panajana, very hasina ka mahatofoka ny manam-panahy.

Aza heverina anefa fa dia be pitsopitsony am-panajana izy: mizotra ho azy fotsiny izy, entin' ilay fony mora mahare

miaraka amin' ny vava ny fihetsika tokony hatao. Ny olona mendrika indrindra no tena tsotra mahafinaritra. Ity anefa no tsy afaka amin' ny Gasy rehetra — ireo izay mbola tsy niova fenitra amin' ny razany — dia izy maotona amin' ny fihetsiny: na am-pianakaviana aza, ary mainka fa amin' ny mpiara-monina, eo mandrakariva io. Hantahanta ve mihotra ny an' ny velon-drainy aman-dreny? Anefa na ny hantahanta' izy ireny aza voafefin' ny fanajana tsy azo dikaina: « *Raha dongy no ampianao angola, hoy ry Dada mananatra an-janany, i rainao ampy i hantana; fa raha ditra no ampianao avona, mandehana fa manam-be hamolahana aho* ». Anisan' ny mampangirifiry an' ireo masoandro amam-bolana, amin' izao andro diavintsika izao, ny vingavingain' ireo naloaky ny kibony: saingy mijihina amin' ny fomba vaovao angaha ny tanora sasantsasany, ka hamotsifotsy ny « sinibe manga roa »? Tsy mba izany lahy no hanitra nentin-drazana. Natahoran' ny Gasy indrindra fahiny izany hoe hanan-tsiny amin' ireo nahitany masoandro: « *Ny tenin-drainy aman-dreny, hono, toy ny tsipak' ombalahy raha mahavoa mahafaty, raha tsy mahavoa mahafanina* ». Ary nandrandrain' ny fara aman-dimby indrindra ny hahazo tsodrano avy amin' ilay « lany voamena zato » sy ilay nisotro rano tsy tiana », ary avy amin' izay heveriny ho ray aman-dreny rehetra aza: fa « *ny tsodrano hono zava-mahery* ». Koa tena loza faran' izay nampihoron-koditra fahiny izany hoe zaza maditra ka nozonin-drainy aman-dreniny sy nariany tsy ho zanany intsony... Soa ihany fa mbola misy dia misy ny fianakaviana ameroveroan' ny fifanajana; ary saika tafahoatra kely aza indraindray ny fepetra angejana ny zaza,

ka mahatonga azy ho saro-tahotra sy mifitsaka loatra. Mba fianakaviana tsara fototra ihany ve, ka ny zandry no hanao « *ialahy* » an-dry zoky, ary ry zoky no handarodaro-poana an-dry zandry? Saika tsy fahita ny hoe ry Dada no hikapoka isan' andro mihiratra: betsaka no afaka hilaza, fa tsy mba nokasihindrainy aman-dreniny dia nahabaiko azy nandavamolo-drainy aman-dreniny na oviana na oviana, fa maso sy taona. Ny fianakaviana ankehitriny no asa. Mari-pahendrena tokony hambenana tsy hihamatroka indrindra ity: fa ny fianakaviana mahay mifanaja no antoky ny hajam-pirenena.

Ny hantahanta amin' ny mpiara-monina koa, voafefin' ny fifanajana. Aiza aho no hahataria ny voninahitra ifanomezana rehetra mahazatra ny Gasy amin' izao fifanaserany marain-tsy hariva izao? Eny amin' ny tanàn-dehibe, efa nisolo hafa izy ireny: ny fihetsika ve tsy hiova mandrakariva raha mbola aty am-pandalovana manenjika ny « hatsaràna », fa nahoana ny fifanajana mihitsy avy no toa nihalefy? Iza no Gasy tsara taiza sahy hitehika amin' ny zinga fahiny, raha tsy efa nanontany ny lehibe rehetra eo hoe: « sao hisotro rano ianao »? Iza no zandrinolona mahalala fomba ka hitsatsaingoka foana eo anoloan' ny antitra, raha tsy asainy hiteny tsinona? Ady nifandaharana am-pokonolona mihitsy raha nisy nifanao « *ialahy* » samy olon-dehibe, raha tsy efa teny ierana angaha. Fa tsy lefitry ny Gasy aman-tany ny ho vazivazina foana sy ho tevatevazin' olona; koa na sakaizany aza ianao, hafa ny hatsikana ifanaovana fa ny hanamaivamaivana azy tsy ekeny. « *Aza atao fitia varavarana, hoy izy, tiana ihany ka atositosika* ». Tsy hahay hihavana aminy ianao, raha tia tebatebaka azy foana: satria

mino anatra tokoa izy raha anarinao amim-panajana, nefa tena tsy teliny ny hoesoosoina amin' ny teny vinitra. Ray aman-dreny no fiheviny anao izay mananatra: ka tsy azony hevitra raha ray aman-dreny no hanao « *fitia miharo avona* ». Fahaiza-manaja, raha dinihina, ilay fombany mamihim-bava (izay heverin' ny tsy mahalala ho fitaka na ho fihatsaram-belatsihy): tsy fahaiza-manaja manko aminy ny mamalivaly olona foana satria toa mitompo teny fantatra izany, ka aleony mangina sy mieritreritra anaty. Ilay fitandroany fihavanana io. Fa rahefa azoazony tokoa ianao ary itokiany fa mahazo azy, dia hiboraka ho azy ny fony ary hivaha ho azy ny lelany, ka ny hampitsahatra azy indray no hanahirana anao. Toa jokotra be tsy mba ahitan-tsiky izy amin' izay tsy mifankahay aminy. Ary izy no tsy mifankahay aminao, dia angamba noho ianao tsy mahafehy vava. Fa mahasaikatra ny fanahiny ny valavala sasany: misy teny fady amin' ny Gasy, ary misy zavatra tsy mba famotsaposaka amin' ny resaka na dia hita andavanandro izao aza; ka raha diso amin' ireny ianao, hanongo tena anaty izay Gasy eo, mody hitsiky angamba izy hanaron-kenatra kanjo handatsaka am-po amin' ny hasorany. Tadiidiny ianao rahefa tsy nahay nanaja azy tamin' ny vavanao, ka ahiny sy andosirany ny hifanehatra sy hiresaka aminao; tadiidiny ianao rahefa tsy nahay nanaja tena tamin' ny vavanao, ka tsy te-hiherika anao intsony izy fa monaina. Ehe! tantely afa-drakotra ny fihavanana, rahefa tsy omban' ny fifanajana...

Eo amin' io fitandroany haja io no mahalalim-pandinika azy. Hatramin' ny fahazazany izy, mihendratra raha vao io no kitihina: inona loatra no mahatsemboka ny ankizy

Gasy hifaninana, raha tsy ny fitandroany haja? Nahita ankizy nandraiki-narary mihitsy aho, nony injay voasongon' ny namany. Tsy afaka eo am-bavan' ny kilongalahy ny hoe « *samy nohosoran-dreniny menaka* », ary mahoraka amin' ny lehibe ny hoe « *lehilahy tsy dikain-dehilahy* ». Hohain' ny ankizilahy raha misy namany miady amambavy, ary mahamenatra azy ny « *hanenji-dresy* » na hanao « *tsindrio fa lavo* ». Tsy azo lazaina ve fa ny Gasy no sarotim-pihavanana lalina, dia noho izy mahalala ny haja mahalalona? Inona tokoa moa no itiavanao an-dRanona na i Ranona, raha tsy noho izy heverinao ho zavatra? Hataonao inona izy, raha tsy nisy hajany? « *Ny fanahy no olona* » hoy ny Gasy, dia ilay iahiana ny hajan' ny tena sy ny hajan' ny namana: ka mahagaga ve raha heveriny ho tsy misy vidiny ny fihavanana, rahefa tsy eo intsony ny fifanajana? Mipongatra eo ary ny fototra lalim-paka iorenan' ny fihavanana amin-dry zareo: dia ny fahalalany ny tena maha-olona ny olona. Tafapaka ho azy amin' ilay foiben-kevitra faharoa nosoritsoritana aho: « ... *Fanilo ahatakarany lalina amin' ny fahalalany olona sy zavatra* » io fihetsiny mora taitra amin' ny « hatsaran' » ny zava-boahary manodidina azy io.

Fa alohan' ny hidirantsika amin' iny foiben-kevitra faharoa iny, aoka hojerena indray mitopy izay kely efa voasava-sava momba ny fihavanana. Io no fototry ny fiainana amin' ny Gasy, satria ny « hatsaran' » ny olona sy ny zavatra no mahasintona azy aloha indrindra. Lalina anefa ny fony, ka tsy mba avy hatrany dia miraikitra sy miseho: miandry ary mamantatra izy na ho « tsara » na ho « ratsy ». Ka raha te-hambabo azy ianao: fadio ny ambatravatra fa asio hanta-

hanta kosa, aza mafy fonosana aminy fa aoka ho satrinao ihany ny hanome azy, tandremo ny manambanimbany azy na oviana na oviana fa ento amin' ny fanajana sahaza ny mahamanam-panahy azy izy. Raha hatao baiko tokana izany, dia izao: tsarovy mandrakariva fa ny « hatsàran' » ny olona sy ny zavatra no mahatohina sy mampirona ny Gasy aloha indrindra, ka aoka ho tsàpany fa « tsara » fanahy ianao — ary dia ho hitanao ny làlana mankany amin' ny fony. Ataoko fa vitsy ny malama tahaka azy, raha fa ny fony no tsy ao; fa tsy firy koa angamba ny madity tahaka azy, raha fa ny fony no voarohy. Aza kivin' izy miahotrahotra am-boalohany — tsy mba ny vao tonga dia hiantororaka izy nefa hikifika vetivety koa — mahan-drasa ny farany, fa mateza kosa ny firaketany. Ary raha fa tafiditra ao ampony ianao, dia ho fantatrao ny fahaizany mitia: ny hamamian' ny hantahanta, ny hakanton' ny fifanomezana, na ny hasoan' ny fifanajana. Eny e, ho renao — fa mbola tsy nanjavona tsy akory — izay mba tena hanitra nentin-drazany!

Fanilo ahatakarany lalina amin' ny fahalalana

Vao nosavasavaintsika teo fa ny fahalalan' ny Gasy ny haja maha-olona no mahaalalim-pototra ny fihavanany: avy eo amin' ny « hatsàran' » no anombanany ny olona, ary mihatra amin' ny « marina » indrindra ny fanombany. Io no nilazàna tary aloha hoe: na ny « hatsàra » na ny « hama-rin' » ny zava-manodidina azy no mahasarika ny fanahin' ny olona aloha, mitovy ihany ny fara iantefany. Satria tsy samihafa tsy akory ary tsy miavaka ny zavatra tsara sy marina: ka izay manjohy ny tsara dia manjohy ny marina ihany koa ary izay mahafihina ny marina dia mahafihina ny tsara ihany koa. Zava-tsy azo sarahina izany. Saingy ny atao hoe « tsara » moa dia toa arakaraka ny fanomban' ny olona matetika: samy manana ny fitiavany, hoy ny olona; ka tsy dia voafarana mazava io hoe tsara io, fa somary vinanin' ny fo. Ny atao kosa hoe « marina » dia saiky ny miharihary hitan' ny manan-doha rehetra andavanandro saika tsy misy romoromony, fa raha fa izy izy; toa didy tarangana faramparanan' ny saina. Samy mampiasa ireo fihetsika roa ireo, raha

mbola olombelona: ary samy tsy maintsy ampiasaina izy roa, satria na inona na inona atao eo amin' ny fiainana dia misy hovinanin' ny fo ary misy hofaranan' ny saina mandrakariva. Koa dia mizara roa araka izany anefa ny olona: fa raha ny hatsàran' ny zavatra no mahasrika ny fanahiny aloha, dia indro fa toa mamantatra sy milefidefitra izay ny fomba fahalalany ny olona sy ny manodidina; fa raha ny hamàrin' ny zavatra kosa no mahasrika ny fanahiny aloha, dia indro fa manapatapaka sy mihitsihitsy izay kosa ny fombany.

Anisan' ireo voalohany ny Gasy. Tsy mba vatran' loatra — raha araka ny nentin-drazany ankapobeny — ny hikarokaroa miandalandalana, fa ny mahavinany zavatra tapotampoka no fombany; tsy dia mba mizotra an-tanantohatra izy, fa mitsoriaka indray mitselatra izay ny azy. Ireo Ntaolo fahiny dia tsy mba ela nihihofana tamin' ny boky, tsy mba ela nitiliana tany ambadiky ny rahona, tsy mba ela nihadiana tany an-kibon' ny tany: mipoa-tsatroka izy ny amin' izany, fa ny any an-kafa no ela nihetezana. Nefa kosa ela nandiniana ny fiainany izy, ka mahatsikaritra lalina momba izany: fahaizana hono manko ny fahaizan-drehetra, fa ny zokim-pahaizana dia io. Ary ny tena fahaiza-miaina amin' ny Gasy dia ny fahaiza-miara-belona amin' ny tapaka sy namana: fa moa tsy ny olombelona tokana tokoa no mampisy heviny an' izao tontolo hita maso izao? Ao ny azy no antsoiny ho fahendrena: ary raha ny amin' io, araka izay kely efa notsikeraintsika momba ny fihavanana sy izay mbola hosavaintsika momba ny hakingàny raha hamantatra, dia anao no mitsara izay mba afaky ny Gasy. Tsy ilaozan-tsiny anefa izany toetrany izany: mety hahatakatra lalina izy

ary mora mahatombana ambangovangony, fa mety hisovilaka koa ary mora afa-pon' ny eo ho eo ihany. Ndeha harahintsika amin' ny fihetsiny rehetra ary izy, fa hisokatra ho azy eo izay tena hanitra nentin-drazany.

I. FAHAIZANY MAMANTATRA, ASEHON' NY FITENINY:

Efa noseranina tary aloha fa eo amin' ny fomba fandahany indrindra no iavahan' ny sain-Gasy amin' ny sain-Bazaha. Talentan' ny Gasy ny firesahana, fa fioitra vaventy amin' ny fiainany io ka izàrany hatramin' ny fahakely. Mba efa nohainoinao moa ny ankizy mifampiady karajia? Mbola vao ohatra io ry ilay àka izany, ka efa tsy hita velively raha hampandry resaka: mitampim-bava foana ianao mahare azy mamolavola sy mamoron-kevitra, mitanisa sy mitsara ny olon-dehibe, mifanao kapo-tandroka sy mifanolana. Hoy ianao hoe: na lehibe aza toa tsy hanoatra izany, sa mitombo vatana ny olona vao mihadombo? Misantatra ny fiainana ireny ankizy ireny; fa amin-dry zareo Gasy mantsy, aza hadinoina fa tsy misy raharaha vita raha tsy masahin' ny tafasiry aloha. Fa eo no ifamahavahàny sy ifampitsapàny: ka nofy azy izay hiroso raha tsy efa nalainy ambony sy ambany ary efa azony antoka tanteraka. Fahamalinana tsy afaka aminy io: « fa tsy misy mandady hazo tsy fantatra », hono, ary « tsy misy mirobo-drano tsy hita ».

Fa aoka halaina an-tsinjarany. Mba efa nodinihinao moa ireny teny kely maro misisika amin' ny resaky ny Gasy ireny? Efa mahazatra ary, ka toa tsy inona. Fa raha hanazava


ireny amin' izay tsy mahalala ianao, vao hihaoatraotra loha tokoa: ireny hoe « mba », « mantsy », « fihany »... sy ny karazany. Toa teny kely lasalasa foana ireny, kanjo mampio-iaaka ny hevitra ery, mampiolaka azy atsy sy aroa aza araka ny fanonona azy: mety ho fanarabiana ireny ary mety ho fitserana, mety ho fanalefahana ary mety ho fanamafisana ny hevitra. « *Mba niteny izy* »!: aiza avy no mety ho hevitr' izay araka ny fioalak' ilay feo manonona azy? Lany ron-doha foana aho nikaroka, fa tsy misy teny Frantsay tena mifanentan' amin' ireny; ary jereo tokoa fa sarotra dia sarotra amin' ny vahiny ny tena hahay mampiasa ireny teny kely misa-felika ireny. Io ilay fihetsiky ny fo mitsoriadiaka, tsy hain' ny saina hosavihina: tsy mba fivaofy, fa faminany!

Mbola tohin' izay koa, dia ireo teny Gasy maromaro tsy misy dikany amin' ny teny Frantsay — tsy misy dikany tena mifanindry aminy — fa milaza zavatra an-kilahila saroparitana ho atsy na ho aroa: « *asa!* », « *manànona* », na milaza fihetsiky ny fanahy mifampidipiditra atsy sy aroa: « *maditra* », « *mandatsa* », « *manina* » na « *manembona* », « *hantahanta* », « *fanahy* », « *fahalalana* », « *fihavanana* »... Fa mbola hoborahintsika atsy aoriana manko io fahaizan' ny Gasy mamantatra ny toetra mifonofono io: fombany ny manivatsivaka, maka elanelany eny ihany.

Fa mbola tohin' ilay teo indray, dia ny teny tsy loa-body mahazatra ny Gasy: noho izy tsy mba tia mivantambantana sy mivatratra manko, satriny hanolaka sy hanarontsarona kely ny filàzany. Ka anjaranao itenenany ny mameno ny hevitra sy ny mamantatra izay nokendreny. Mahaliana azy sy azoazony io fomba io: fa manongilan-tsofina sy mierji-

treritra tampoka izy. Ny tsy mahalala kosa anefa amin' ireny, ho badenina sy hiherikeri-poana... Fantatro fa ry zareo vahiny sasany, maranitra mihitsy raha hanao irony tsimba-dibadi-teny mitovitovy (antsoiny hoe « jeux de mots ») irony, sy irony tsimbadiadi-kevitra mifandrairaka (antsoiny hoe « jeux d'esprit ») irony: misy hovinana tokoa ireny, ary kinga dia kinga marina ry zareo. Samy hafa lavitra amin' ny an-dry zareo Gasy anefa — na samy misy hovinana aza — ny an-dry zareo Frantsay: eo tokoa no samy mitondra ny hanitra nentin-drazany. Fa ny an' ny Frantsay, dia toa ny teny sy ny hevitra voalaza no ifantohana; ny an' ny Gasy kosa, dia ny teny sy ny hevitra tsy voalaza no tarafina. Ka he! fa na samy voavinany aza: ny an' ny Frantsay dia tena mifaritra mazava tsy misy romborombony; ny an' ny Gasy kosa, dia ao ho ao ihany mangarahara, sarotra atao teny indraindray. Eo amin' ny fandaharan-teny rehetra no iava-han' ireo toetra roa ireo: ka hidirantsika io, fa raharaha vaventy.


Indro ary fa tonga amin' ny kabary isika, na hoe ny fomba famborahan-kevitra. Tsy misy tokony hahataitra raha ahafahany siosio tsy anononana avy atsy sy avy aroa io: ka loha samy hafa tefy ve, hitovy aiza? Saika tapitra miseho eo amin' ny fomba firesany avokoa ny hanitra nentin-drazan' ny Gasy — na hantahanta na fifanomezana, na fifanajana, na fahaiza-mamantatra — ka be ny efa voasafo ary mbola be ny haposaka, fa ny hotomorana manokana eto izao dia ny fomba fandahany ny heviny. Ity anefa aloha tsy maintsy ho fantatra: tamin' ireo Gasy fahiny, dia fanamasahan-draharaha na hoe fitarihana olona no hany, anton' ny laha-



teny — afa-tsy ny hain-teny sy ny angano, nefa tsy dia lahateny fa somary lalao no fihevitra ny Ntaolo azy ireny — ka ny nokendreny dia ny hanintona ny sitrapon' ny mpihaino hanao izao na tsy hanao izao. Fa toy ny rohy mahazaka aningorana ny fanahin' ny olona no fiheviny ny kabary, ka nahatonga ilay filazany hoe: *Atsipy ny tady, an-tandroky ny omby; atsipy ny teny, am-pon' ny manam-panahy* ». Tsy azony veroka fahiny izany hoe lahateny anazavan-javatra fotsiny. Ary na dia amin' ny andro ankehitriny aza, mbola sarotra amin' ny Gasy mihitsy — afa-tsy izay zatra fianarana ela angaha — izany hoe lahateny ka tsy hitarehin-kabary ifandrohizan' ny fanahy. Anton' io manko, dia satria tsy misy fotony aminy raha tsy zavatra mihatra amin' ny fiainana; ka hatramin' izao, tsy niasa fiy ny azy ilay saina mikaroka fotsiny mba hahay. Mbola hitarintsika io resaka io atsy aoriana, fa izao aloha ny eto: tsy maintsy ho fantatra ary fa ny lahateny tenenina eto dia iray nentin-drazana hatri-zay hatrizay, ka tena isehoan' ny hanitry ny firenany. Ary hoy aho: raha olona tsy mahalala no mihaino ny Gasy mandahatra, dia hihodinkodin-doha sy ho be tenitra. Madilo ny sofiko namerimberenana hoe: « Tsy mahay mandamin-kevitra ny Gasy, misavoritaka tsy misy fitohizany, mihodinkodina foana tsy mety hivantana... ». Izao aloha no azo avaly izany: vavolombelon' ny mpiasa ny bainga, ka tsara amin' ny asany, tonga amin' ny ilàna azy ve ireny lahateny ireny sa tsia?


« Tsy mahay mandamin-kevitra » hoe? Fa iza no atao hoe mahay, raha tsy izay mahababo ny fon' ny olona sy maha-sarika azy hankato ny hevitra noborahina? Jereo ary ny mpika-

TANDREMO IHANY IY FAHAZARANA IY



...ny an'ny Gasy kosa, dia ny teny sy ny hevitra tsy voalaza no tarafina.

Nofinon' i G.R.



Jereo azy ireny efa ny hain-teny sy ny hevitra tsy voalaza no tarafina.

bary Gasy — ny tena Gasy tsara ofana aminy, fa tsy ny zalahy efa nanadino tsy akory — jereo ny fomba fandahany azy: fa tena sondriana ny vahoaka mihaino, ary voatao-nany amin' izay nokendreny. Tsy dia izay fandrindrana azy anie no inona, fa ny voany no itsarana ny hazo. Angaha moa dia izay fahaizanao mandrindra ny hevitra araka izay fitsipika toy izao sy toy izao no ahazoanao ny olona, fa tsy ny fahaizanao mamelatra azy araka ny fihetsiky ny mpihaino? Koa ampitahao tokoa ange: raha miteny ny Frantsay, dia saiky mandrakariva « *mazava* » hoy ny mpihaino, saingy tsy rototra izy rehetra; raha miteny kosa ilay mpikabary, toa tsy hitahita aloha no fitàriny azy, kanjo maningotra am-parany. Marina fa ny ankamaroantsika tanora ankehitriny — satria manko nongotrongotam-poana tamin' ny fototra nentin-drazana hatrany am-pianarana — dia indro mikavia viafery mafa raha handahatra: fa tsy mety hahamailaka antsika tanteraka ny handrindra ny hevitra araka ny fitsipika Bazaha, ary tsy mahamailaka antsika intsony koa ny hanelatra azy araka ny fihetsiky ny fon' ny olona. Koa aza isika very anevanavy no itsarana ny Gasy: andraso kely ho tafody amin' ny laoniny indray ny fampianarana ny zaza — ho voavoatra tsara hifanaraka amin' ny maha-Gasy azy — dia hivelatra ho azy indray ny fahaiza-mandahatra nentin-drazana. Ary na dia amin' izao taon-damokany diavintsika izao aza, mbola tsy lany tamingana akory ny taranaky ny mpikabary raindahiny: miàtrana amin' ny maha-Gasy hiri-hiriny azy, ary mampikoy sy mampientanentana ny ambanilanitra raha mandahatra... Ireny ve no hoe. « Tsy mahay mandamin-kevitra »?

Ary izato hoe « *misavoritaka tsy misy fitohizana* »: saika hovaliako boribory hoe ka mampainona raha misavoritaka, raha fa mahavita ny ilàna azy? Moa tsy ny hampialiky ny olona sy ny hitarika azy no antony tokana ikabariana? Ka raha fa ireo no tanteraka, dia tomombana ny lahateny ary bedibedy foana ny hoe izao sy izao. Fa hono ho' aho — hovaliako miadana amin' izay — moa dia marina ve fa « misavoritaka tsy misy fitohizany » ny fandahatry ny Gasy? Matoa tafatsofoka lalina ao am-pon' ny mpihaino ireny kabary ireny, ao lalana nozohin' ilay mpandahatra: heverintsika moa fa tsy mandinika izay hahazoany ny olona izy ka tsy mikendry ny moramora hitsofohany? Eo indrindra aza no mahakanga ny mpikabary. Fa na zovy na zovy aloha mandahatra, tsy misy tsy mitsinjy ny sori-dàlany: ka sady mikaroka ny saina, no maminany koa ny fo. Saingy ny an' ny Frantsay, ny saina no tena mikaroka; ny an' ny Gasy kosa, ny fo no tena maminany. Etsy ange: mba tandrinao moa irony hitsindàlana mitsoriadriaka irony, miantsampy amin' ny havoana sy mamakivaky anaty ahitra? Lalan-gasy ireny! Eo ihany ny arabe midadasika, fisosàn' ny « fiarakodia »: fa lava loatra ireny, ka aleon' ny Gasy manivatsivaka. Manavia azy ny lalam-bazaha! Eny e: ny Vazaha tia mizotra mazava amin' ny arabe; ny Gasy kosa tia manivatsivaka amin' ny hitsin-dàlana. Toraka izany koa amin' ny lahateny: fa ny Vazaha dia milamindamina fatratra, arosomy tsirairay ny heviny ary atohitohiny tsiroaroa, ka fady izay handingandam-poana fa miandalandalana hatrany. Ry zareo Gasy kosa dia manivatsivaka mahagaga: tazaniny ambangovangony ny fetra hotratrina, amboloiny ny lalana metimety, dia miezaka mitso-

riadriaka amin' izay ny lahateniny. Koa saingy tsy ny fizotry ny saina manokotoko no tena arahin' ny Gasy, fa ny fanavatsavan' ny fo mamolavola indrindra — dia hoe « misavovritaka ve ny fandahany »?

Ary ity kosa ny amin' ilay hoe « mihodinkodina foana tsy mety hivantana »: Raha raisina an-kodiny ny zavatra, dia izany tokoa. Ahoana, hoy isika teroa? Samy mampiasa ilay saina mikaroka sy ilay fo maminany na ny Gasy na ny Vazaha ary na iza na iza raha fahefa mikabary. Saingy ny Frantsay, ny hevitra hotorina no tena imasoany, ka zarazarainy sy arafiny: toa ny sainao no tena kendreny ho voagehy; ny Gasy kosa, ny zavatra hotarihina no tena tiliny, ka fongapon-gariny ho voavinaninao; toa ny fonao no tena kendreny hibaboka. Tsy misy olona azonao, raha tsy sady mibaboka ny fony no voagehy ny sainy, izany hoe raha tsy hitany fa tsara sy marina ilay itarihin' azy. Ka indro fa tafatehika amin' iry fotoben-kevitra nohadintsika voalohany indrindra isika hoe: ny sasany ny « hatsàran' » ny zavatra aloha no mahasarika ny fanahiny vao ny « hamarin' », ny sasany kosa ny « hamarin' » ny zavatra aloha no mahasarika ny fanahiny vao ny « hatsàran' ». Fa ny mpandahateny Frantsay sahala amin' ny mitetika hoe: haharihiko aloha ny « hamàrin' » ny zavatra hahavoagehy ny sainy, dia hibaboka ho azy koa ny fony; ny mpikabary Gasy kosa tahaka ny manambasamba hoe: hataoko ren' aloha ny « hatsàran' » ny zavatra hampibaboka ny fony, dia ho voagehy ho azy koa ny sainy. Saingy tsarovy kely: ny hamarin' ny zavatra saika mifaritra mazava, ny hatsàran' ny zavatra kosa saika tomaratara ihany. Koa ny fihetsik' ilay saina mamàrana, mihenjana sy mihi-

tsihitsy; ny fihetsik' ilay fo maminany kosa, milefitra sy mio-lakolaka. Jereo àry ny lahateny vazaha fa mivantambatana, satria mantsy ilay saina kendreny hogehezina aloha indrindra « *tsy mahalala afa-tsy ny eny sy ny tsia* »; ka mpanao teny jadona sy tsy mba mihambahamba izy, fa « *tenim-Bazaha*, hono, *tsy miverina in-droa* ». Jereo kosa ny kabary Gasy fa toa mihodinkodina, satria mantsy ilay fo kendreny hibaboka aloha indrindra « *tsy maintsy arahina amin' ny onjany* »: ka mpanao teny malefaka sy be angambangamba izy, fa « *teny malemy hono mahamora fihavanana* ». Ny Frantsay raha fa tsy mitovy hevitra, dia samy miridiridy amin' ny azy ka « *ny tanety foana no may* »; ny Gasy kosa misisika amin' ny hevitr' olona etsy sy eroa, tsy mba miseho ho sarotiny amin' izay hevitra fotsiny iny, fa aleony mangina toy izay hanimba fihavanana. Ka hoy aho: saingy mampiasa ohatro-hatra maro ny Gasy mitsapa atsy mitsapa aroa — mba hisihany ao anatin' aroa, haharesan' azy ren' ao am-pony, hanampoizanao izay ampoizin' ny fanahiny, hipoiran' ilay fikasany ao an-tsainao — raha izany no ahatarihany olona dia hotebahina ve izy fa hoe « mihodinkodina foana tsy mety hivantana »?

Ary anefa angamba hisy hanadihady hoe: raha araka izany fomban' ny lahateny Gasy sy ny lahateny Vazaha novisavisaina izany, dia iza àry no tsara kokoa? Aoka aloha haveriko fa ilay karazan-dahateny itarihana olona na anamasahan-draharaha ihany no dinihina eto; ary tsy maintsy ho fantatry ny Gasy fa tsy io ihany no karazan-dahateny, ka tokony hizàtra amin' ilay fanazavan-javatra antsi-piriany izy raha te-handroso amin' ny fanitaram-pahaizana sami-

hafa. Afa tsy izay àry, dia izao no valin-teny ataoko fa mety: sarotra ny hanao hoe ity tsara kokoa noho iry, sao maniny an' ilay nanao ny toetr' olombelona araka ny hitany fa tsara; fa aoka angaha hatao hoe samy tsara amin' ny nanaovan' Andriananahary azy, ka samy alao amin' izay fomba ahazoana azy ny olona. Ary satria miteny ny Gasy isika: raha te-hahazo azy ianao, dia aza hadinoana fa ilay fandahatry ny Vazaha anie ka misafosafa any an-tendron' ati-dohany any fotsiny, fa ilay fandahatry ny Gasy ihany no tena maha-singotra azy avy ao amin' ny fony.

Kanjo reko ny valy matevina asetrin' ny sasany: « Eny, hoy izy, dia asehon' ny fitenininy tokoa fa ny mamantatra no fomban' ny Gasy. Fa moa ve tsy zary kitoatoa izany? Matoky hahatakatra ny marina ve izy araka io? » Hoy kosa aho mamaly izany mora: zovy moa aloha no matoky hahatakatra ny marina tanteraka na oviana na oviana, afa-tsy ilay « avo fijery ka mahita ny takona »? Koa tsy azo lavina fa ireo izay manombana ny zavatra araka ny « hatsàrany » dia mety hibrioka ka hilaza « marina » izay rehetra mahababo ny fony; ary ireo izay mitetika ny zavatra araka ny « hamariny » kosa dia mety hivaona ka hilaza fa « tsara » izay rehetra ifantohan' ny sainy. Olombelona ihany mantsy, ka mety ho voasodoka araka ny fironan' ny fanahy mankatsy na mankaroa. Raha ny tena izy, averiko indray, dia mitovy ihany ny zavatra tsara sy marina: ary andavanandro aza — raha mahitsy fanahy tanteraka ny olona — dia tsy maintsy mahatakatra ny marina izy rehefa mifikitra amin' izay fantany ho tsara, ary tsy maintsy mahafihina ny tsara izy rehefa miraikitra amin' izay tetehiny ho marina. Fa iza no mihambo



...mba tandrinao moa irony hitsin-dàlana mitsoria-driaka irony, miantampy amin'ny havoana sy mama-kivaky anaty ahitra?

ho mahitsy fanahy tanteraka? Aoka hotsorina àry fa, raha alaina ambongadiny, dia mety tsy hahatakatra ny marina ny Gasy araka io fombany mamantatra io. Nefa raha ny voany no itsaràna ny hazo, matoa izy ireo mifankahazo teny, ary mifankahazo fatratra loatra aza, vavolombelona tsy mandainga io fa tena mahay mifamantatra izy, na hoe tena mihatra amin' ny marina ilay fombany mamantatra ny zavatra araka ny hatsàrany. Valin-teny bango tokana izay, fa aoka hotsikeraina milanto: hitapatapahana ahitra sy hitororian-dravina.

II. FAHAIZANA MAMANTA-JAVATRA:

Raha nataontsika hoe ny hatsàran' ny zavatra aloha no mahasarika ny fanahin' ny Gasy vao ny hamàriny, ny alehan' izany dia izao: tombanany ho tsara ny zavatra raha tsàpany fa mendrika sy mety, na hoe raha mahasoa amin' ny fiainana maha-olona ny tena. Io no ilay hatsàran' ny zavatra andanjàny izao rehetra izao: mahasoa amin' ny fiainana sa tsia? Io no ifotoran' ny fandinihany hatrizay fahagola; ary na dia hatramin' izao andro vaovao izao aza, mbola tsy afaka amin' io izy.

Ilay fomba mikaroka fotsiny izay efa tena mahazàtra ny Vazaha dia mbola manavia ny Gasy, ary anefa tsy maintsy mba hилоzohany satria andry faharoa ijoroan' ny fandrosoana io: andry voalohany, ny fahalalana ny fiainana nentin-drazana ihany. Lasa lavitra tokoa ny Vazaha amin' io fikarohan' ny saina io: jereo fa ela namadibadihana ny tany amambato izy, ela nisavasavana ny rano aman-drivotra, ela nibanjinana ny kiriti-javatra amin' izao rehetra izao — ka he! fa voka-tsainy avokoa irony « fiarakodia » mivoivoy tsy taritina, irôny tanàna kely vita rafitra mitety riaka, irony trano manana elatra misavoana eny amin' ny habakabaka, irony feo entin' ny tselatra ka tafita indray mipi-maso any amin'

ny vazan-tany tsy hita poka... Tsy hahatanisa lava aho, fa raha atao teny indrain-bava dia izao ny azy: ny fihetsiky ny vatana sy ny fanahy sy ny toetr' izao tontolo izao — hatramin' ny famakafakana lalina indrindra sy ny antonantony momba an'Andriananahary sy ny zava-boahary ka hatramin' ny fiheverana izay hahatomombana ny sakafo marin-tsy hariva, hatramin' ny fandinihana izay hahavanona tsy misy tomika ny fanabeazana ny zaza ka hatramin' ny fikatsahana ara-drefy ny herin' ny riam-bato azo ampandinana milina... — na inona na inona mihitsy, raha mbola hitan' ny sainy hotsikeraina ihany koa, dia tsy misy tsy nokarohiny sy narindrany ho fahaizana maty paika. Nohamarinin' ny bainga navadiny fa « *tsy misy mafy tsy laitran'ny zoto* »: zato taona maro izy no nandany ron-doha, tsy afa-pon' ny nanombana zavatra ambangovangony fa liana tehaninteraka hatramin' izay fotony azo marika tsy isalasalana, notsindromin' ny hambom-po tsy te-hibaboka ho resin' ny tsy fahaizana, ary indrindra nentanin' ny fitiavana hanasoa sy hanondrotra ny tanindrazany malala!


Iny ny sampanan-dàlana tena nizoran' ny fandinihan' ny Vazaha, ary tena lasa lavitra tokoa izy: nampiseho herintsaina sy herim-po mahatalanjona ka nahalao-bolana ny Gasy fahiny hoe « tsy mba olona ny Vazaha fa Zanahary tsy omby lanitra ». Angamba anefa — atao ahoana moa fa na ny zavatra tsara indrindra aza eto an-tany mety hisy lafiny ratsy ihany — angamba anefa, hoy aho, sempotra loatra nikaroka ara-tsaina fotsiny izy, natosiky ny fifaninanana, tsy nitsapa izay tena hahasoa marina ny ambanilanitra fa dodona ihany hamorona vaovao, ka hita ankehitriny fa

nihoatra ny mety ny fiezahana an-jamba sasantsasany toy ireny, satria tsy mifanentana amin' izay ilain' ny olombelona ara-drariny intsony fa lasa manimba. Eny e, angamba so-mary nanadino izy fa tsy misy antony anie ny sisa rehetra raha tsy mahatsara marina ny fiainana ara-panahy. Mendrika hoderaina sy hotahafina izy fa tsy namela ny fihetsik' izao rehetra izao tsy ho voakaroka sy tsy ho voalahatra: nefa moa dia ho voahitsihitsin' ny saina avokoa ve ny fihetsik' izao rehetra izao, sa mba misy nokendren' Andriananahary hovin' nanin' ilay fo milefidefitra ihany? Toa tsy izy raha dia ilay saina manavakavaka sy manokotoko henjana fotsiny no tena itompoana sy atao ho fitsipika tokana eo amin' ny fiainana; fa tsy maintsy arahina koa ary tokony harahina indrindra aza ilay fanahy mamolavola sy mandanjanja ka mampiriindra ny fihetsika rehetra hahasoa marina ny fiainantsika.


Io fomba faharoa io — izay saika ambinambiny kosa amin' ny ankapoben' ny Vazaha — no mba tena nizoran' ny Gasy. Raha ny amin' ilay fomba voalohany, dia zandrin' olona izy ary izao vao mba taitra te-hanenjika ny sasany: tratra aoriana tokoa izy ny amin' iny, ary asa izay fotoana hahatratrany an' ireo efa lasa alohany tsy hita velively. Tamin' ny sampanan-dàlana nilozohany anefa, mba lasa lavitra kosa izy. Aoka hambarako mialoha fa misy lafy ratsiny koa ny azy: noho izy mpamolavola sy mpandanjanja ny fihetsiny rehetra araka izay hitany ho mahasoa ny fiainana mantsy, dia tsy mba fombany ny miraikitra amin' ny rafi-kevitra voatapaky ny saina mialoha, fa miovaova manaraka amin' ny onjany izy. Fahakingana io, raha heverina fa ny fahalalana

ny fiainana no andry voalohany ijoroan' ny fahendrena; nefa fahalemena koa io, raha dinihina fa tsy misy tena mandroso raha tsy manan-kery hitozo amin' ny làla-mahitsy hatrany hatrany. Fa samy diso na ilay saina mitady hampifanaraka ny zavatra amin' izay notapahiny mialoha fotsiny, na ilay fo mitady hiovaova foana araka ny fivadihidiky ny faharesany. Afa-tsy izany, dia samy manana ny lafy tsa-rany koa: ka andeha kosa mba hodinihina izay afaky ny Gasy. Nolaizaiko teo fa mpanaraka amin' ny onjany izy: izany hoe mpandinika koa izy, saingy mpandinika indrindra ny fombafomban' ny zavatra ifaneraserany andavanandro sy ny fombafomban' ny olona miara-belona aminy marain-tsy hariva. Fa mana-maso mahiratra izy ary manan-tsofina matsilo, ary indrindra manana ilay faharesany mora tohina ka mahavinany tampotampoka ny zavatra tsy hain' ny saina karohina: io no ataoko hoe « manaraka amin' ny onjany », fa mahatsikaritra sy maharaka ny filefidefitra sy ny fiefitritry ny fiainana izy. Iny ny sampanan-dàlana tena nozohiny, ka mba nahalasa lavitra ny fandinihany kosa.

Nataoko hoe mahira-maso sy matsilo sofina izy: io no voalohany ahaizany mamantatra. Tsy dia misy mahalala ny fiainana hatrany an-kibon-dreniny anie, fa izay mahay mijery sy mahaino no manan-tombo: maso samy atopy ary sofina samy atongilana ihany, saingy hafa ireo mihorompandinihana amin' ny fiainana. Inona no mahavanana ny Gasy raha haka tahaka — diso mahay loatra mantsy izy ny amin' io, ka manjary kamo sy votsa raha hamorona — inona raha tsy noho izy kinga manara-maso sy manara-tsofina? Jereo any an-tsekoly: moa tsy saika mahavoa daholo ny



...irony trano manana elatra misavoana eny amin'ny habakabaka.



E. Ralambo.

Ny amin'ny sary indray, bo tokoa ny ankizy mbola bitika nefa mahavariana amin'ny fahaizany. (Sary nataon-dRalambo E. amin'ny pensily hazo ity).

Gasy amin' ny fianaran-tsoratra sy sary? Vitsy — ankehitriny anefa toa mitombo isa — ny manoratra toa rango-tsaka, ary maromaro kosa no tena mifatsitsika tsy azo kianina. Ny amin' ny sary indray, be tokoa ny ankizy mbola bitika nefa mahavariana amin' ny fahaizany; ary na hoso-doko na sary hafa na sokitra isan-karazany, dia hita amin' ireny fampisehoana manetriketrika fanao isan-taona ireny fa misy dia misy ny Gasy tsy orin-talenta velively; ary sambasambam-iko fa mety ho tonga raindahiny ireny, raha mahavatra manohy ara-dalàna sy manam-panohana... Saingy pore-tin' ny fitadiavam-pivelomana loatra izy matetika, ka tsy mba misy hiherehana akory. Jereo indray koa ny amin' ny hira: aiza ho aiza ny fahalàdin' ny zaza malagasy! Haingam-piraikitra ery ny feo ao an-tsofiny, ary miaraka amin' ny vava dia mahaforona feo faharoa sy besony ary fàsin' izy. Samihafa dia samihafa ny fandehan' ny hira malagasy sy ny hira vazaha, nefa izao no hitako: ireny hira vazaha ireny, raha tsy dia be aingitraingitra sy tsy mivalambalana tafa-hoatra, voarain' izao Gasy rehetra izao ihany rahafa ianarany; fa ny hira gasy kosa — ny tena gasy, fa tsy hira vazaha nope-tahana teny gasy — na dia izay nandalina ny mozika tamin-dry zareo aza dia saika tsy misy maharary ny fangadony sy ny fiolokolany mihitsy; nefa ankizy kely voatavo tsy mifan-draka amin' ny tompo-tany maharaka mora foana ny firai-kan' ireny hira ireny amin' ny vely amponga sy langoraony aza... Ary firifiry ny Malagasy no tsy mahita jonjorombony amin' izay « naoty » akory nefa mampitampim-bava amin' ny fitendren-java-maneno tsy ankanavaka? Mainka izany atsy ho atsy, rahafa ho afaka handamina sy hanitatra ny

fahaizana nentin-drazany tokoa ny Gasy. Fa io no tombon' ny Vazaha aminy — tahaka ny amin' ny sary sy ny taozavatra sy ny fihetsika rehetra — ny an' ny Vazaha voakaroka sy voarafitra antsihirany avokoa, ka mandroso tsy mety hijanona.

Andeha hotarafina eo amin' ny teny fampiasany io fahaizan' ny Gasy manara-maso sy manara-tsofina io. Voasari-ky ny masony sy ny sofiny avokoa izao fihetsiky ny zavatra sy ny olona rehetra izao, ka tena mifanisa amin' ny bozaka aman' ahitra ny teny Gasy mamisavisa ireny. Ohatra iray fotsiny no halaiko, ary tsy izay tena mahagaga indrindra angamba. Milaza hoe « *lavo* » ianao na « *potraka* »; toa zavatra tsotra sy tokana ihany izany, kanjo aiza ny fandini-ky ny Gasy azy! Arahiny maso aloha ny fahapotrahanao, ka avakavahiny: *mianjera*, *mitroso*, *mitrotrony*, *mitsingidina*, *miongana*, *mihonaka*, *mivaroraka*, *mikoa*, *mikoro* - *mikodiny*, *mikodia*, *mivalangidina*, *mitsidrahaka* - *mitsi-rara*, *mitsikasina*, *mitsingatotra*, *mitsitongana*... Arahin' ny sofiny indray: *miantonta*, *mitontona*, *midoboka* - *mikara-poka*, *midaraboka*, *midadaboka*, *mitatafoka* - *midabofoka*, *midaboboka*, *midalabofoka*, *midalaboboka*... Ary raha amin' ny malama: *misosa*, *mikorisa*, *mibolaly*, *mibolasitra*, *mibolisatra* - *misolifatra*, *misolifaka*, *misolafaka*, *misolilatra*, *misolilaka*... Fa tsy mitombo ho nahatanisa azy rehetra aho. Izany, vao ny teny mandeha tsitokantokana no anehoako io fahaizan' ny Gasy manara-maso sy manara-tsofina io: fa mbola aiza, avaloko fotsiny, ny ohatrohatra zavon-tany voka-pandinihany amin' izao rehetra izao?

Ary sao misy manabanty hoe « marivo fisainana ny Gasy

raha izany, satria ny eto ivelany fotsiny no tena dinihiny ». Avaliko izany: ka aiza moa no itsaranao izay fombaomban-javatra sy fomban' olona any, raha tsy mahadinidinika ny fihetsiny ianao? Tsy dia misy olombelona mahita miwantana ny miafina tsy akory, fa ny miseho eto ivelany ihany no amantanana azy. Eo no miasa ilay faharesana mora tohina, aha-vinania na tampotampoka ny zavatra tsy hain' ny saina ka-rohina. Mbola holazaina atsy aoriana ny fahaizan' ny Gasy mamantatra olona araka ny fihetsiny, fa ity aloha ny amin' ny fomba fandiniy zavatra: entin' ilay fanahy mamolavola sy mandanjanja izy, ka ny vato aman-kazo sy ny biby amam-borona avy no toa vinaniny toetra. Tsikariny avokoa ny fomba nentin-drazan' ireny zava-manodidina azy ireny: hatramin' ny « *ambiaty famantaran-taona* » sy ny « *lakan-jejo mandeha tsy voizina* » ka hatramin' ny « *vorompotsy tsy mandao omby* » sy ny « *foza lavan-tànan-tsy miasa* ». Inona moa ireny ankifidy sy ankamantatra fandania na andro eo amorom-patana ireny « *fitafy lamban' Ikala korefa sa filanja basin' Ikoto adala* » (vorontsiloza mibararaka elatra sy alika midingin-drambo) « *arivo vavy tsy mifandrandra* » (zozoro anaty farihy) sy « *ilay boka misatro-mena* » (songo-gosongo) . . . — inona raha tsy fifaninanana amin' ny fahaizana mandinika ny toetra tena mampiavaka an' izato sy izatsy? Fa mahafinaritra kokoa indray, dia ny Gasy mahita hevi-dalina amin' ireny zavatra andavanandro ireny, na irony tendron' Ankaratra tsy afa-javona na ny ranon' ilay Ikopa miolikolika, na ny vato mandondona na ny hazo amorontevana . . . zavatra tsy miteny ireny, kanjo milaza aminy ny fomban' ny fiainana foto-pandinihany. Tsy afaka amin' ny Gasy mihitsy io mampitahataha zavatra io, voatsikilony

miaraka amin' izay ny toetra mampifandraika an' itsy sy izy: toa mihavana sy miray hevitra no famantarany an' izao rehetra izao. Hamarinin' io tokoa fa ny masaka ao antsaïna sy kotrehina au am-po ihany no toa hita mitaratra ho azy amin' ny zavatra dinihina eny ivelany. Ohatra itony, avy amin' ny fandinihany ny vato aman-kazo:

« *Hazo avo halan-drivotra* »

« *Fandio iray siny tsy mahaleo ny fandoto iray tandroka* ».

« *Volamena latsaka am-bovoka, tsy avelan' ny soa tsy hihiratra* ».

« *Ny firaka no tsy mba vola, ny lemim-panahiny* »

Ny ao am-pon' ny biby avy no toa vinaniny amin' ny fihetsiny:

« *Vantotr' akoho nopaohin-tsintsina, saika tezitra kanjo talanjona* »

« *Voalavo mandositra andro, mahin' ny fanahy ratsy natao halina* ».

« *Voalavo latsaka an-kentona: ny halavoana leo ihany, fa ny akoran' ny akoho no tsy tany* ».

« *Vitsika mitondra valala: ny kibo hasiana tsy misy, fa ny faha-te-hoderaina no be* ».

« *Tsy misy adala tahaka ny kisoa, nefa nony mivoaka manao tondro molotra* ».

Ary satria ny fihavanana no fototry ny fiainana amin' ny Gasy, dia jereo fa izao rehetra izao mitory aminy ny fihavanana:

« *Vato an-dava-drano: tsy miady fa mifanajary toerana* ».

« *Ny vato natao hiafenana no namosaka ny antso maina* ».

« *Rony rano ery Mandrozeza, tonga namana vao mihamavo* ».

- « Foto-kazo sy vorona, ka izay manina no manatona ».
 « Tsimbotry niaraka ihany, ka adrisa vao mifanary ».
 « Vitsika momba kitay, ka harivariva an-tantin' olona ».
 « Omby mahia, tsy lelafin' ny namany ».

Raha izany no fahaizan' ny Gasy mamantatra ny zava-
 tsy manan-tsaina, ho toy inona kosa ny fahaizany maman-
 tatra anao? Fa alohan' ny hirosoantsika amin' io, «oka
 hambara kely fa anisan' ny maha-lahoina indrindra ny mana-
 zava ireny ohabolana ireny amin'ny vahiny: mifanolana eo
 mafy loatra ilay fomban' ny Gasy mampiray sy mampilan-
 tolanto sy ilay fomban' ny Vazaha manasaratsaraka sy mano-
 kotoko. Tadiaviny hotomorina isan-teny manko, nefa tokony
 hotazanina ambangovangony; tadiaviny hogiazana sy ho-
 hitsina, nefa milefidefitra sy miolakolaka; tadiaviny hifa-
 nentan-tsy misy mipika amin' ny tena zavatra, nefa mirom-
 borombo sy ninia-natao jery tanila matetika. Tonga amin' ilay hoe: ry zareo Vazaha mpanjohy hevitra tsy mivioka, ry zareo Gasy kosa mpanaraka ny fiainana amin' ny onjany. Samy misy lafy tsarany sy lafy ratsiny ireo, araka ny efa hitantsika. Fa izao no mba atsipiko amin-dry zareo Gasy:

Hita amin' izay voalaza momba ny fandinihy ny razana ny zava-manodidina azy izay, fa nifikitra amin' ny fiainana tokoa ny fandinihany. Araka ny nilany azy ireny amin' ny fiainana andavanandro — na ny fiainana ara-panahy izany na ny fiainana ara-batana — no nijerany sy nihainoany azy, nitsapany sy naminanany ny toetrany. Fahendren' ny razana io; ary adala ireo taranaka ankehitriny raha ho « *taity ny ankanga tsara soratra ka hanary ny akoho taman-trano* »! Mbola hovoasana etsy aoriana ny amin' ny fiainana ara-

panahy, fa ity aloha ny momba ny fiainana ara-batana: eny ho' aho, nahoaana ireo tanora natao handova sy hana-
 mainty molaly ny tanin-drazany no nandao ny akany nahabe, ka zary haolo sy lava volo ny valabe eny ambany vohitra? Sodoky ny rendrarendran' ny tanàn-dehibe angaha izy ireo, ka hendratrendratra tsy mety hitombin-tsaina intsony. . . . Tsy laviko fa maro ny antony nandaozany ny angady sy ny fiompiana — toy ny havesaran' ny fanompoana sy ny hanifin' ny vidim-bokatra — nefa ny antony tsy tandrin' izy ireo, dia tsy inona fa efa tsy nifototra amin' ny toniam-
 piainana ambany masony intsony ny fandinihany, ka nien-
 daka tsy nahay niorim-paka tamin' izay tena mahasoana ny fivelomana intsony izy ireny: taitry ny akanga tsara soratr' larivo sy ny karazany e! Vavolombelon' izany — mihari-
 hary toy ny vay an-kandrina — dia andramo mba anonta-
 niana an' ireny tanora mirijaraja eran' ny tanàn-dehibe ireny ange ny anarana sy ny toetoetry ny vohitra mbamin' ny rano mbamin' ny saha manodidina azy eny fotsiny aza: am-
 bany masony izany, saingy tsy nifotoran' ny fandinihany! Anontanio ny anarana sy ny toetoetry ny zava-maniry mbamin' ny biby kely sy lehibe mameny ny tanety aman-
 kavoana: ambany masony koa izany, saingy tsy nifotoran' ny fandinihany! Dre, fa inona loatra re no lavitra nahava-
 riana azy, no ny ambany maso indray no tsy hita? Tsy mba toy izany ireo razana tamin' ny andro teo aloha: tsy mba vahiny tan-tanindrazany izy ireo, fa tena tompoany nahalala sy nankamamy tokoa; tsy mba nievotrevotrevona tsaina foana, fa niorim-paka tamin' ny fandinihana ny tany sy ny rano sy ny zava-maniry sy ny biby rehetra nanodidina ny

fiainany. Ka izany dia izany no nampirakitra azy tamin' ny fambolena sy ny fiompiana, izany koa no nahalalany ireo fanafody sy fahaizana maro avy amin' ny ravinkazo sy ny biby samihafa rehetra efa very sio ankehitriny. Tafahoatra aza io fitia te-hamantatra ny tsara sy ny ratsy amin' ny zavatra drehetra manodidina ny fiainany io, ka nahatonga azy hinohino foana ny tonom-bitana mahazendana napetaky ny mpanandro amin' ny eran-tany sy ny eran-danitra... Fa raha ny amin' ny ankapobeny, nanana ny teo aloha raha ny fahalalana. Tsy be vola na be haitra izy nefa nanana ny tena mahasoa marina tamin' ny fivelomana ka botra botra sady finaitra no nateza. Fa inona azy, averiko indray inona no dia nampitsingevana ny fandinihan' ireo taranaka vao misondrotra?

Efa ela ny Ntaolo no nilaza hoe: « ny zaza mitombo toy ny rano am-pasika; ka izay amiliana azy no alehany ». Ka raha navily tamin' ny zavatra hafa tsy nihatra amin' izay ho foto-piainany sy sainy — tsy mba nampianarina hahalala tsara ny tany aman-drano sy ny zava-maniry amam-biby manodidina azy sy ambany masony izy - an' izany hadisoana? Eny e, mikasika ny ain' ny firenena io, ka aoka izay ny kinangananga! Fa raha tiana hankamamy ny tanindrazany ny tanora, tian-kiverina amin' ny fambolena sy ny fiompiana, dia zaro handinika sy hankaty izany hatrany an-tsekoly izy ireny, fa « izay amiliana azy no alehany »; ary izay atao masaka ao an-doha sy ao ampon' ny zaza ihany anie no ironan' ny fiainany any aoriana! Tsy te-hanitadresa aho, fa asakasak' izay manam-panahy...


Asetriko izany anefa, dia izao — ary fototry ny fandrosoan' ny firenena kosa ity — anjarantsika solofo dimbin' ny ala ny manohy ny dian' ny teo aloha, ny mandavorary

ny efa vitan' ny razana. Marina fa ny fandinihana mivantana amin' ny fiainana no sampanan-dàlana tena nozohiny, ary fahendreny io. Nefa fahendrena tsy maintsy hotovonana fa mbola tsy nihoatra ny fahazazana velively ny Gasy teo aloha raha ny amin' ny famakafakana ny tao-zavatra aman' asa rehetra ho voalamina ara-pitsipika miady zoro; ary izany, dia noho izy tsy mbola nanana andro malalaka na tsy mbola nanam-paniriana hanenjiana ilay saina mitrandraka sy maka andininy miadana. Satria maintsy io fikarohan' ny saina io dia tsy hita ho mahasoa mivantana amin' ny fivelomana eo no eo; kanjo mahasoa dia mahasoa indrindra, saingy teti-davitra. Koa mihenahena tsy mba hiroso amin' ny lalam-pahaizana maha-mpanjaka eo anivon' ny zava-boahary isika Gasy, raha mitokona amin' ilay fomba fandinihy ny razana fotsiny. Tsy ampy intsony io: ka tsy azo leferina ny ho afa-pon' ny ambangovangony sy ny « eo ho eo », fa tsy maintsy mahavatra manatsikerakera zavatra sy manohitohy hevitra hatramin' izay farany azon' ny saina savaina. Raha tsy tapa-pikasa hifototra amin' izany, dia mivonona hanaiky lempona amin' ny fomban-draharaha vaventy rehetra sy ny fampitomboan-karena ifanaovana amin' izao tontolo izao: satria manko tsy mba nianatra sy namototra tanteraka tsinona, ka dia voatery hiandry hoto-roana sy hotarihana isak' izay hihetsika.

Nefa anie tsy dia ambaka noho iza akory ny Gasy raha fa mba miezaka amin' io sampanan-dàlam-baovao io: maro ankehitriny ny tanora aminy no tsy ambany lanja noho iza na iza amin' ny fahaizany norantoiny. Hany andrasana, dia ity: aoka hohamoraina ny fahazoan' ny zaza malagasy manan-talenta mba hanakatra ny fahaizana ambony — ataovy mifanentana amin' ny zo maha-Gasy azy anefa — dia hiroso

ho azy hiara-mamindra amin' ny firenena any am-pita izy, ka hamongatra sy hamadibadika ny harem-be raketin' ity Nosy midadasika ity.

Hotaperiko eo ny amin' ny fahaizan' ny Gasy mamanan-javatra. Hofintiniko kely anefa izay voalaza: manan-dova tsy azom-bola aman-karena napetraky ny razany izy ny amin' io, nefa lova tsy maintsy ampiana avy amin' ny fahizam-baovao koa. Koa aoka hanaraoatra ny fomba fandiniaka mbola tsy nahazatra azy izy, no hilozoka indrindra amin' ny fomba fandiniaka nentin-drazany. Eny e, averiko ihany tsy hahalian-tsofina azy: ny fahaiza-manara-pandinihana ny fiainana ambany maso no tena foto-pivelomana sy tena foto-pahendrena, ary tsy azo lavina fa lasa lavitra ny Ntaolo tamin' io. Saingy notampohin' ny rendrarendra tsy fahitany ireo taranany, sodokan' ny haitraitra marevaka, ka nanary ny soa tsy tontan' ny ela. Dia ny fihetsiketsehana ivelany no nifanotofana an-jamba - nanantena hitobaka amin' ny fiadanam-bao - ary ny toetra anaty tena mahaolona dia nanjary ambin-javatra. Fa hadisoan' iza anefa? Be no maniny ny tanora malagasy ho maivamaivana amin' ny saina sy ny herim-po; fa hono ho' aho, raha tsy mba narin' tamin' ny fandinihana ny fiainana ambany masony ny fanahiny fony izy ireny tany an-tsekoly, dia azy ireny ve ny tsiny nony mihevaheva toa tsy mahita hifaharana izy izao? Mbola hiverenantsika io atsy aoriana. Fa aoka hosavasa-vaintsika amin' izao kosa ilay tombom-pahaizana nahatonga ireo razantsika ho mato-tsaina sy nahalanja tena, fa andry afovoany nijoroan' ny fihavanana ary vato fehizoro nira-fetan' ny fiainany: dia ny fahaizana mamantatra olona. Fara fahaizany tokoa io, ary fara-dinika rahateo koa.



...azy ireny ve ny tsiny nony mihevaheva toa tsy mahita hifaharana izy izao?

III. FAHAIZANY MAMANTATRA OLONA:

Tsy misy mifankatia marina, raha tsy mifampatoky; tsy misy mifampatoky, raha tsy efa nifampitsapa. Eo no fanalahidin' ny fihavanana: fa mety hamoha, ary mety hampikatona. Tsy maintsy mifampitsapa maintsy: saingy tandremo sao mandona ny tsy hodonina, ary sao mangarona ny tsy hoharonina. Ilàna fahaizana io. Ary satria ny fihavanana no foto-piainana amin' ny Gasy, dia io koa aminy no foto-pahaizana. Nataon' Andriananahary mora tohina lalina izy, ka maila-pamantatra ery: io indray koa anefa, misy lafiny tsara sy ratsy.

Ilay voalaza tary aloha hoe « voasariky ny mason' ny Gasy sy ny sofiny avokoa izao fihetsika kely rehetra izao », amin' ny olona indrindra no iharany. Hitantsika fa ny biby amam-borona sy ny vato aman-kazo aza narahin' ny Gasy amin' ny fihetsiny, ka toa novinaniny ny ao am-pony: mainka fa ny olombelona miara-belona aminy! Ohatra kely ao anatin' ny arivo ity: voatsikariny amin' ny famindrany irony karazan' olona mpanao azy ho anona irony (hàlany mainty am-pirenena, fa fanetriben' ny fihavanana), ka he ny fibikabikany azy — vao eo amin' ny famindrany fotsiny anefa — *mianjonanjona*, *miajakajoka*, *miandranandrana* -

miatikatika, *mihantsikantsika*, *miedinedina*, *mibehambehana* - *mitikitikina*, *mitihintihina*, *mijihinjina*, *mizitinjitina* - *mija-donjadona*, *mijidinjidina* ... Vao eo amin' ny famindrany fotsiny dia fotsiny ireo, fa mbola aiza sy aiza raha ny fihetsiny samihafa rehetra azon' ny Gasy marika! Tsy misy tsy tan-driny miaraka amin' ny vava, hatramin' izay fiteniny sy fijeriny sy fipetrany aza. Ohatra sombiny iny amin' ny mpia-vonavona iny. Fa ny antokon' olo-miaina rehetra dia voa-àraka amin' ny fihetsiny sahala amin' iny avokoa: ny zaza sy ny tanora, ny antidahy sy ny antibavy, ny boka sy ny jamba, ny mpanankarena sy ny ory, ny kahidy sy ny tendàna, ny hendry sy ny adala ... Rahoviana aho no hahatanisa ny fiteny sy ny ohabolana mahavariana mitantara ny fihetsik' izy ireny avy? Fatra-pandinika loatra maintsy ny Gasy indraindray, ka novisaisainy tsy amin' antra avokoa izao fihetsika mahatsikaiky azy rehetra izao: ny boka sy ny antitra ange dia anisan' ny voatsikilo! Tsy dia hanala tsiny madiodio an' ireo razana aho: satria, na dia tsy mbola nahalala ny farà-tampon' ny fifankatiavana notorin' i Jeso-Kristy aza izy ireo, dia mba efa nahalala ny fiantrana ny ory ihany — vavolombelon' izany, ireo didy malaza napetrak' Andrianam-poinimerina hitsimbinana ny kamboty sy ny madinika rehetra — saingy ao amin' ny fomban' ny Gasy indrindra, noho izy mandinika ny fizotra sy ny firindran' ny fiainana andavanandro, ny mahatsikaritra miaraka amin' izay raha vao misy fihetsik' olona hafahafa tsy mifanentana amin' ny tokony ho izy. Koa tsy dia fanesoana akory ny azy raha lokiloky sy mahavoaka teny mampihomehy izy, fa hatairan' ilay mpandinika sendra ny sampona.

Inona no maha-lokiloky ny zaza Gasy izay mbola tsy zatra — ary na dia ny Gasy zokinjokiny aza matetika (saingy ny lehibe moa mahay manafina eo imaso) — raha mandinika Vazaha izy indraindray? Zavatra tsy ifampihomehezan' izy samy izy Vazaha velively; kanjo mahaitra ny Gasy ny maha hita azy ireo mihetsiketsika fatratra sy mitroatroatra, tsy mba mitovy amin' ny fomban' izy samy Gasy milamindamina, ka mampikimokimo ary mampitokelaka azy aza. Ireny mbola zaza ireny izy dia efa mahadinidinika tsy ampoizina akory. Miahotrahotra sy menamenatra am-boalohany izay ny zareo kilonga, ka raha tsy efa mahalala ianao dia hihevitra azy tokoa hoe mpiasa be tsy misy tokony hitandritandremana. Kanjo!... Eo anatrehanao ireny toa jokotra tsy mahita inoninona; fa ny marina, dia tsy nisy nipika taminy ny fihetsikao teo ary tadiidiny sy hotantarainy any ho any! Tsy vitan' ny fihetsika eto ivelany ihany no voasariky ny maso sy ny sofin' ireny bitika ireny, fa heno na vinanin' ny fony vetivety koa ny toetry ny fanahinao, Marina fa na Gasy na Vazaha ary na iza na iza, matselaka daholo ny zaza amin' io: mbola tsotra sy madio mantsy ny fanahiny, ka mivantana sy mahiratra tsy mba voasembantsembana! Ny Gasy kely anefa raha oharina amin' ny Vazaha kely, dia ela fientana: tsy mba izy no avy hatrany dia hiantoraka eny aminao, na vao mihaona dia hiseho tanteraka! Ehe, mbola miandry izy: fa lalim-pandatsaka hono manko, ka ela vao mitobaka. Jereonao ny molony, toa tsy hisokatra; jereonao ny masony, toa tsy hitraka. Hiboraka ihany sa hihizinizina ilaikely ity? hoy ianao an' eritreritra. Kanjo mandritra izany, maminatratra anao mafy ilay fo keliny, mitsapatsapa sy mandanja-

lanja izay fihetsikao rehetra eo: na ho henjana tsy hitany hihantana ianao, na ho malemy paika azony hiraharahana. Matetika amin' ny fihanonanareo manaraka vao ho fantatrao ny fomba nitsarany sy naminaniany anao: ka na handosindositra anao mangina izy, na hanatokatona anao tsy ankiteny. Tsy ho hainy ny hamaoboaka hoe izao sy izao no ihatahany na iraketany aminao; fa ny tsy isalasalana dia tsaroan' ny ainy ianao: ka na ho mamy na ho mangidy aminy ny toetrao, dia saika mandrakariva tsy mba afo-mololo lohataona ny ao am-pony fa otrik' afo mateza ambany lavenona.

Izay ny amin' ny fahaizan' ny zaza bodo mamantatra olona: mbola bodo tokoa anefa izy ka dia manaraka anjamba amin' izay itondran' ny fony azy, izany hoe arakaraka izay mahafinaritra na mahasosotra azy fotsiny no ihetsehany, fa tsy hainy ny manavakavaka sy ny manarontsarona. Koa rahefa tsy azony ianao, dia hidongy ohatra ny vato izy: ary rahefa azoazony ianao, dia hitsonka ohatra ny menaka izy: io ilay fahatsoran' ny zaza tsy misy famavàny! Tsy mbola azony an-tsaina izany hoe fihavanana ifampitsimbinana sy izay hoe fomba miolaka hahazoana olona: mivantana amin-kitsim-po izy, matoky ny fitiavana sy ny rariny. Kanjo tsy ela dia voasimba ilay fanantenany nibaliaka, ary voakobana tsy satry ilay fijeriny mangalahala: satria vetivety dia nifanolana tamin' ny ankizy namany izy, ary nifanolana tamin' ny olon-dehibe. Hay tsy misy afa-kizotra amin' izay iriny tsy akory, fa lalan-tsarotra ifanohantohanana na ifandronjonana ny fiainana aty am-pivahiniana! Injay Rabeloha fa hanomboka hampiasa tetikady, ka handinika izay hahazoany

ny olon-drehetra ho azy: io ilay fitiavan-tena mivongady!

Dinihiny izay mampikentron-kandrana na mampitsiky anao, ka amboariny araka izany ny fomba ampiasainy, ary fidifidiny ny teny aloakany: mba ataony izay hitodiany amin' ilay fahasambarana nofinofisiny andro aman' alina ao an-dohany sy ao am-pony ao. Mandalo amin' izany avokoa ny zaza mitombo na aiza na aiza: eo no ivoraran' ny fanahin' ny olona na hifeloka na hirindra, eo no sampanan-dàlana isarahana' izay ho hendry sy izay ho adala. Fa mamantatra dia mamantatra ireny sakan-jaza ireny: mitsikilo sy mitsapa an' ireo nialoha làlana azy izy, mba hitsinjovany izay hom-bàny kosa. Eo no miavaka ilay hafetsen' ny zaza malagasy — hafetsena nampikoy an' izay vahiny nifampikasoka ampiampy tamin' ny tera-tanin' i Gasikara — fa manjary mahay mitandrin-tena loatra sy miambinambim-pihetsika izy ireo, ka matetika malady mitoe-dehibe alohan' ny fotoana. Tsy afeniko aza fa noho io hafetseny io, mety hahafitaka olona lalina izy: fa mety ho hafa no asehony aminao, ary mety ho hafa ny tena ao ampony sy ao an-dohany. Impiry aho no nahita olon-dehibe voarobon' ireny atriatri-jaza ireny! Mody drodrokoiny sy dokadokafany eo, kanjo sintoniny mora mora amin' izay kendreny. Efa nosafointsika tary aloha ny amin' io, ary mbola hotovonana atsy aoriana. Fa ity aloha no mba hatsipiko amin' izay rehetra mitondra ny zaza malagasy: iaraham-mahalala àry fa ianao lehibe ihany no alainy marika sy andanalanjany ny fihetsiny. Ka hoy aho: ianao no anisan' ny maha-marina na maha-tailanina ny toetrany, arakaraka izay fizàkanao azy ihany. Tsarovy fa « manaraka amin' ny onjany » no fombany, koa mba araho amin' ny onjany

koa izy: izany hoe aoka — alohan' ny zava-drehetra — ho malemy fanahy aminy ianao, mahatsindry fo ary maka miadana, ka tsy hatahotahorany fa ho azony toky handray azy amin-kamorana; aoka ho reny ny fitiavana azy ka ho azony ihandana marina toa ray aman-dreny ianao; raha izany, dia tsy hihafahafa izy fa hiseho tsy nahy araka ny tena toetrany; hiboraka aminao an-tsitrapo izy, ka hiantehitra tsy azo sarahina aminao. Izay no faka azy: ary raha izay — raha izay tokana anefa — vao azonao antoka fa afaka hiditra ao amin' ny fanahiny ianao. Fa raha tsy izay — raha ohatra mitratrevatreva sy foizina aminy ianao, na rai-nazy tsy mikarakara izay toetra ataony any — dia hibirika amin' ny fihatsarambelatsihy izy, na hiridana amin' ny danin' ny fony. Fa « ny fitondra olona, hono, toy ny fotaka: raha gejaïna miporiatra, raha avela miboraka, fa ny kenakenaina no ahatànana azy ».

Izay entin-kely no entin-dehibe. Tazano kosa ny Gasy rahafa tafarotsaka anivon' ny fiainana: eo ilay fahaizana olona nentin-drazany no manjary fahamalinana tsy manam-paharoa entiny manolokolo fihavanana, na mivadika ho hafetsena miefitrefitra entiny mampihitsoka anao. Mihorona amin' io fahaizana olona io tokoa ny fahaizan' ny Gasy: fa, araka ny efa naverimberiko, ao ny azy ny tena fiainany. Inona no mahatonga ny fifandraisan' izy samy Gasy — na dia hatramin' ny ady varotra sy raharaham-panjakana aza — ho raharaham-pihavanana avokoa, raha tsy io ihany? Ny Vazaha ny azy, rahafa raharaha dia raharaha; ny Gasy kosa, « ny fihavanana tsy azo hadinoina ». Ka tsy mba kapainy amin' ny « eny » na « tsia » fotsiny izao ny azy ny

vahavahan-dresaka, fa ampandoiny hantahanta sy fifano-
mezana sy fifanajana mandrakariva. Izany no iheverany ny
lehibe rehetra ho « *Ray aman-dreny* », ka kepoka erylany
fanahiny raha miseho ho mpifehy fotsiny ireo aminy. Olom-
belona ny azy, dia olombelona ihavanana, fa tsy mba ava-
kavahiny. Ary ny olombelona, dia fantany ny fioitra lalim-
paka indrindra mampihetsika azy: dia ny fitiavany na ny
fironan'ny fony. Koa ataon'ny Gasy — na mitafasiry fotsiny
na mifampiraharaha aminy ianao — izay hitiavanao azy
ka hironan'ny fonao aminy. Ampoiziny fa rahefa azony
ianao, hanaraka sy ho vita ho azy ny sisa. Ny fitia anefa,
takalo ihany: mba hahazoany ny fitianao, omeny anao aloha
ny azy. Ka eo no tena iasan' ilay fahaizany mamantatra
olona:

Fa dinihiny tsara (na jerenao eto ivelany ho toa tsy roto-
tra aminao aza izy) izay tena tianao sy ironan'ny fonao kosa.
Ataony ahoana no famantatra anao? Sarotra hovyaisaina
izany, fa izao ihany: voavinaniny amin'ny fihetsikao ianao.
Fady azy ny hivantambantana foana: fa mody doniny atsy
doniny aroa, somary tarafiny sy alainy misompirana. Izany
rehetra izany dia tahaka ny tsy kendreny akory, fa efa fom-
bany nentin-drazana: zohiny miadana ny hevitrao, « arahiny
amin'ny onjany » (fa izy moa tsy dia mba mitompo hevitra
imaso, raha tsy misy antony amin'ny fiainany tsinona),
mahafihim-bava izy araka izay ilainy, mahandry ny fotoana
ho masaka izy; tohininy tampoka ianao, antsafainy, tsaohiny
kely, asesiny amin'izay mampihilana anao. Ary rahefa hi-
tany amin'izay ny tena tianao sy ironan'ny fonao, dia avy
izy mba miombom-pitia aminao. Ka inona, fa tsy izay no

hoe « fanahy mifanojo »? Raikitra tery ny fihavanana: ary
rahafa ny fihavanana no manga amin-dry zareo Gasy, manga
daholo ny raharaha sy ny resaka rehetra! Indraindray anefa
— fa tsy dia mpaminany tsy mety diso izy tsy akory — tsy
voatsapany izay tena tianao sy ironan'ny fonao: dia midify
manao fiàlàn'olon-kendry izy amin'izay. Tsy hamboraka
ny tena ao am-pony izy, ary tsy hanapa-kevitra marina
aminao: « *tsobon-dranon-dRamiangaly*, hono, ka *raha ma-
rivo irobohana*, fa *raha lalina ihemorana* ». Eritreritra tsy
mifanena, ka aoka aloha. Aleon'ny Gasy matetika, rahafa
tahaka izay, tsy mikasi-teny an' ilay raharaha nanatonany
anao akory: « *misara-maina toy ny adin-tsikidin-drano* ».
Ary raha tsy izany, dia tsiipi-teny kely toa tsy sazoka no
ilazany azy eo am-piaingàna. Eny e, hainy amboarina araka
izay olona iraharahany ny fihetsiny: eo dia azy ny laka.

Io ilay fanahiny nataon'Andriananahary ho voasinton'
ny « hatsàran' » ny olona sy ny zavatra voalohany indrindra,
io ilay fony nataony malaky mahare ny fitepon'ny fon'ny
namany; io ilay fandinihany nataony hifikitra amin'ny
fiainana. Ao dia ao no ivoahana sy ameroveroan'ireo hanitra
rehetra nentin-drazany: ao amin'ny fahalalana olona sy ny
fitandroam-pihavanana. Moa misy ambony sy soa noho
ny fitiavana eto ambany masoandro? Fantatra fa mbola tsy
tena voadio, satria niankina fotsiny amin'ny fiainana hita
maso, ny fitiavana tamin'ireo razantsika: nefa nahatakatra
ny lalina indrindra izy nanao ny fihavanana ho rihitra ira-
fetan'ny fifampiraharahan-drehetra amin'ny mpiara-belona.
Nahoana tokoa moa no tsy atao fihavanana ny fiainana
manontolo, raha mbola azo atao ihany? Moa tsy ny fifan-

katiavana no notorin' i Jeso-Kristy ho fara-tampon' ny fahavorariana? Koa raha aorina amin' ny fitiavana an' Andriamanitra, Ray iombonana sy Mpanjakan' ny fo rehetra, ilay fihavanana nentin-drazan' ny Gasy: dia inona indray, fa tsy tonga amin' ny fanaperana! Ary ny mahagaga, na dia mbola tsy niorina tamin' izany aza ny fihavanana ny Ntaolo fahiny, dia nirafitra mafy sy nirindra tokoa: asa, afaka nandinika kokoa, angaha izy ireny, ka nahay nifampitsimbina kokoa noho isika. Fa he itony filazany, isehoan' ny fanahiny maranitra sy tia eritreritra.

« *Ny fihavanana tahaka ny voara: raha amboloina manitra ihany, fa raha verahina misy vitsika* ».

« *Ny fihavanana toy ny volonkotona: raha hatonina mandositra, raha halavirina, manatona* ».

« *Laingom-boaloboka lohataona, notsongoina vao misandrahaka* ».

« *Matokim-pihavanana ka mahay miteny* ».

« *Ny iray tambatambazan-koambakaina, ny iray odiantsy hita nefa lalaina* ».

« *Ny voky tsy mahaleo ny tsaroana* . . . ».

Izany fikajiana ny fiaraha-miaina tsy ho lany zoro izany no mahatonga ny Gasy ho tia lamindamina fatratra sy ho tia rariny loatra. Teliny ery ny olona mahalala hitsiny sy mahay mitsara tena, ary tsy zakany indrindra ny anaovana am-boraingona sy an-tery setra. Tsy ankasitrahiny mihitsy ny mihoatra ny mety: ny antonona ihany ny azy! Heveriny fa tsy fahendrena ny miridiridy sy tsy mahalala onony na amin' inona na amin' inona, indrindra amin' ny fitondrana olona, satria millefifitra no fomban' ny fiainana ary misy



Tsy misy milankatia marina, raha tsy mifampitoky.

fetrany ny zava-drehetra. Tsaroako tsara ohatra, fony izahay mbola tany an-tsekoly, fa anisan' ny zavatra nahamonamoina anay ny nahita ny mpampianatra sasany nanao fanahinjaza toa tsy ampy fiheverana; ary tena nampivonto ny fo kelinay kosa ny angatratra sy ny vingavinga noheverinay ho tsy ara-drariny. Ireny zaza malaza ho mafy hatoka ireny ange, raiso amin' ny maha-olona azy ary singory amin' ny teny hendry, raha tsy miondrika mora sy mibaboka amimpahatsorana. He te-ho alaina amin' ny fanahiny ny Gasy: rehefa hitany hoe rariny, dia izay. Hainoy izato filazàzany momba izany:

« Ny olona no miady, ny to (ny rariny) no aolaka ».

« Ny ary zato iombonana, ka kisoa iray no iadiana » (1)

« Rohy malemy, tsy afaky ny omby ».

« Ny hery tsy mahaleo ny fanahy ».

« Ady amin' adala, ny manam-panahy no mandefitra ».

« Ny manam-panahy mody voky, ny adala misesika ihany ».

« Kibokiboin' ny marina, ka milaza ny tsy anontaniana ».

« Ny heloka ibabohana mody rariny, ny rariny itompoana mody heloka ».

« Ny marina an-kanifisana, tsy hita raha tsy tsikeraina ».

« Ny marina tsy mba maty »!

Ny teny hono no tsy atao lava, ny mamerina azy no manahirana: tsy fohy intsony izay voalaza momba ny fahazan' ny Gasy mamantatra izay, ka aoka hofehezina sao mihahaka loatra. Nahariharin' ny fiteniny sy ny fomba

(1) Iraimbilanja tamin' izany ny kisoa iray.

fandininy zavatra sy ny firaharahany aman' olona, fa ilay fanahy maminany sy mahare ny « hatsàran' » ny manodidina azy no tena mahakinga sy mampihetsika ny Gasy. Izao anefa no mba zavatra atolotro azy: na toy inona na toy inona hama-ilak' ilay fanahy maminany sy mahare io, tsy ampy izany. Fa mandeha ila sy resy lanja ny fandrosoany, raha tsy mba vatran' koa ny mampihenjana ilay saina ela fikaroka fa mafy fihazona. Mbola tsy vatran' ny Gasy loatra io hatramin' izao, ary izany dia izany (araka ny efa voapongatra tary aloha) no nahavotsa azy tamin' ny fahaizana isan-karazany sy nahalemy kely ny toetrany. Fombany loatra ny falin' « angambagamba », sy ny tsy mamamparana fa « ataoko fa... » lava izao. « Iza hono no mahita? Sao toho latsaka am-bovo izy: mazava andro idirana, fa maizina andro ivohana ». Edre, adala tokoa izay mitsofoka amin' ny tsy fantany: nefa aza manaiky fotsiny tsy hahalala, fa henjano ny saina. Satria raha hanaraka ny angambangamba sy ny fientan' ny fo miovaova fotsiny ianao, dia hihazohazo foana eny ary tsy hahatozo zavatra hatramin' ny fanaperana. Anatra iny, ary fanentenana ny efa voalaza ihany.

Fa ataoko setrin' izay kosa, dia hoy aho: aza manely ny efa vory toy ny akoholahy an-tsonpitra anefa! Hararaoty ny fahaizam-baovao natoron' ny « havantsika avy any an-dafy » (izany no efa fiantson' Andrianampoinimerina ny Vazaha), nefa aza ariana ny fahendrena nahamendri-toe-piaina ny razana. Na amin' izao fotoanan' ny rendrarendra izao aza anie, tsy miova tsy akory fa ny « fanahy no olona »: dia ilay fisainana enti-miahy ny tokony sy ny tsy tokony amin' ny atao rehefra. Koa mba manantsafa aho: fananam-panahy

ve ny mihevaheva foana an-tanin-drazana, tsy mety hifototra amin' ny fambolena sy ny fiompiana intsony? Fana-nam-panahy ve ny mihevaheva foana am-pirenena, tsy mahay mifandrindra amin' ny tapaka sy namana intsony? Vonjeo lahy ny tanora, sao « *ny lala-madisa omaly hanjary tevan-kamono* »! Ny maha-olona aloha e: aza avela ho revo fotsiny amin' ny fianarana andanian-dron-doha ny zaza, fa volavolay indrindra ilay fanahiny hahay handan-jalanja ny ataony. Koa zaro dia zaro izy dia ny mbola zaza hanitatra ilay sainy enti-mikaroka sy mamorona; nefa zaro kokoa indray hadantolanto ilay fony enti-mitsapa sy miah-y ny fiainana. Izany dia izany no fahaizana voalohany — miandry hotovonam-pandrosoana isan' andro, nefa tokony hatao ho voalohan-toerana mandrakizay — izany no ham-piadana sy hahatomombana ny Gasy amin' ny fenitra maha-olombelona azy, eo amin' ny anjara masoandro nandaharan' Andriananahary!

Tapatapaka ahitra, toritory ravina: ampy izay, fa andeha hatao amboara tokana ireo voniny niafina tao anaty ahitra tsy tandrin' ny mason' ny mpivahiny ka nampoiziny ho efa nalazo sy nihintsana. Andeha havondrona hatao bango tokana. Ka raha ny fijeriko azy, izy rehetra nisandrahaka sy nofongapongarina tsirairay izay, dia mifandray tendro eo amin' ny « *fiavanana* » sy ny « *fahalalana* » avokoa. Tsia, tsy mbola maty ary tsy mbola nanjavona tsy akory izany « *fanahy maha-Gasy ny Gasy* » izany: fa mbola manitra ao am-pon' ny eran' ny Nosy! Saingy mila hofongarina: anjaran' ireo manana adidy mavesatra hanolokolo an' ireo solofo dimbin' ny ala izany.

Fa andeha isika kosa hamototra ny fakany: sao marivo filentika ireo « *fiavanana* » sy « *fahalalana* » ivondronan' ny « *fanahy maha-Gasy ny Gasy* » ireo. Fa tokana maintsy ny fakany tsy maintsy ifotoran' ny fiainan' olombelona, na avy aiza na avy aiza nipoiran' ka raha tsy tafapaka amin' iza-ny ilay « *fanahiny* », dia mihevaheva foana hongotan' ny rivo-miserana. Ka hoy aho, misavasava ny nipoiran' ireo « *fiavanana* » sy « *fahalalana* » ireo:

Ny fon' olombelona natao ho tia, ary ny sainy natao hahala: ka tsy misy tsy main-ketahetan' ny « *tsara* » sy ny « *marina* ». Ny hatsàran' ny manodidina azy no hita mampihendratra ny Gasy aloha indrindra eo amin' ny fiainany, ary ny fientany hankamin' izany dia hita fa, andavanandro, nampiantefa azy amin' ny marina. Fa dia ny « *tsara* » sy « *marina* » mitanila sy miovaova eto an-tany ihany ve no takatry ny fo sy sain' ny Gasy fahagola? Fa raha tahiny ka iray ihany, araka izay efa voalaza ny « *tsara* » sy ny « *marina* » rahafa fotorana; raha tahiny ka tokony hitovy fiantefa ihany ilay fo manambolo ny « *tsara* » sy ilay saina mangirika ny « *marina* »: raha izany tokoa, ka tsy nibirioka ilay « *fa-nahy maha-Gasy ny Gasy* » dia tsy maintsy ho tafapaka amin' ilay fakany tokana ipoiran' ny « *hatsaràna* » sy ny « *fahamarinana* » tsy an-kanavaka izy. Fa ny sakeli-drano tsy maintsy miray any amin' ny lohany, ny tàna-masoandro tsy maintsy miray any amin' ny foiben' any ny « *tsara* » sy ny « *marina* » mitanila sy miovaova eto an-tany koa tsy maintsy miray faka ao amin' ilay « *Soa* » tsy manam-pio-vana niandohana sy hiafaran' ny misy rehetra.

Eny, fa tafapaka hatramin' io « *fakany tokana* » io ny

fanahin' ireo Ntaolo razantsika. Teo am-pikezahany tsy nilaozam-pahoriana — raha nikatsaka ny « tsara » sy ny « marina » hahenika ny fanahiny izy teo anivon' ny zava-boahary — dia voavinaniny fa any ho any misy Mpahary sy Mpitondra an' izao tontolo izao. Nanao ahoana ny fani-vatsivaky ny fony sy ny sainy ka ninoany izany tsy ampi-salasalana? Sarotra ny hamepetra hoe izao sy izao: fa ny miharihary dia nahatakatra an' Andriamanitra ny fony sy ny sainy! Voavinaniny fa « tsara » sy « marina » indrindra izy izay, satria he fa nantsoiny hoe « Andriamanitra »: « Andriana » nitokiany handahatra ny misy rehetra araka ny laoniny, ka tena « Andry » tsy mikoro ianteheran' ny « marina tsy mba maty »; « Manitra » nanintona azy tsy hainy nolavina, ka noheveriny ho feno « hatsaràna » nian-vian' ny « hanitra » rehetra mampanan-kasina ny isam-batan' olona sy ny isam-pirenena.

Tafapaka tamin' Andriamanitra ny fo sy ny sain' ny Ntaolo: ary tafasokitra tsy azo kosehina tao amin' ny fanahiny izany fahalalana izany, ka azo lazaina fa io no tena « fakany » lalina nifotoran' ny fiainany manontolo. Marik' izany, dia ilay fiankinana sy fiononana tanteraka amin' ny lahatra — na maty na velona — hita amin' ny teraky ny Nosy tsy vaky volo. Niharo aizina ny fahalalany azy izay. Ary avo loatra ny fieretany azy: ka nangata-tsodrano taminy ihany izy isak' izay raharaha lehibebe nitranga tamin' ny fiainany, nefa ny tena nohatoniny sy nanaterany fanajana ivelany dia ireo « elanelan' ny tany sy lanitra » izay tsy iza fa ny « ranakandriana » nipetraka tamin' ny sampy nanindry mandry ny olombelona, ary ny « razana » nibitsibitsika sy nitahy ny mbola tavela:

nety nampivaona ny fanahiny izany, fa nanjary fomba ivelany fotsiny ny fivavahany, ny fahadisoana amin' ireny fomba ireny no tena noheverin-ko ho ota, ary matetika loatra — satria hadinodino ilay mahita ny ao am-po — dia ny fahamalinana amin' ny olona no nanjary fitsipi-pitondran-tena... Ka atao ahoana, fa mbola niraparapa tao anatin' ny alina izy. Nefa na dia izany aza, nangingotra ny ainy marina tokoa ilay Mpahary azy: ka he fa notondroiny ho loza amin' antambo tsy mendrika ho olona intsony izany hoe « tsy mahalala an' Andriamanitra ». Ary reny nanakoako tao an'eritreriny, tsy hainy nanentsenan-tadiny, ny feony nandrara na nandidy azy isaky ny misy adim-panahy; ka na tsy nana-kery hanaraka izany feo izany mandrakariva aza izy fa resin' ny sitrapony hifidy ny mahafinaritra fotsiny matetika loatra, dia niaiky am-pahatsorana fa nikimpy nentin' ny ditra:

« Aza ny lohasaha mangina no heverina, hoy izy, fa Andriamanitra an-tampon' ny loha ».

« Ny adala no tsy ambakaina, Andriamanitra no atahorana ».

« Aleo enjehin' ny omby masiaka toy izay enjehin' ny eritreritra ».


« Andriamanitra tsy andrin' olona, andriko ihany ».

Eny e, nifototra tamin' Andriamanitra marimarina raha ny fanahin' ny Malagasy: hatramin' izao, niandry azy hitondra ny Fahazavana mba hanilo ny diany izy, mba hahitany ny lalana hodianany any aminy.

Ary eto kosa, dia mitodika any amin' ireo Tanora vao misondrotra izahay — fa izy ireo no hitari-dalana ny Firenena — ka atolotray azy ny « rakitra masina » ifandovana:

Atsangano ny orim-bato, ry zandry malala, fa hotana-nao ny « hanitra nentin-drazana »: tano amim-pankasitra-hana, fa ianao no namoriana sy niasaran' ireo « loharanon' aina »; tano amin-drehareha, fa ianao no fanantenana sy tabihan' ireo « hazo efa amoron-tevana ».

Ka voalohany, aza hadinoina fa tsy mety anie raha ho somadodoka hanangan-drindrana sy hameta-tafo raha tsy efa tomombana sy azo antoka aloha, ny fototra tokony hanorenana: te-hampijoro ny fandrosoana ianao, ka fan-taro fa ny « fanahy soa nentin-drazana » ihany no fototra tsy miova nalahatr' Andriananahary hiorenan' ny isam-pirenena; ary ny fandrosoana na amin' inona na amin' inona — raha tsy nokendren-kifototra amin' izany — dia kinangana miorina amin' ny fasika, ka ho entin-driaka raha fahavaratra. Aoka handre izay manan-tsofina hihainoana! Ary tsarovy, faharoan' izany, fa efa voasoratra hoe: « *raha tsy Yave no manorina ny trano, sasa-poana izay manorina azy* »! Koa lozan' ny taranaka mandimby, raha ho avy ny andro ka tsy ny fahalalana an' Yave intsony no hiorenan' ny fanahin' ny Malagasy: aoka tsy hanatrika izany iny masoandro sarin' ilay Masoandron' izao tontolo izao iny, ambara-piso-



Aza ny lohasaha mangina no heverina. fa Andriamanitra an-tampon'ny loha.

kany any amin' ny alina mandrakizay! Mbola manjavozavo ny fahalalan' ny Ntaolo an' ilay « nahary tongotra aman-tanana azy », ka niraparapa ny dian' izy ireo nitady azy izay; fa efa tonga amin' ireo menaky ny ainy ny Fahazavana nandrasany tsy avy. Ka miandrindrà ambony, ny terak' i Gasikara, mandrenesa ny tendrombohitra sy ny lohasaha amin' ny lafiny valo.

Fa hendry ny firenena mahatàna ny « lova masina » napetraky ny razany; fa mbola hendry kokoa izy raha manovona izany ho lavorary: koa akory, ry manam-panahy Zafin' ny Ntaolo, fa nitosaka teto anivon' ny riaka ny loharanom-pahaizana vaovao, ary nipoaka ny tsirim-pahazavana avy any ambony. Rano hahalonaka ny tany ve 'ndeha hofefena, ary masoandro mitsidika ve 'ndeha ho takonana. Sanatria anay ny hanosika ireo fahaizam-baovao avy any an-dafin' ny ranomasina: fantatray fa toniam-pandrosoana marina ireny, raha tahiny ka tsy ankosotra sy haitraitra fotsiny fa tena hanandratra ny fanahy ao anaty. Tandremo dia tandro dremo anefa, ry ilay zaza bodo tampohin-javatra, fa tsy dia volamena avokoa tsy akory izay rehetra mamirapiratra: fa sao ny rendrarendra manodoka avy any an-kafa no anarianao ny haren-tsy vasoky ny taona napetraky ny razanao. Fa ny Soa tena fanaperana tonga teto an-tanin-drazanao, dia ilay Masoandro nandrasan' ny Razanao hanilo ny diany hody any amin' ilay Tanindrazam-be hihaonan' ny Tanindrazan-drehetra mora levona: tonga ny Evanjely hanolotra Hazavana sy manome Hery an' izay mahitsy fo — na iza na iza — mino ka te-hanara-dia an' ilay Zanak' Andriamania nitra tonga zanak' olombelona niantso hoe:

« Izay manaraka ahy tsy mandeha amin' ny maizina:
Izaho no Làlana sy ny Fahamarinana ary Fiainana !

Koa 'ndeha isika, ry namako mpivahiny tratry ny Masoandro nipoaka — alohan' ny filofosan-drehetra hanandratana ny Firenentsika — 'ndeha hohalalinina sy hifaharana ny « Teny mahavelona » nambaran' i Jeso-Kristy sy ampianarin' ny Eglizy antsika: fa amin' izay no hamerovero tanteraka ireo « hanitra nentin-drazantsika ». Ka ny fihavanana, rihitra irafetan' ny fiaraha-miaina tamin' ny Ntaolo hisondrotra ho fitiavana lavorary miorim-paka amin' ny fitiavan-tokana an' ilay Hatsarana tsy misy fetra; ary ny fahalalana, nihoronan' ny fandinihan' ny Ntaolo, hisondrotra ho fahalalana azo itokiana an' ilay Fahamarinana tsy misy aloka! Ary dia ho afa-diana sy ho heni-kasina ilay « fanahy soa maha-Gasy antsika, sa tsy izay »?

Hoy ny anankiray amin' ireo vato namelan-kafatra,
niloka tsy hihinana voa manadino.

FIZAHAN-TAKELAKA

Ho anao, Tanora «solofo dimbin'ny ala» 5
Soritsori-dresaka 9

I. Hery mahalasa lavitra azy amin'ny fihavanana 13

1. Ny hantahanta 16
2. Ny fifanomezana 22
3. Ny fifanajana 31

II. Fanilo ahatakarany lalina amin'ny fahalalana 37

1. Asehon'ny fiteniny 40
2. Fahaizana mamanta-javatra 52
3. Fahaizana mamantatra olona 68

88 Tan-tsoroka apetraky ny zoky 85

Anarana : RAKOTONDRAZAKA

Fanampiny: Fenotoky Elisa

Adiresy: porte 309 CD cite Universitaire Ambatomaro

Tél : 0330506130

Lohatenin'ny asa fikarohana : « Ny porofo iorenan'ny fanohanan-kevitra RAHAJARIZAFY ao amin'ny boky Hanitra nentin-drazana »

Isan'ny takila : 84

Isan'ny fafana: 05

Isan'ny kisary : 01

FAMINTINANA NY ASA

Miompana amin'ny porofon-kevitra ampiasain'ny mpanoratra ao anatin'ny asa soratra ity asa fikarohana. Ny haitsikera ara-tantaran'ny mpanoratra sy ny endrim-penitra voajanahary mibaiko ny fanaporofoana izay naroson'i Michael Gilbert no nitondrana ny asa. Nofantarina mialoha ny mombamomba ny mpanoratra amin'ny ankapobeny ary nojerena avy eo fa ampiasainy ho porofon-kevitra ao amin'ny boky nosoratany izany. Manaraka izany dia hita ihany koa fa mbola raisin'ny mpanoratra ho porofon-kevitra ny zava-misy teo anivon'ny firenena sy ny fiarahamonina tamin'ny vanim-potoana nanoratany ny boky. Ary nojerena farany ny tanjon'ny mpanoratra izay notsoahina avy amin'ny porofo nahitana izany tao amin'ny asa soratra sy ny fomba nanatanterahany azy.

Teny manan-danja : asa soratra, kanto, literatiora, mpanoratra, porofon-kevitra

Mpitarika: Andriamatoa RABENALISOA RAVALITERA Jean